# 2017

# REVOLISIONA: ILAY FANAVAOZANA IZAY NANOVA IZAO TONTOLO IZAO



**HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA HO AN'NY TANORA ZOKINY ANDRO MANERAN-TANY HO AN'NY TANORA: 18 MARTSA 2017**

**SABATAN'NY FIVERENANA AO AN-TRANO: 25 MARTSA 2017**

Departemantan'ny Tanora eo anivon'ny Fivondronamben'ny Fiangonana Advantista maneran-tany.

# 2017

# Herinandro fiaraha-mivavaka ho an'ny Tanora zokiny

**Lohateny:**

**REVOLISIONA**

**FIOVANA GOAVANA**

*Ilay Fanavaozana izay nanova izao tontolo izao*

**Lohahevitra:**

*Mijoro amin'ny hevitro aho!*

**Toriteny isan'andro mandritra ny 8 andro (Sabata– Sabata)**

Ny daty ofisialy hanaovana ny herinandro fiaraha-mivavaka dia ny

**18-25 Martsa 2017**

**Andro maneran-tany ho an'ny Tanora: 18 Martsa 2017**

**Sabatan'ny Fiverenana ao an-trano: 25 Martsa 2017**

**REVOLISIONA (FIOVANA GOAVANA):** *Ilay Fanavaozana izay nanova izao tontolo izao*

Youth Ministry Accent® dia boky vokarin'ny Departemantan'ny Tanora, eo anivon'ny Fivondronamben'ny fiangonana Advantista maneran-tany®. Tsy azo adika na alain-tahaka.

Copyright © 2016, avy tamin'ny Departemantan'ny Tanora eo anivon'ny Fivondronamben'ny Fiangonana Advantista maneran-tany.

Azonao atao ny mitsidika ny tranonkala www.gcyouthministries.org raha maniry hahazo izany.

**IREO MPANDRAY ANJARA FOTOTRA:**

Mpanoratra fototra: Johannes Hartlapp

Nanampy azy: Gilbert Cangy,
Pako Mokgwane, Maria Manderson

Nanamboatra ny raki-tsoratra: Gilbert Cangy

Nanampy azy: Pako Mokgwane

Nisahana ny drafitr'asa: Maria Manderson

Nanao ny fanitsiana farany: Sophia Boswell

Nanao ny fanitsiana voalohany: Maria Manderson

Nandika avy tamin'ny teny Alema ho amin'ny teny Anglisy: Brent Blum

Namolavola ny endriny anatiny: Maria Manderson

Sary: Istock.com

Nohamarinin'ny "Biblical Research Institute"

**DIKAN-TENY NAMPIASAINA:**

New King James Version (NKJV)

Baiboly nadika avy tamin'ny teny Grika sy Hebreo. ®. Copyright © 1982 avy tamin'iThomas Nelson. Nahazoan-dàlana. Tsy azo adika na alain-tahaka.

**DIKAN-TENY HAFA:**

Dikan-teny Iombonana eto Madagasikara (DIEM). Raràna ny fanontana ny boky raha tsy nahazoan-dàlana.
Tsy azo adika na alain-tahaka.

**Nomena fahazoan-dàlana handika ity boky, herinandro fiaraha-mivavaka ho an'ny tanora zokiny ity,** ny fiangonana, sy ireo vondron'ny tanora ary ireo manatanteraka asa fitaizana Kristiana. Tsy ilaina ny fahazoan-dàlana manokana. Na izany aza, tsy azo atao ny maka tahaka ny raki-tsoratra ato anatin'ity *Herinandro fiaraha-mivavaka* ho an'ny tanora ity raha tsy nahazo taratasy fahazoan-dàlana avy tamin'ny mpamokatra azy. Tsy azo adika na alain-tahaka.



## Manaova drafitra ho ***Fankalazana ny fiverenana ao an-trano***.

### Mamorona Tarika Mpanohana Barnabasy

Hoy ny Baiboly: "Fa lehilahy tsara fanahy izy sady feno ny Fanahy Masina sy finoana; ary maro be ny olona nanampy ho an'ny Tompo", Asa 11:24. Tena nino marina ny fanomezana tombontsoa faharoa fanararaotra i Barnabasy (2nde chance). Rehefa niova fo i Paoly dia natahotra ny fiangonana ny hamoha fotsiny ny varavarana ka hamela azy hiditra. Nanao tsinontsinona ny lazany i Barnabasy mba handraisana an'i Paoly ilay mpampihorohoro tonga kristiana.Rehefa nanapa-kevitra i Paoly fa tsy te hitondra an'i Jaona Marka hiara-dàlana aminy satria efa niverin-dàlana izy teo aloha, dia i Barnabasy no nanapa-kevitra nitondra an'ilay tanora: Jaona Marka, izay noheverin'ny sasany ho tsy nahomby dia nahazo tombontsoa fanindroany hofanarenana. Mafy ny fifamaliana teo amin'i Barnabasy sy Paoly ka nahatonga azy ireo hisara-bazana. Taty aoriana dia hitan'i Paoly ny tombambidin'ilay tovolahy, ary nohirahiny mihintsy aza izy mba hanampy azy amin'ny dia misionera.
Matetika ireo tanora izay nanao fahadisoana dia mila olona fotsiny izay hino sy hatoky azy ireo.
Mamorona Tarika Mpanohana Barnabasy izay hamporisika sy hanampy ireo izay nitombo tao amin'ny fiangonana kanefa nanapakevitra ny handao izany. Tsy ilainao ny ahafantatra ny antony fa mandraisa fotsiny fanapahankevitra ny hivavaka 5mn isanandro ho an'ny tanora izay fantatrao fa nandao ny fiangonana ary manaova drafitra izay tsara indrindra mba hamerenana azy ireo. Mitadiava fomba izay izaràna amin'izy ireo, ireo fijoroana vavolombelona tamin'ny andron'ny tanora maneran-tany sy ny herinandro fiaraha-mivavaka ary asao izy ireo ho tonga amin'ny fotoana famaranana: FANKALAZANA NY FIVERENANA AO AN-TRANO.

MANIRY NY HO BARNABASY VE IANAO ANDROANY?
Amporisiho ny tanora anankiray hiverina ao an-trano.

AMPIO IZY IREO HAHITA NY LALANA MODY!
Mitadiava hevitra hamangiana azy ireo.

# FANOROAM-PEJY


TENIN'NY MPANOLOTRA

VAKIO ALOHA ITY

MITAZONA AZY HO TENA ZAVA-MISY

FAMPIDIRANA

ANDRO 1 : Ny Maha zava-dehibe ny Tenin'Andriamanitra *(Sola Scriptura)*

ANDRO 2 : Amin'ny Alalan'ny Fahasoavana Irery Ihany *(Sola Gratia)*

ANDRO 3 : Kristy, ivon'ny fiainantsika *(Sola Christus)*

ANDRO 4 : Ny Fiangonana, Asa Fisoronana ho an'ny Mpino Rehetra

ANDRO 5 : Mitondra firaisana sy fanavaozana ny Fanasan'ny Tompo

ANDRO 6 : Fiaikan-keloka sy fahamelohana *(Sola Fide)*

ANDRO 7 : Ny Batisa—fanekena vaovao miaraka amin'i
Jesosy

ANDRO 8: Hoavy indray Kristy hitondra famonjena sy fitsarana

# TENIN'NY MPANOLOTRA



*Pako Mokgwane*

Tale mpiara-miasa ao amin'ny Departemantan'ny Tanora
ao amin'ny Foibe Manerantany, misahana ny Tanora Zokiny
i Pako Mokgwane.

Ry tanora namana:

Tsy ny hanova ny sain'andriamanitra ny anton'ny fivavahana, na ny hahatonga anao hahazo izay tianao. Ny faniriana tsy midika ho filàna, tsy magazain-javamamy akory ny vavaka. Natao hanehoana ny fankasitrahantsika sy ny faniriantsika ho velona ho an'Andriamanitra ny fivavahana. Ary satria tsy fantatsika ahoana no fivavaka, na ahoana no fomba hanehoantsika ny vavaka ataontsika, dia noraisin'ny Fanahy Masina ho Azy ny vavaka (Romana 8:26).

*Ary toy izany koa, ny Fanahy no mamonjy ny fahalementsika: fa tsy fantatsika izay vavaka tokony hataontsika; fa ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina.*

*Ary Izay mandinika ny fo no mahalala izay hevitry ny Fanahy, satria araka an'Andriamanitra ny fifonany ho an'ny olona masina.*

*Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra, dia izay voantso araka ny fikasany rahateo. (Romana 8:26-28)*

Tsy ngonongonona sy fifanosehan-teny ny vavaka, tsy maintsy ataontsika mazava izay ambarantsika, sady iniana no nilazana azy. Miresaka amin'ny Ray be fitiavana, te hanome ny tsara indrindra ho anao ianao. Ny fahalalanao ny fitiavany no tokony hanosika anao hiresaka malalaka aminy. Koa dia tsy mampaninona izay halavan'ny fotoana laninao rehefa mivavaka mitokana, mandalo fotoana manokana, mifanatrika amin'ny Rainao ianao, dia Ilay tia sy mahafantatra izay tianao ho lazaina. Io no fantsona mampifandray ny Ray be fitiavana amin'ny zanany. Koa dia ahoana ary no fiasan'izany fifandraisana izany?

Hanombohana azy, dia manokana fotoana misimisy hitokanana manokana miaraka amin'Andriamanitra. Izany no nataon'i Jesosy! Ary Izy no ohatra ho antsika. Tsy hetsika amin'ny fotoana manokana ny fivavahana, fa fomba fiaina. Tsy tokony ho zavatra vonjivonjena, 'efa eo ihany' izany. Atsofoy anaty fandaharam-potoananao. Atomboy miaraka amin'Andriamanitra ny andronao ary farano miaraka aminy, ary eo anelanelany, manokàna fotoam-bavaka mafana ho Azy. Mivavaha mandrakariva! Tsy voatery ho vavaka tononina foana akory ny vavaka, mety ho an-tsoratra koa izany. Misy olona mahay maneho kokoa ny momba azy an-tsoratra. Raha olona tia manoratra ianao, dia manaova diarim-bavaka. Mahamora ny fanjohiana ny valim-bavaka ny diarim-bavaka, ary rehefa alaim-panahy ho kivy ianao, dia ho fampaherezana sy ho fitadidiana ny amin'ny fomba namalian'Andriamanitra ny vavaka nataonao tamin'ny lasa izany.

Mila fahasoavana ny mpanota tsirairay. Amin'Andriamanitra sy ilay olona voakasik'izany ihany ny fihaonana tampoka amin'ny fahasoavana, fa raha tsy izany dia mitsahatra tsy ho fahasoavana izy. Avy amin'Andriamanitra ny fahasoavana. Manaja ny maha-izy azy ilay olona ny Fahasoavana rehefa nahatratra ny kianjan'ny lanitra ny famborahana azy. Marina sy malalaka Andriamanitra ny amin'ny diarin'ny tsirairay sy ny tsy fahasahiana saro-pantarina. Hamafisin'ny Fitiavana ny Fahasoavana. Andriamanitra irery no afaka manolotra izany. Tsy manana fahafahana hanome fahasoavana mamonjy ny olombelona. Noho izany, rehefa mangataka famelan-keloka ianao, dia inoy fa eo no ho eo sy tena zava-misy izany. Na inona na inona toerana misy ny mpitondra fivavahana dia tsy manana na pitika fahasoavana kely akory omena izy. Manana Mpisoronabe any amin'ny Fitoerana Masin'ny lanitra isika!

Noho izany ry namako, azo amin'ny fotoana rehetra sy na aiza na aiza ny fahasoavana. Tsy misy fahotana lehibe loatra na maharikoriko loatra eto ambany masoandro ka tsy voafehin'ny fahasoavan'Andriamanitra. Eny, miandry hanasitrana sy hamela ny helokao Andriamanitra, kanefa tsy maintsy mitady Azy ao amin'ny vavaka ianao. Tahaka izay nolazainy tamin'ny Zanak'Israely fahiny ihany, no ilazany amintsika ankehitriny hoe: "raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny.

Ary izao dia hihiratra ny masoko, ary ny sofiko hihaino ny vavaka Izay atao amin'ity fitoerana ity" (2 Tant. 7:14-15).

Mandania fotoana amin'ny vavaka, hanova anao sy ny manodidina anao izany. Arakaraky ny hivavahana no hahakely ny ahiahinao. Mivavaha! Eo mandrakariva Andriamanitra.

Pako Mokgwane

# VAKIO ALOHA ITY

**Atomboy izao ny drafitrao.** Fantatsika fa miova eny amin'ny faran'ny taona ny fitarihana indraindray, kanefa miangavy re raha sitrakao, raha tsy ho mpitarika ny Tanora Advantista intsony ianao amin'ny taona manaraka, dia aoka izany tsy hanakana anao hijanona ny hanao drafitra ny amin'ity herinandro manokana ity. Atomboy ny drafitrao, velaro ny tanjonao, angony ny tarikao, ary ataovy azo antoka fa isan'izany tarika izany ny pasitoranareo.


**Manangana Tarika Fampandrosoana.** Arakaraky ny haben'ny fiangonanao no maha efatra na valo ao anatin'ny tarika, izay hiaraka hamakivaky ny toriteny valo miaraka aminao. Izay lehibe tanora sy mpitarika tanora (Mpisavalalana, Sekoly Sabata, ny pasiteranao, sns.) liana sy manolo-tena ihany ampidirina ao anaty tarika; zava-dehibe izany satria ilaina ny fitompoan-draharahan'ny tarika rehetra, fa tsy ianao sy ny mpanampy anao fotsiny. Angataho hihaona mandritra ny telo herinandro ny tarika handray an-tanana ny zava-drehetra. Fantaro tsara ny tanjona sy izay tianareo hahatongavana, amin'ny fihaonana voalohany no mety indrindra izay, ka mifidiana tanora iray isan'andro hitondra ny teny.

**Ampidiro ao anatin'ny drafitry ny herinandro fivavahanareo ny Andron'ny Tanora Manerantany.** Ny lafatra indrindra dia lasa fotoana hianaran'ny tanora hanome izay avy aminy nisy fihafiana ny Andron'ny Tanora Manerentany (ATM) hanomezany tombony ho an'ny fiangonana sy ny fiaraha-monina. Raha tarika kely ianareo ka tsy manana izay ho enti-manana hankalazana ny ATM, dia ity no fotoana fandrodanana ny rindrin'ny fisarahana ara-piangonana eo amin'ny toerana misy anao amin'ny fiombonana antoka amin'ny tanora avy amin'ny fiangonana hafa eo an-toerana.

**Atokany ireo Miaramilan'ny Vavaka anananao.** Aoka hisy tanora zokiny. Aoka ho azonao antoka fa io tarika io dia azonao itokisana izaràna ny zavatra ilain'ny tenanao manokana sy ny asa fanompoana ataonao.

**Mifidiana hira faneva.** Ampandraiso anjara ny antoko mpihira. Raha tsy manana antoko mpihira, dia izao no fotoana fananganana azy. Misafidiana hira tianareo rehetra sady mifanaraka tsara amin'ny lohahevitra isan-kariva, na mifidiana hira iray ho an'ny herinandro manontolo.

**Manomboha diarim-bavaka.** Tsy misy zava-dehibe eo amin'ny fitomboanao ara-panahy mihoatra noho ny fotoana lany amin'ny vavaka. Hitombo miaraka amin'ny fitombonao ny tanoranao. Hanampy anao hihaona amin'Andriamanitra amin'ny fomba vaovao sy mampientanentana ny fitanana diarim-bavaka. Azonao "zohina" ny dianao miaraka amin'Andriamanitra rehefa manao tamberina sy jery todika ireo vavaka voavaly ianao ka hitanao ny fomba nitarihany anao isaky ny mandingana isan'andro. Ho tonga ao an-tsainao ny hevitra vaovao rehefa mandany fotoana mandraikitra an-tsoratra ny vavakao eo anatrehany ianao. Misy hevitra betsaka ao amin'ny tranonkalam-pifandraisana mahakasika fanombohana sy famenoana diary. Mankanesa ao amin'ny www.google.com dia soraty ny teny "starting a prayer journal."



*Fa velona sy mahery ny tenin'Andriamanitra ka maranitra noho ny sabatra roa lela, ka manindrona hatramin'ny fampisarahana ny aina sy ny fanahy ary ny tonona sy ny tsoka, ka mahay mamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo.*

Heb 4 :12



## MITAZONA AZY HO TENA ZAVAMISY *nosoratan'i Maria Manderson*

Tsy fantatro mihitsy hoe oviana, taiza na nahoana no niantombohan'io, na ny hoe ahoana no niantombohany. Nahazo ahy tsimoramora tsy reko akory izy io. Ny fantatro fotsiny dia lasa zavamahadomelina ho ahy ny tsilalaon-teny – mamaha ny olako reheta izany. Marina e! tsy mampaninona na manao ahoana na manao ahoana haratsin'ny androko, fa raha vao afaka milalao Teny miaraka amin'ny namako aho … na mandresy aho na resy … Dia tsara aho. tsy mitebiteby ny amin'izay olana atrehiko amin'io fotoana io aho, ary tsy mila olona manodidina ahy akory aza aho, …. Raha vao afaka milalao miaraka amin'ny "namako". Dia mahatsiaro ho tsara. Lalao amin'ny aterineto miaraka amina namana hafa amin'ny toerana samihafa ny Teny miaraka amin'ny namana. Ny hahazoana teny marobe araka izay azo atao no tanjona (tsy misy vola na loka).

Izao an! Aza diso fandray ahy … tsy hoe olona tia mitokatoka-monina tsy mila namana aho. Amin'ny lafiny iray, tena olona mila fifandraisana aman'olona aho. Nahalehibe ankizilahy telo aho, koa dia tena zatra nisy ankizy, dia avy eo nisy vatombatony foana tao an-trano. Ary tampoka teo dia irery aho. Izay ilay olona mivelona amin'ny fahazarana, zatra nikarakara fianakaviana nandritra ny roapolo taona mahery, nanirery tampoka teo. Tena maharary sy mampisavoritaka io fahatsapana ho irery io. Araky ny mahabe ny filàna, no mahabe ny mety hahavoafitaka sy haharatràna.
Noho izany, rehefa hita fa mampaharatra ny fiainana, dia tena iraka avy amin'Andriamanitra ny nahitako io lalao amin'ny finday io. Nanjary fandaniako fotoana amin'ny alina sy fiarahana amin'ny namana mandritra ny faran'ny herinandro.

Tena niankin-doha aho.

Nefa koa Kristiana aho.
Tsy tokony hahatsiaro ho manirery aho …. Afaka miresaka amin'Andriamanitra momba izany mandrakariva aho. Tsy natao hiaraka amintsika mandrakizay akory ny ankizy, ny hanofana azy ireny

hahaleo tena, ho mambra mandray anjara amin'ny fiainan'ny fiaraha-monina no nandrasana tamintsika. Mila miala izy ireo. Ahoana no nahatonga ahy ho tafiditra tamin'ity? Adiny roa na mihoatra isak'alina miaraka amina olona kisendrasendra tsy mbola nihaona taminao mihintsy. Toa hahatsapana fahalemena izany. Tsy misy ratram-po, tsy misy fanilikilihana, na mety ho famadihana. Tsy misy na inona na inona. Tsy misy loza mitatao mihintsy.

Rehefa niasa tamin'ity tetikasa Herinandro fiaraha-mivavaka ity kelikely aho, dia nandinika ny tsingerin'ny fanavaozana iray manontolo. Izay tena fiovana takian'izany marina, ka dia tapa-kevitra aho fa izay no hataoko. Raha nikatsaka ny hitoetra ao amin'i Kristy aho dia tsy maintsy hanova ny fomba fisainako. Mila mitandrina tsara aho; tsy misy tsininy akory izany hoe milalao teny amin'ny finday. Tsy "fahotana" izany, tsy fakam-panahy koa, niatomboka tamin'ny fandanian'andro fotsiny izany. Ny loza anefa dia izao, izay rehetra manala ny sainao amin'i Jesosy, izay rehetra manandrakandrana haka ny toerana azony omena dia sampy avokoa – tena tsotra tahaka izany izy ity. Mora koa ny fiverenan-dalana, kanefa dia mitaky fifehezan-tena izany. Tsy handany ora roa na maro intsony isak'alina sy faran'ny herinandro tsy voatanisa miaraka amin'olona kisendrasendra tsy hihaona amiko na oviana na oviana aho. Aleoko manontona ny fotoanako, sy ny faran'ny herinandro tsy voatanisa miaraka amin'Olona Iray kasaiko hihaona amiko indray andro any. Jesosy.

Hoy Ellen White, "miara-miasa hanandratra sy hanadio ny toetra ny fiaraha-miasan'Andriamanitra sy ny olona. Rehefa mihazona ny fanahy ny hery manovan'Andriamanitra, dia hiasa ho fiovana tanteraka izany" (Signs of the Times, July 29, 1889, paragraph 9). Izany no faniriako ... ny hanana ny toetrako ho voadio tanteraka.

Koa dia inty indray no ho fahazarako:

1. Vavaka
2. Mamaky Baiboly farafahakeliny 30 minitra isa-maraina (ilaiko io fahazarana io, azonao atao ny mifidy fotoana mety aminao indrindra ao anatin'ny iray andro.)
3. Asa, sekoly, na asa fanao andavanandro ilainao atao.
4. Fotoana fialan-tsasatra
5. Famakiana Baiboly mandritra ny 30 minitra isan-kariva farafahakeliy (Ilaiko io fahazarana io, afaka mifidy fotoana mety aminao indrindra ianao anatin'ny iray andro.)
6. Vavaka
7. Fandriana

Hoy Martin Luther indray mandeha: "Ho mety kokoa ny ho velona tsy mifoka rivotra noho ny ho Kristiana tsy misy vavaka."

Tena zava-dehibe amiko ny famakiana Baiboly sy ny mivavaka. Nampianarin'ny fanandramana ahy fa rehefa atao laharam-pahamehana ny vavaka, dia hihamatanjaka ny fifandraisana manokana amiko sy amin'Andriamanitra, ary satria tiako ny mamaky teny sy manoratra dia tena lafatra ho ahy ny manao azy roa miaraka; mivavaka sy mamaky Baiboly. Tsapako ho tena akaiky ny Tompo aho rehefa manao izany. Miteny amintsika mandrakariva amin'ny fomba tsy manova antsika fotsiny avy ao anaty mankaty ivelany Andriamanitra, fa manome antsika fihazonana tsara kokoa ny maha isika antsika sy izay tena mitarika antsika.

**RY MPITARIKA ,ZARAO AMIN'NY MPANATRIKA AZAFADY ITY VAOVAO ITY AMIN'NY ANDROVOALOHANY SY NY ANDRO REHETRA MANARAKA**.
Amin'ny Sabata hoavy izao dia hankalaza ny Fiverenana ao an-trano isika. Ny fiverenan'i Kristy fanindroany no Lohahevitra. Azo araraotina io fotoana io hanasana ireo namana izay nandao ny finagonana mba hiverina fanindroany ao an-trano.
Asao ireo namanao rahampitso hariva sy mandritra ny herinandro ary indrindra amin'ny Sabata fankalazana ny Fiverenana ao an-trano.

## FAMPIDIRANA, vakiana amin'ny andro voalohany

*** I Martin Luther na i Lotera, ilay mpanavao fivavahana dia iray ihany.

Eto no hijoroako!

Tena fiovana lehibe ny fanavaozana.

Tamin'ny namatsian'i Martin Luther (1483–1546) ny voka-pikarohany teo amin'ny varavaramben'ny Fiangonan'ny Lapa tany Wittenberg, Alemana, no nitondrany ny Fanavaozana Protestanta tamin'ny taonjato faha-XVI. Na izany aza anefa dia ilaintsika ny mahatsiaro fa io fihetsika io no marika fiantomboan'ny Fanavaozana Protestanta, talohan'izany dia efa nanana an-dry John Wycliffe, John Huss, Thomas Linacre, Jerome avy any Prague, sy ny sisa maro hafa nanome ny asan'ny fiainany, eny ny ainy aza ho an'ny fahamarinana, nanorina ny fototry ny fahamarinana izay nanorenan'i Lotera ankehitriny. Fanavaozana niteraka teolojia ara-pivavahana sy filozofia ao anatin'ny Fivavahana Kristiana, dia teolojia afaka miresaka mivantana amin'Andriamanitra.

Mankalaza ny faha-dimanjato taona fahatsiarovana ny tsingerintaonan'izany fotoana nahazoan'i Martin Luther sy ny Fanavaozana Protestanta ary fiovana ho an'izao tontolo izao izany isika amin'ity taona 2017 ity.

## Songadina amin'ny tantara taloha sy ankehitriny

Teo ankatoky ny fiovana tampoka lehibe izao tontolo izao tamin'ny andron'i Lotera. Potraka teo an-tanan'ny Ampira Otômana miozilmana i Konstantinôpla, renivohitry ny Ampira Romana Atsinanana tamin'ny taona 1453. Taona vitsy monja talohan'izay—tamin'ny 1439 — no nitondran'i Johannes Gutenberg fiovana lehibe teo amin'ny fanaovan-gazety, "fanatontoloan'ny fisainana," izay nanokatra serasera vaovao izay nanomboka rehefa nampiditra ny fanaovam-pirinty azo ovaovaina tany Eoropa izy. Nampitsimbadika ny fiheverana fa fisaka ny tany ny fahitana an'i Amerika tamin'ny taona 1492. Nanasongadina ny fahafahan'ny zanak'olombelona hisaina ho azy samirery ny Hiomanista toa an-dry Erasmus avy any Rotterdam raha niverina nitodika tany amin'ireo mpandinika fahiny hitadiavany fitomponana andraikitra filamatra izy. Niaina fanandramana fifohazana ho amin'ny fianarana teny hebreo sy grika fitenin'ny Baiboly

efa saika adino nandritra ny arivo taona mahery ny mpianatry ny oniversite. Nifarana ny taonjato antenantenany nanjakan'ireo miarmila mpitaingintsoavaly rehefa niditra ny fahitana ny basy. Naniry ohatry ny olatra ny tanan-dehibe tany Eropa. Niditra tamin'ny taonjatom-piovana ireo firenena tandrefana. Tsy dia ny zava-dehetra akory no niova, kanefa nisokatra ny fahafahana hitondra ho amin'ny fiovana.

Mahatsapa izany zavatra izany koa ny tontolontsika ankehitriny. Mbola miaina anatin'izany fiovana lehibe izany koa isika: manara-maso izay ho vokatry ny fanatontoloana, ny fiovana ara-teknika baikona amin'ny ratsantanana, ny herisetra mahery vaika, ny loza ateraky ny ady, ary ny fahapotehin'ny tontolontsika noho ny fahabangan'ny fikolokoloana ny tontolo iainana. Izao kosa ny fanontaniana tsy niloaka, "Misy zavatra azontsika ianteherana ve?"

Tsy hevitra vaovao ny antso ho amin'ny fahadiovan'ny fiangonana sy ny Baiboly, fa tsy ny fomban-drazana, ny tokony maha-hany fahefana ara-panahy, fa an'i Martin Luther sy ireo mpanavao fivavahana tany Eoropa, izay nampiasa voalohany ny herin'ny fanaovam-pirinty hamahoana ny heviny tamim-pahombiazana. Nampiditra fomba vaovao hanombohana fomba fifandraisana tany Eropa ny naman'i Lotera, i Johannes Gutenberg tamin'ny nampidirany ny asa fanaovam-printy. Nampitombo ny famokarana trakta sy fitaovana vita printy hafa izany fiovanan'ny fanaovan-gazety izany, nahafahana nanisy kisary ny hafatra momba ny foto-pinoana sy ny finona, ka nahafahan'ny olona rehetra nahafantatra ny hevitra sy ny fisainan'ireo mpanavao fivavahana.

Raha niady mafy hahita fiadanam-po tamin'Andriamanitra ny tovolahy iray, i Martin Luther, dia sahiran-tsaina mafy noho ny fanontaniana hoe ahoana no hahazoana ny fahasoavan'Andriamanitra, ahoana no hahitany an'Andriamanitra mamela ny helony eo amin'ny fitsarana. Arakaraky ny nanaovany asa tsara hahazoany sitraka amin'Andriamanitra sy hanompoany ny hafa no toa nandosiran'ny fiadanam-po eo amin'Andriamanitra sady vao mainka nahatsapany ny fahadisoany sy ny mahafeno fahotana azy. Nanapa-kevitra ny lehibeny fa mila zavatra hafa atao betsaka kokoa Lotera hahavariana azy tsy handinika be loatra. Nanome baiko azy hanohy asa mampiasa saina be izy. Tamin'izany fotoana izany, tamin'ny fianarana mitohy ny Baiboly no nahitan'i Lotera ny valiny hoe: "Fa amin'izany no anehoana fahamarinana avy amin'Andriamanitra avy amin'ny finoana sy ho amin'ny finoana [nanokatra lalana hampifoha ny finoana bebe kokoa]. araka ny voasoratra sy hijanona ho voasoratra mandrakizay hoe: "Ny marina amin'ny finoana no ho velona.'" —Romans 1:17,

Omen'Andriamanitra antsika ny fanomezan'ny fahasoavana tsy voafetra raha matoky azy isika, na dia tsy mendrika izany aza.

Ho jerentsika akaiky ireo lohahevitra fototra mandrafitra ny fomba fijerin'i Martin Luther nanosika ny Fanavaozana ara-pivavahana Protestanta sy nampiova tanteraka izao tontolo izao,

mandritra ity Herinandro Fivavahana ity.

## HITANTSIKA ATO AMIN'ITY TRANONKALA ITY NY TANTARAN'NY FANAVAOZANA ARA-PIVAVAHANA http://www.medievalhistories.com/ways-cranach/.

Mba hahazoantsika tsara kokoa ny fotoana sy ny fisainan'i Lotera, dia ho heverintsika ny sary hosodoko nataon'ny Lukas Cranach Zokiny, mpanakanto sy sakaizan'i Lotera. Tamin'ny taona 1547, herintaona taorian'ny nahafatesan'i Martin Luther, napetraka ao amin'ny City Church ao Wittenberg io sary hosodoko io, tao no nanompoan'i Lotera amin'ny maha-pasitora azy hatramin'ny taoana 1514. Mampiseho mazava ny fototry ny Fanavaozana Protestanta io zava-kanto io, izay mbola hita mandraka ankehitriny ao amin'io tranom-bakoka manantantara io. (mariho tsara fa tsy maneho ny foto-pinoana sy fomba fanaontsika advantista amin'ny lafiny rehetra akory io sary io, fa mampiseho fiantombohana ho an'ny Fanavaozana Protestanta).

Hosodoko natao sary sokitra eo anilan'ny alitara azo akatona ka azo aseho arakaraka ny andro na ny herinandro, ary indraindray ihany vao vohana amin'ny fotoam-pialantsasatra sasany. Tamin'ny taonjato antenantenany, dia tao amin'ny kitohatohatra mankeo amin'ny alitara no nametrahana izany zava-kanto manan-danja izany, boaty lafovidy be voaravaka (fitoerana relika) fametrahana zavatra masina na taolan'ny olomasina notehirizin'ny fiangonana. Tamin'izany fomba fisainana taloha izany no nanaovana ny Alitaran'ny Fanavaozana, kanefa manome dikany sy famaritana vaovaon'ny Fanavaozana Protestanta.

Mety ho efa tamin'ny fahaveloman'i Lotera no nanombohan'i Lukas Cranach Zokiny sy ny zanany Lukas Cranach Zandriny ity hosodoko manan-danja sarobidy ity. Mbola vaovao tsara tao amin'ny fitadidiany ny fanandraman'ny Fanavaozana ara-pivavahana noho izy niara-belona sy namana akaiky an'i Martin Luther. Isika kosa noho izany sary hosodoko izany dia afaka ny hahatakatra izay fomba niveloman'ny olona ny Fanavaozana ara-pivavahana.

# ANDRO 1
# NY MAHA-ZAVA-DEHIBE NY TENIN'ANDRIAMANITRA
(*Sola Scriptura*)



## Teny izay azontsika ivelomana

Misy tranga tena manova fiainana tokoa. Anisan'izany ny lozam-pifamoivoizana izay manimba ny nofinofinao rehetra; toa tsy misy dikany tampotampoka teo intsony ny drafitra rehetra narafitrao ho an'ny fiainanao; voatery miainga avy amin'ny tsy misy indray ny tenanao. Tsy tahaka ny fahiny intsony ny zava-drehetra, ary manontany tena ianao hoe inona re no mety entin'ny ho avy ho anao e! Izany indrindra no fanandramana nolalovan'i Lotera teo amin'ny fahatanorany, tamin'ny Jolay 1505, fony izy nandao an'i Mansfeld toerana nahaterahany hitodi-doha ho any amin'ny Oniversiten'i Erfurt. Tratran'ny oram-baratra mahery izy rehefa nanakaiky ny tanànan'i Stotternheim, ary nisy tselatra nahery vaika nandalo teo akaikiny. Nivarahontsana aok'izany izy rehefa nanakaiky ny fahafatesana toy izany, ka nampanantena an'Andriamanitra fa hanova tanteraka ny fiainany ary hiditra ao anatin'ny monastera ary ho lasa relijiozy. Tao amin'ny monastera no nifankazarany voalohany tamin'ny Baiboly. Ny Tenin'Andriamanitra, izay nantsoiny hoe "Baiboly malala" taty aoriana, no tonga fototra sy fitsipika nifehy ny finoany, ny fiainany, ary ny toriteny nataony.

### Ny tantara momba ilay hosodoko sy ny fanazavana momba azy

Taoriana kelin'izany dia nalefa tany amin'ny oniversite vaovao tany Wittenberg i Martin Luther mba hampianatra filôzôfia sady hianatra teôlôjia ihany koa. Tamin'ny taona 1512 izy no nahazo ny mari-pahaizana "doctorat" amin'ny teôlôjia, tany Wittenberg. Tsy mba manam-pahaizana nionona teo amin'ny sehatry ny fianarana nataony ihany izy, fa ankoatr'izany andraikitra mahampampianatra tao amin'ny oniversite izany dia nomena andraikitra hitandrina ny Fiangonana "City Church" ihany koa izy. Noho izany dia nifandray tsy tapaka tamin'olona maro hatrany izy. Nazava tamin'ireo mambra notandremany ny toriteny nataony, ary nanohina azy ireo tanteraka ny fomba nanazavany ny Soratra Masina. Miseho an-tsary ao anatin'ilay hosodoko nomena anarana hoe "Reformation Altar" (Alitaran'ny fanavaozana) izany fomba izany, izay ahitana an'i Lotera mijoro sady mitory teny eny amin'ny polpitra, ary misy Baiboly mivelatra manoloana azy, tondroiny amin'ny tanana havia. Ny tanany havanana kosa manondro an'i Kristy, izay ivon'ny finoantsika (eo amin'ny ivon'ilay hosodoko). Nakopakopaky ny rivotra ny lamban'i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana, maneho ny fanatrehan'ny Fanahy Masina, satria amin'ny alalany no hanomezana hery ny tenin'ny mpitory teny, amin'ny alalany no hitenenan'i Jesosy, ary amin'ny alalany no ahazoan'ny mpiangona izay tiana ambara. Hitantsika eo amin'ny sisiny ankavia amin'ilay sary kosa ny ampahany amin'ny fiangonana tany Wittenberg. Ilay lehilahy antitra lava volombava manakaiky ny rindrina eny aoriana no nanao ny hosodoko, Lukas Cranach no anarany ary Loholona izy; ilay vehivavy eo aloha, manao fehitenda mazava loko, no vadin'i Martin Luther, Katharina von Bora no anarany; mitangorona manodidina azy kosa ny zanany. Tahaka ny zava-misy any amin'ny fiangonana rehetra ihany, tsy ny olon-drehetra akory no mihaino tsara ny toriteny, fa ao ireo izay mijerijery ny olona hafa ao am-piangonana. Indro misy tovolahy iray mitodika any amin'ny tovovavy maromaro, ary misy tovovavy iray mibitsibitsika amin'ny iray hafa ao anatin'ireo. Izany hoe fanompoam-pivavahana ao am-piangonana tahaka ny atrehantsika amin'izao fotoana izao mihitsy no hitantsika eto.

Ilay sary miaraka amin'ny toriteny dia tafiditra ao anatin'ny sehatra manandrify ny alitara. Teo hatrany no toerana nitehirizan'ny fiangonana ny vakoka masina taminy. Na izany aza anefa dia tsy nanan-danja tamin'i Lotera mihitsy ireny. Nony farany aza moa dia nolazainy fa tsy misy ilàna ireny. Tetsy andanin'izany dia ny tena haren'ny filazantsara no namafisiny, izay hitondra fahatoniana sy fiadanana ho an'ny mpino: izao no nambarany tao anatin'ireo foto-keviny 95 nofantsihany teo amin'ny varavaran'ny fiangonana, ka nanetsika ny Fanavaozana Protestanta (foto-kevitra faha-62): "Ny Filazantsaran'ny voninahitra Masina Indrindra sy ny fahasoavan'Andriamanitra no tena haren'ny Fiangonana." Tsy ny vakoka masina tamin'ny fiangonana mihitsy izany no tena harena, izay azo vidiana amin'ny volabe, fa ny Filazantsara. Izy io no vaovao mahafaly, izay hafatra milaza fa maty ho antsika teo an-kazo fijaliana i Jesosy.

Ny hanambara io Filazantsara io no lasa asa notanterahan'i Lotera nandritra ny androm-piainany, amin'ny maha-"Docteur en Théologie" azy eny amin'ny oniversite, amin'ny maha-mpitory teny azy tao amin'ny fiangonana "City Church," amin'ny maha-namana, amin'ny maha-ray, eny hatramin'ny maha-vavolombelona manoloana ireo mpanapaka ao anatin'ny filan-kevitry ny mpanjaka aza.

### Ny tombambidy lehiben'ny Baiboly, araka ny hevitr'i Martin Luther

Ny tenin'Andriamanitra, araka ny filazan'i Lotera, dia tsy mba lany andro mihitsy na manaraka ny toetr'andro, fa maharitra mandrakizay. Izany indrindra no nahatonga ny iray amin'ny teny baikony ho toy izao: "Verbum Dei manet in aeternum" ("Maharitra mandrakizay ny Tenin'Andriamanitra." mifototra amin'ny Isaia 40:6-8 ary naverina ao amin'ny I Petera 1:24-25). Koa satria tsy miova ny Tenin'Andriamanitra, mifanohitra amin'ny tontolontsika mandalo, dia tsy misy fototra tsara kokoa azontsika hanorenana ny fiainantsika na inona na inona mitranga eo amintsika. Azontsika ianteherana izany. Ny heriny dia mbola mitovy amin'ny tamin'ny andron'ireo mpaminany voalohany izay nomen'Andriamanitra tsindrimandry hilaza hafatra avy Aminy. Izany no antony maha-mendrika ny hametrahantsika ny fitokiantsika rehetra aminy. Ny Tenin'Andriamanitra, izay Soratra Masina, dia ampy ho an'ny fiainana sy ny fahafatesana. Tena nanan-danja tamin'i Martin Luther tokoa izany ka nahatonga azy nanoratra toy izao tao amin'ny andininy fahefatra tamin'ilay hira malaza mitondra ny lohateny hoe 'A Mighty Fortress Is Our God' (Fiarovana mahery ny Andriamanintsika): "Io teny izay ambonin'ny hery rehetra eto an-tany io, dia mitoetra." Raha lazaina amin'ny teny hafa dia mahery noho ny fahefan'olombelona rehetra ny Tenin'Andriamanitra, na ekeny izany na tsia. Ary izao indray no fiandohan'ny hira malaza iray nosoratan'i Lotera: "Hazony izahay Tompo o, miaraka amin'ny teninao."

Rehefa nandalina ny Baiboly i Lotera dia niha-nazava taminy fa ny Vaovao Mahafaly ny amin'ny nanomezan'i Jesosy famonjena antsika ho fanomezana maimaim-poana dia ampy sady ampianarina mazava tsara ao anatin'izany. Noho izany dia tsy misy fombafombam-piangonana tokony hanampy na hanova izay efa nampianarin'ny Soratra Masina mazava tsara *(sola scriptura)*.

Ny fanambaràna mazava toy izany dia nahatonga fanoherana ny fiangonana. Tsy ela akory dia nomelohina fa nanao herezia ilay mpitondra fanavaozana. Rehefa nantsoina hijoro teo anatrehan'ny filan-kevitry ny mpanjaka tao amin'ny "Diet of Worms" izy tamin'ny taona 1521, dia nasain'ny Amperora Charles V nanafoana ny zava-drehetra nosoratany. Tsy niomana ho amin'izany fifanatrehana izany i Lotera, ka nangataka fotoana hisainana ny valinteny avy aminy

izy. Rehefa nihaona tamin'izy ireo indray izy tamin'ny andro manaraka, mba handà ny zava-drehetra efa nosoratany, dia izao no teny namaliany azy:

> Raha tsy ny vavolombelona avy amin'ny Soratra Masina na noho ny antony mazava (satria aho tsy mino na ny papa na ny filan-kevitra irery fotsiny ihany, sady efa fantatra mazava tsara fa nanao hadisoana sy nanohitra ny tenany izy ireo matetika), dia efa voafatotry ny Soratra Masina izay naveriko nolazaina aho ary babon'ny Tenin'Andriamanitra ny saiko. Tsy handà na inona na inona amin'izay nosoratako aho ary tsy afaka manao izany, satria sady tsy azo antoka no tsy marina ny manao zavatra mifanohitra amin'ny eritreritra. Enga anie Andriamanitra hanampy ahy. Amena. [1]

Zava-dehibe taminy tokoa ny Tenin'Andriamanitra ka efa vonona izy hizaka ny vokatry ny fanolorantenany ho an'ny Baiboly. Izany no antony nahatonga an'i Lotera fanta-daza tamin'ny maha-olon'ny Soratra Masina. Nandritra ny taonjato nifandimby dia tsy navela namaky Baiboly ny vehivavy sy ny lehilahy izay tsy mpitondra fivavahana toy ny pretra; manomboka anketriny ny fahalianana lehibe amin'ny Baiboly, izay natao azo vakiana amin'ny fiteny mahazatra fa tsy ny teny Latina fampiasa amin'ny fivavahana fotsiny ihany, izay teny tsy nisy nahazo afatsy ny manam-pahaizana vitsy.

Rehefa izany dia nazava amin'izay fa najanon'i Martin Luther ny fanaovana toriteny tamin'ny teny Latina, ary nitory teny tamin'ny teny Alemana izy, izay teny fampiasan'ny olona teo amin'ny fireneny. Tsy ampy anefa izany. Araka ny hevitr'i Martin dia tokony afaka mamaky ny Baiboly amin'ny tenin-drazany ihany koa ny olona. Mba ahatanteraka izany dia tsy maintsy nadika tamin'ny fiteny hafa ny Baiboly. Nisy tombotsoa efa voalahatr'Andriamanitra niseho rehefa nampaka an'i Martin Luther ho ao amin'ny lapany antsoina hoe "Wartburg Castle" ny Printsy Frederick the Wise, taorian'ny naha-tany amin'ny "Diet of Worms" an'i Lotera, ho fiarovana azy amin'ny hatezeran'ny fiangonana sy ny Amperora. Tao anatin'ny fiarovana tao an-dapa no nanombohan'i Lotera ny andraikitra goavana fandikana ny Baiboly. Ny Testamenta Vaovao no nanombohany azy, ary tsy ela akory dia vita ny asa niaraka tamin'ny fanampian'ireo namana manam-pahaizana. Ny volana Septambra tamin'ny taona manaraka, 1522, no natonta ny edisiona voalohany nantsoina hoe "September Testament" (Testamentan'ny volana Septambra). Tamin'ny taona 1534 no navoaka ny Baiboly iray manontolo voalohany amin'ny teny Alemana. Mandrapahafatin'i Lotera dia nanao fanatsarana ny dikanteny nataony hatrany izy, ka tanjony tamin'izany ny ahafahan'ny olon-drehetra mamaky sy mahatakatra ny Tenin'Andriamanitra.

## Tsy afaka ny ho tonga Kristianina ianao raha tsy misy

Ny "Baiboly Malala," araka ny hiantsoan'i Lotera azy, dia tena nanan-danja tamin'ilay Mpanavao Fivavahana tokoa, ka tsy natahotra ny ainy akory izy ho an'io Baiboly io.

Manao ahoana ny lanjan'ny Tenin'Andriamanitra aminao?

Oviana no fotoana farany niarahanao tamin'ny Baiboly?

Mbola tsaroanao ve ny zavatra novakianao?

Sa efa ela loatra ilay fotoana namakianao azy ka raha tsy maintsy hilaza ny marina ianao dia hiaiky fa tsy dia tena fantatrao loatra ny Baibolinao? Sarotra hidirana tokoa ny resaka momba ny fampianaran'ny Baiboly. Tahaka ny tanora manana finday izay tena raitra ary nivoaka farany izany, kanefa tsy ampiasainy akory satria lany "batterie." Ny Baiboly dia mitondra zavatra be dia be ho antsika, mihoatra noho ny fahafinaretana amin'ny fananana Baiboly iray haingon'ny fitoeram-bokintsika, na izany aza anefa dia azo antoka fa efa dingana voalohany ho any amin'ny lalana tokony ho izy ny fananana azy io. Natao hovakiana sy henoina anefa ny Baiboly; te hiresaka aminao amin'ny alalan'ny Teniny Andriamanitra. Mila mifankazatra amin'izy io ianao. Taratasin'Andriamanitra ho anao izy io. Rehefa izany no mitranga vao tena mipetraka amin'ny antony nanaovana azy ho anao ny Baiboly: Tenin'Andriamanitra manokana.

### Lovantsika

Ny Tenin'Andriamanitra, araka ny nambaran'ny mpaminany Jeremia (23:29), dia tena mahery ka mahatorotoro vatolampy. Miditra lalina any anatintsika any izy io (Heb. 4:12). Mihoatra noho izany rehetra izany anefa, manova ny fiainantsika izy io. Na inoanao na tsia, raha manokana fotoana handalinana ny Baiboly ianao, dia ho voaova! Tafiditra ao anatin'ny sehatra mitondra fanovana goavana avy amin'Andriamanitra ianao, izay tonga loharanon-kery isan'andro. Rehefa mamaky sy mandalina ny Tenin'Andriamanitra isika dia asehony amintsika ny zavatra na mihoatra noho izany, ny olona izay tena tokony ho fantatsika indrindra: dia Jesosy, ilay lalana sy fahamarinana ary fiainana. Hitarika antsika ho amin'ny fahazoana ny fiainana mandrakizay sy hiaina ilay fiainam-baovao miaraka amin'Andriamanitra Izy. Izany indrindra no maha-zava-dehibe ny fitondrana Baiboly kely miaraka aminao hatrany. Amin'izao vanim-potoana mampiroborobo ny teknôlôjia izao dia azo atao ihany koa ny mampiditra Baiboly ao anatin'ny finday raitra. Izao no fihaikana ho an'ny tanora tsirairay avy: ataovy tsianjery ny soratra masina.

Izay vitanao atao fa aza mirotoroto. Raketo an-tsoratra avokoa ny andininy rehetra izay efa hainao tsianjery. Ezaho ampitomboina ny isan'ireo andininy hainao tsianjery isam-bolana. Ho avy ny fotoana (tsy ho ela intsony) tsy maintsy hijoroantsika vavolombelona manoloana ny fitsarana. Efa nesorina tamintsika avokoa ny baiboly amin'izay fotoana izay, kanefa mino kosa isika fa ny Fanahy

Masina no hampatsiahy antsika izay efa nianarantsika tamim-pahatokiana.

Tao anatin'ny boky kely nosoratan'i Ellen White voalohany teo amin'ny fahatanorany, mitondra ny lohateny hoe "Early Writings," no nilazany izao: "Ry mpamaky malala, manoro hevitra anao hamaky ny Tenin'Andriamanitra aho." Nitsiry avy amin'ny fanandraman'ny tenany manokana tamin'ny famakiana Baiboly izany torohevitra izany, izay nisy fiantraikany sady namolavola ny fiainany iray manontolo. Vehivavin'ny Soratra Masina izy, velona niaraka tamin'ny Baiboly, tia ny Baiboly, ary namaky ny Tenin'Andriamanitra isan'andro. Ny Baiboly no tena loharanon'ny fiainana ho azy, tahaka ny an'i Martin Luther, ary antenaina fa tahaka ny anao ihany koa.

> Ny lovantsika: "Ny Soratra Masina, ny Testamenta Taloha sy Vaovao, dia Tenin'Andriamanitra nosoratana sy nomena araka ny tsindrimandrin'ny avo indrindra. Niteny sy nanoratra araka ny nanetsehan'ny Fanahy Masina azy ireo mpanoratra. Nomen'Andriamanitra ny olombelona ao anatin'io Teniny io ny fahalalana ilaina ho an'ny famonjena. Ny Soratra Masina dia ambony indrindra, manam-pahefana, ary fanehoana mazava tsara ny sitrapony. Ao no ahitana ny toetra tokony ananana sy ny fizahan-toetra ho fanandramana, izy no maneho ny foto-kevitra tanteraka, ary izy no rakitra mendri-pitokisana indrindra momba ny asan'Andriamanitra ara-tantara. (Sal. 119:105; Ohab. 30:5, 6; Isa. 8:20; Jao. 17:17; I Tes. 2:13; II Tim. 3:16, 17; Heb. 4:12; II Pet. 1:20, 21)"[2]

## Antso

Moa ve mandray ny Baiboly ho Tenin'Andriamanitra isika? Manokana fotoana hamakiana ny Baiboly ve isika? Mitadidy izay teny novakiantsika ve isika? Toa mampihomehy hoe manana fotoana holaniana amin-javatra hafa isika nefa tsy manana fotoana izay tsara indrindra iarahana amin'Andriamanitra. Misy zavatra tsy maintsy ovàna. Tena mila manatsara aho. Manasa anao aho mba handray fanapahan-kevitra ny hijoro amin'izany ankehitriny.

## Fanontaniana ifanakalozan-kevitra

(Mpitarika: Raha maro loatra ny fanontaniana kanefa tsy ampy ny fotoana natokana ho an'izany dia fiidio ireo fanontaniana izay tena andraisan'ny tarika misy anao tombotsoa bebe kokoa.)

1. Mendrika hamonjena ny Kristianina ve ny asa tsara?
2. Ahoana no ampiarahanao ny asa sy ny finoana eo amin'ny dia ataonao amin'ny maha-Kristianina?
3. Rehefa voatery miaro ny tenanao amin'ny kolontsaina mahazatra ny olona ianao, dia mahatsapa ny zavatra tsapan'i Lotera sy ireo mpanavao fivavahana hafa ve?
4. Tsapanao ve fa tsy maintsy manohitra ny fitondrantena sy ny fomba fijery sasany eto amin'izao tontolo izao eo anivon'ny namanao ianao?

## Fanontaniana ho an'ny tenanao manokana:

1. Ahoana no mahatonga ny fandalinana ny Tenin'Andriamanitra hampisongadina ny fahotanao eo amin'ny fiainana?

2. Inona no tian'ny II Tim. 3:16-17 ambara aminao?

   *Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra.*

3. Ahoana no ahafahanao manome andraikitra mavitrika kokoa ny Tenin'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao?

**Boky sy "applications" ho an'ny fandalinana be kokoa:** ny boky Hery Mifanandrina nosoratan'i Ellen White's, toko faha-7

---

[1]Brecht, Martin. *Martin Luther*. tr. James L. Schaaf, Philadelphia: Fortress Press, 1985–93, 1:460, araka ny misoratra ao amin'ny Wikipedia, lahatsoratra "Diet of Worms."

[2]Foibe Manerantanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, ireo Foto-Pinoana 28 ao amin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito (Nafohezina) (Silver Spring, MD: General Conference of Seventh-day Adventists, 2013.) Nalaina tao amin'ny tranonkala http://www.adventist Conference of Seventh-day Adventists, *Seventh-day Adventist Church 28 Fundamental Beliefs (Abridged Version)* (Silver Spring, MD: General Conference of Seventh-day Adventists, 2013.) Retrieved from http://www.adventist

# ANDRO 2
# AMIN'NY ALALAN'NY FAHASOAVANA IRERY IHANY *(Sola Gratia)*
# FANOMEZANA MAIMAIM-POANA TANTERAKA!



Araka ny hevitrao, manao ahoana ny endrik'Andriamanitra? Na dia tsy mbola nisy nahita an'Andriamanitra aza dia misy endrika tonga ao an-tsaintsika momba Azy. Hita eny amin'ny sary mahazatra antsika izany endrika izany; sary tsy mety lany andro, natao tamin'ny fahazazantsika ary mbola tsy miova mandritra ny androm-piainantsika. Ny sasany amintsika dia mihevitra an'Andriamanitra ho Ray mahafinaritra izay miambina antsika amin-kalemem-panahy, izay mamaly ny fanontaniana apetratsika ary mamaha ny olantsika hatrany. Tsy voafetra ny ora fiasany ary tsy mila tsolorana vola Izy mba ho resy lahatra hanampy antsika. Ny sasany mety mihevitra Azy ho toy ny dadabe tena tsara fanahy, fotsy volo, lava volombava, manana maso malefaka, vonona hinia mikimpy tsy hijery ny fahadisoantsika, kanefa ihany koa olona izay azo fitahana mora foana.

Ny sasany kosa anefa mety mihevitra an'Andriamanitra ho mpifehy sy mpitsara hentitra, izay mampitahotra amin'ny alalan'ny vokatra sy ny sazy hatrany raha vao manao hadisoana izy ireo; olona izay tsy mamindra fo ary tsy azo an-tsaina mihitsy ny zavatra mety ataony; olona izay tsy mety afa-po, na miezaka fatratra toy inona aza ianao. Izany mihitsy no karazam-piheverana momba an'Andriamanitra teo amin'ny ankamaroan'ny olona nandritra ny vanim-potoana antenantenany.

Mpitsara mafy fo no fahitan'izy ireo an'Andriamanitra, izay mitaky zavatra mihoatra noho ny azontsika olombelona atao na vitantsika. Izany ihany koa no fiheverana izay nanabeazana an'i Martin Luther.

### Ny tantara momba ilay hosodoko sy ny fanazavana momba azy

Ninoan'i Lotera fa aorian'ny fahafatesana dia tsy maintsy miharitra ny sazy any amin'ny afo fandiovana izy, noho ny fahotana vitany. Milaza ny "Wikipedia," ilay "encyclopédie" maimaimpoana, fa amin'ny teôlôjia Kristianina, indrindra fa ny teôlôjia Katolika, ny afo fandiovana dia lalovana aorian'ny fahafatesan'ny vatana, ka ireo izay natao hiakatra any an-danitra dia "mandalo amin'ny fandiovana, mba hanatrarana ny fahamasinana ilaina hidirana amin'ny fifalian'ny lanitra." Ireo izay maty ao amin'ny fahasoavana ihany, kanefa mbola tsy nandray ny famaizana vokatry ny fahotany, no afaka mandalo ao amin'ny Afo Fandiovana, noho izany dia tsy misy olona mijanona mandrakizay ao amin'ny afo fandiovana ary tsy misy olona mankany amin'ny afobe rehefa avy ao amin'ny afo fandiovana.

Ny taona 1505, rehefa nanomboka nipetraka tany amin'ny mônasteran'ny Augustinian nitokana tany Erfurt i Lotera amin'ny maha-relijiozy azy, dia niha-mafy ny fahatsapany fahamelohana. Koa satria nanam-potoana betsaka kokoa nandinihan-tena sy nivavahana izy ankehitriny, dia namelovelo tao an-tsainy hatrany ny fahotany ka nitambesatra mafy taminy. Tsy mba fahotana "goavana" toy ny vono olona no nampanahy azy, satria tsy nanana olana tahaka ireny izy na dia iray aza. Ny sainy mihitsy no tsy voafehiny. Ohatra, nampanahy azy hatramin'ny tahotra ny mety hanotany ao anatin'ny nofiny. Tsy nisy na inona na inona azony natao hisorohana izany anefa. Arakakaraky ny nitomboan'ny fotoana niarahany tamin'Andriamanitra no nahatsapany fa mpitsara tsy mamindra fo Andriamanitra, olona izay tsy tiany hifankahitana akory. Niha-nanakorontana ny sainy ny fanontaniana toy ny hoe: "Ahoana no hanekena ahy eo imason'Andriamanitra? Ahoana no ahafahan'ny Baiboly miantso an'Andriamanitra ho mpamindra fo kanefa mangataka zavatra tsy ho vitantsika mihitsy Izy? Niezaka mafy araka izay tratrako aho, kanefa tsy nahatandrina ny didy. Noho izany dia manameloka ahy hatrany ny lalàn'Andriamanitra. Tsia, tsy tia antsika olombelona io Andriamanitra io; manao sangy mahery amintsika fotsiny ihany Izy. Tsy izany no atao hoe Andriamanitra fitiavana."

Niezaka mafy ihany i Lotera. Nampitomboiny ny fifadiankanina nataony, tsy dia nisakafo firy izy, ary nolaniany tamin'ny vavaka ny ankamaroan'ny aliny. Tsy nanampy anefa izany, tsy vitany ny niaina tsy misy fahotana. Vao niha-nahatsapa fahamelohana izy ary tsy afaka nitandrina ny lalàn'Andriamanitra. Nony farany dia nanomboka nankahala an'Andriamanitra izy. Hitan'i Johannes von Staupitz, izay lehibeny tao amin'ny mônastera, hoe nanahiran-tsaina mafy an'i Lotera avokoa izany hevitra rehetra izany. Ahoana anefa no fomba ahafahana manampy azy? Nazavainy

tamin'i Lotera aloha fa ny sasany amin'ireo zavatra antsoin'i Lotera hoe fahotana dia 'Mumpitz' fotsiny ihany, izany hoe zavatra tsy misy dikany ary tsy tokony handaniany fotoana akory. Fa ny tena zava-dehibe indrindra, araka ny nambarany tamin'i Lotera dia izao: "Ry rahalahy Martin, Jesosy jerena fa tsy ireo zavatra antsoinao hoe fahotana!"

Narahan'i Lotera ny torohevitry ny lehibeny, ary tao anatin'ny fandalinana nataony indray andro no nitarihan'Andriamanitra azy ahatakatra ny fahamarinana izay hanova tanteraka izao tontolo izao. Tsy haintsika mazava tsara ny andro na ny taona nitrangan'izany fihaonany tamin'ny Avo Indrindra izany, na izany aza anefa dia herintaona talohan'ny nahafatesany no nanoratan'i Lotera momba ny fotoana niorenan'ny Fanavaozam-Pivavahana Protestanta. Nazavainy ny fomba efa saika nahavery tanteraka ny finoany an'Andriamanitra mandrapaha……

> Nony farany, noho ny fahasoavan'Andriamanitra, rehefa avy nisaintsaina andro aman'alina aho, dia nifantoka kokoa tamin'ny tantara tao anatin'ny teny, izany hoe "Fa amin'izany no anehoana ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra, araka ny voasoratra hoe: 'Ny marina amin'ny finoana no ho velona.' " [Rom. 1:17] Rehefa izany dia nanomboka nazava tamiko fa ny fahamarinan'Andriamanitra no iveloman'ny olo-marina, amin'ny alalan'ny fanomezana avy amin'Andriamanitra, dia ny finoana izany. Izao no tiana ambara amin'izany: ny fahamarinan'Andriamanitra dia naseho tao amin'ny filazantsara, dia ilay fahamarinana raisina, izay hanamarinan'ilay Andriamanitra be fitiavana antsika amin'ny alalan'ny finoana, araka ny voasoratra hoe: "Fa ny marina amin'ny finoana no ho velona." Tsapako tamin'izay fa sady nateraka indray aho no niditra ny paradisa tamin'ny alalan'ny vavahady nivoha. Endrika hafa tanteraky ny Soratra Masina iray manontolo indray no niseho tamiko teto. Rehefa izany dia nanao jery todiky ny Soratra Masina araka ny fitadidiako aho. Raha lazaina amin'ny teny hafa dia nahita fitoviana aho raha ny asan'Andriamanitra no asian-teny, izany hoe ny zavatra ataon'Andriamanitra amintsika, ny tanjak'Andriamanitra izay hampatanjahany antsika, ny fahendren'Andriamanitra izay hampahendreny antsika, ny herin'Andriamanitra, ny famonjen'Andriamanitra, ary ny voninahitr'Andriamanitra. (Luther's Works, Volume 34, P337).[1]

Fantatr'i Lotera fa Andriamanitra no manome antsika ny fahamarinany ho fanomezana maimaim-poana. Noho izany dia Izy no ilay mamonjy antsika. Tahaka ny hamafin'ny fanamelohan'Andriamanitra ny fahotana ihany koa no hitiavany antsika tsy misy fetra, sy nanolorany an'i Jesosy Kristy zanany lahy ho faty ho antsika teo an-kazo fijaliana. Tsy mila matahotra an'Andriamanitra intsony ireo izay mijery an'i Jesosy Kristy; araka ny nambaran'i Lotera fahiny hoe efa manana ny fanalahidin'ny vavahadin'ny paradisa any am-paosiny izy ireo ankehitriny.

Teo amin'ny faritra manandrify ny polipitra teny taloha, tao amin'ny Alitaran'ny Fanavaozana tany

Wittenberg no ahitantsika an'i Martin Luther mitory teny amin'ny mambra tao amin'ny fiangonana notandremany. Manondro ny Baiboly ny tanany ankavia. Io no fototra sy fiandohan'ny toriteny maro nataony teo anelanelan'ny taona 1514 sy ny fahafatesany tamin'ny taona 1546. Ny tanany ankavanana kosa manondro an'i Jesosy izay nihantona teo an-kazo fijaliana noho ny fahotantsika. Tsy nahavita nanadino ary tsy te hanadino ilay tokony ho ivon'ny toriteny rehetra i Lotera. Tsy ny fisainantsika, na ny fanazavantsika sy ny sary an'ohatra ampiasaintsika no tena ilaina, fa ny tenan'i Jesosy Kristy mihitsy. Izany no fototry ny finoantsika. Izany no fototry ny fitoriantsika ny Filazantsara. Ary raha toa ka manan-talenta amin'ny fitorian-teny isika ka mirona ho amin'ny fanaovana ny tenantsika ho ivo indraindray, dia mila ampahatsiahivina hatrany hatrany fa ny zava-drehetra ananantsika sy maha-isika antsika dia fanomezana avy amin'Andriamanitra. Rehefa mazava tsara amintsika ny zavatra nampianarin'i Jesosy ho antsika, izany hoe ny Soratra Masina rehetra dia manambara Azy, izay vao mazava tsara amintsika ny Tenin'Andriamanitra (Jaona 5:39).

## Ny zava-dehibe ao anatin'ny fanamarinana amin'ny finoana irery ihany, araka ny hevitr'i Martin Luther

Ny zava-drehetra tao anatin'ny fiangonana tamin'ny vani-potoana Antenantenany dia nihodina teo amin'izay azontsika olombelona atao ahazoana sitraka eo imason'Andriamanitra, momba ny asa tsara izay mitondra fifaliana ho an'Andriamanitra sady maha-fohy ny fotoana laniana ao amin'ny afo fandiovana. Tahaka ny petra-bola atao any amin'ny banky no niheverana ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra: ny fahotana dia mitarika anao hilentika lalina hatrany ho amin'ny trosa, ho amin'ny fanamelohana, izay midika fa mila fotoana be kokoa izany hanadiovana anao ao amin'ny afo fandiovana aorian'ny fahafatesanao. Ny asa tsara ataonao anefa dia afaka manampy amin'ny fanatsarana ny ambim-bola ao amin'ny petra-bolanao. Na izany aza anefa dia tsy misy na dia iray amintsika aza afaka mahazo antoka hoe afaka mitambatra ny asa soa nataontsika ka ho lasa ampy hanekena antsika eo imason'Andriamanitra amin'ny fitsarana farany. Izany no antony maha-zava-dehibe ny asa tsara. Ny fanaporofoana tamin'Andriamanitra ny haben'ny zava-bitantsika no tena nimasoana. Taoriana kely dia nantsoin'i Lotera hoe "teôlôjian'ny voninahitr'olombelona" (theologia gloriae) izany fomba fisainana izany. Ary tamin'ny alalan'ny fanandramana manokana nandalovany no nahafantarany fa zava-poana izany fomba izany, ary lalana tsy mitondra mankaiza. Na dia eo aza ny asa tsara rehetra ataontsika, dia mbola miaina ao anatin'ny maha-mpanota antsika ihany isika. Tsy afaka manao ny sitrapon'Andriamanitra isika raha tsy misy ny fahasoavany. Kanefa noho ny fanandramana nandalovan'ny tenan'i Lotera ny amin'ny fomba nahatsapany ny hevi-baovao raketin'ny hazo fijaliana, noho ny efa nandoavan'i Jesosy ny famelana ny otantsika tamin'ny alalan'ny fahafatesany, ankehitriny izany fomba fisainana vaovao izay fototry ny Fanavaozana Ara-Pivavahana Protestanta izany, dia antsoin'i Lotera hoe "teôlôjian'ny hazo

fijaliana” (theologia crucis). Tena gaga izy tamin’ny voalohany nahita fa tena lasa mora tokoa ny fiainam-pinoana. Tsy niady saina intsony izy, tsy natahotra izany Andriamanitra tsy mamindra fo izany intsony. Nibanjina an’i Kristy teo an-kazo fijaliana indray aza no nataony, niaraka tamin’ny fankasitrahana feno satria nazava taminy fa ny fahasoavan’Andriamanitra irery (sola gratia) ihany no namonjy azy. Mbola tsy nandray fanomezana tahaka izany mihitsy izy taloha.

Tsapany ankehitriny ny adalany tamin’ny fotoana nahazatra azy tamin’ny fifantohana tamin’ny asa maha-olombelona fa tsy mba nifaly tamin’ny fahasoavana, izay fanomezana maimaim-poana avy amin’Andriamanitra. Tahaka ny hoe maniry hitondra fiara ny olona iray, kanefa rehefa avy novelomina ny fiara ka nampidirina ny vitesy voalohany dia hitsahany hatrany ny tsindry hisatra ka tsy mihetsika mihitsy ilay fiara. Mijanona eo amin’ny toerana misy anao hatrany ianao ary tsy mandroso mihitsy na kely aza. Etsy andaniny kosa anefa dia mora tokoa ny manitsaka fotsiny ny “accélérateur”! Marina fa mbola tsy nisy fiarakodia tamin’ny andron’i Lotera, kanefa nahazatra azy ihany koa ny tahotra sy ny tebiteby miseho rehefa toa tsy mandroso ianao eo amin’ny fifandraisanao amin’Andriamanitra, mandrapahatongan’ny fotoana farany izay ahitanao miaraka amin’ny Fanahy Masina, hoe tsy nila namita na inona na inona akory ianao, satria efa nomena anao ho fanomezana maimaim-poana avokoa ny zava-drehetra. Izany dia midika fa rehefa miantehitra amin’i Jesosy aho dia tsy ho diso fanantenana amin’ny finoako.

## Midika inona amiko i Jesosy?

Mbola tsaroako tsara ny fihetsehampoko fony aho nahatsapa ho tena tia tamin’ny voalohany indrindra. Toa lasa tsara tarehy tampoka teo avokoa ny tontolo rehetra. Ary io tovovavy miavaka io no olona tsara tarehy indrindra eto an-tany. Indrindra fa ny masony! Tsapako ho toy ny any am-paradisa aho rehefa mijery ahy izy. Indrisy anefa fa herinandro fotsiny ihany no faharetan’ilay lasy fialantsasatra ary tsy maintsy nody avokoa ny rehetra. Nandefa sary kely misy ny endriny taty amiko anefa izy. Nentiko nanaraka ahy tao anatin’ny kitapo kely fampirimam-bolako hatrany izy io. Nahafinaritra tokoa izany fotoana izany, ary nahitana mialoha sahady ny ho avy mahafinaritra.

Sary an’ohatra maro no ampiasaina hamaritana ny fifandraisana eo amin’i Jesosy sy ny Fiangonana. Iray amin’ireny ny fampitahana ny Fiangonana ho toy ny ampakarina. Toy izany no fitiavany antsika. Ary izany no antony handaharany ny zava-drehetra hamonjena antsika, ho fanehoana ny fahatsaran’ny fitiavany. Izany hoe tsy dia afaka mahatakatra tsara akory ny tiana ambara isika, ny amin’ny fahafantaran’ilay Mpahary sy Mpanapaka izao tontolo izao ny maha-isika antsika isambatan’olona, ary ny fahafantarany ny marina momba antsika mihitsy no nanetsika Azy ho tia antsika fatratra. Talanjona tsotra izao aho noho ny amin’ny tombambidiko eo imason’Andriamanitra. Tsy voatery mifaninana akory isika, na hahafehy ny fihaikana rehetra ka ho

tonga amin'ny loha-laharana mba hanekena antsika ho mpandresy; tsy tahaka ny fifaninanana toy ny any amin'ny sehatra hafa eo amin'ny fiainana izy io, ka ny malaza indrindra ihany no handresy. Tsy miankina amin'ny toerana misy antsika na ny zava-bitantsika ny tombambidintsika imason'Andriamanitra. Sarobidy aminy tsotra izao isika satria Izy no nahary antsika. Manana tombambidy isika satria tiany. Karazan'Andriamanitra manao ahoana re izany? Ary rehefa misaintsaina momba Azy teo an-kazo fijaliana aho, dia manomboka mankasitraka ilay karazam-pitiavana tsy manam-petra tsy mendrika antsika velively mihitsy.

## Ny lovantsika

Niaina teo anivon'ny vahoaka i Jesosy ary naneho ny ohatrany ny fahamarinana sy fitiavana an'Andriamanitra. Fantatr'Andriamanitra fa FITIAVANA irery ihany no teny takatry ny olombelona. "Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany" (Jao. 15:13). Maty i Jesosy ary nitsangana ka manao asa fisoronana any amin'ny fitoerana masina any an-danitra ho antsika ankehitriny. Tsy mila mandoa ny vidin'ny famelana ny helotsika isika, fa mila mangataka famelana fotsiny ihany. "Mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra" (I Jao. 1:9). Amin'ny maha-tsy mendrika antsika, ny fahasoavan'Andriamanitra dia mandrakotra antsika kanefa aoka tsy ataontsika tsinontsinona izany fahasoavana izany satria samy mbola ho tsaraina isika rehetra. Ny fankasitrahantsika izany fahasoavana izany dia tsy maintsy mifehy ny fitondrantenantsika sy ny fomba amam-panaontsika.

> "Tao anatin'ny fitiavana sy ny famindrampo tsy manam-petra no nanaovan'Andriamanitra an'i Kristy, izay tsy nahalala ota akory, kanefa tonga ota ho antsika, mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao aminy kosa isika. Rehefa tarihin'ny Fanahy Masina isika dia tsapantsika izay ilaintsika, ekentsika ny maha-mpanota antsika, hibebahantsika ny fandikan-dalàna nataontsika, ary manazatra ny finoantsika an'i Jesosy ho Mpamonjy sy Tompo isika, ho Mpisolo toerana sy Ohatra. Izany finoana mitondra famonjena izany dia avy amin'ny herin'ny Teny, sady fanomezana noho ny fahasoavan'Andriamanitra. Hamarinina amin'ny alalan'i Kristy isika, natsangana ho zanaka lahy sy zanaka vavin'Andriamanitra, ary nafahana tamin'ny fanandevozan'ny fahotana. Nateraka indray sy nohamasinina tamin'ny alalan'ny Fanahy isika, ny Fanahy no manavao ny saintsika, manoratra ny didim-pitiavan'Andriamanitra ao am-pontsika, ary omena hery isika hananana fiainana masina. Rehefa mitoetra ao aminy isika dia lasa mpiara-miombona antoka amin'ny avo indrindra ary mahazo antoka ny famonjena ankehitriny sy amin'ny andro fitsarana. Gen. 3:15; Isa. 45:22; 53; Jer. 31:31-34; Ezek. 33:11; 36:25-27; Hab. 2:4; Mar. 9:23, 24; Jao. 3:3-8,16;16:8; Rom. 3:21-26; 8:1-4, 14-17; 5:6-10; 10:17;12:2; II Kor. 5:17-21; Gal.1:4; 3:13, 14, 26; 4:4-7; Efes. 2:4-10; Kol. 1:13, 14; Tit. 3:3-7; Heb. 8:7-12; I Pet. 1:23; 2:21, 22; II Pet. 1:3, 4; Apok. 13:8." [2]

## Antso

Efa mba nieritreritra ny hanota ve ianao kanefa nahalala tsara fa hangataka famelan-keloka aoriana? Noraisinao ho toy ny zo tsy maintsy hoazonao ve ny Fahasoavan'Andriamanitra? Moa hanohy hanota va isika mba hitomboan'ny Fahasoavana? Moa nihevitra ve ianao fa be loatra ny fahotanao tokony havela?

Novonjena amin'ny Fahasoavana isika amin'ny alalan'ny finoana isika. Fikiro ny tanan'Andriamanitra ary aza avotsotra mihintsy. Fotoana izao hananana fifandraisana marina sy mahitsy amin'Andriamanitra. Izany va no fanirianao?

## Fanontaniana ifanakalozan-kevitra

(Mpitarika: Raha maro loatra ny fanontaniana kanefa tsy ampy ny fotoana natokana ho an'izany dia fiidio ireo fanontaniana izay tena andraisan'ny tarika misy anao tombotsoa be be kokoa.)

1. Inona no tombambidinao?
2. An'iza ianao?
3. Inona no naloa ho ahy?

## Fanontaniana ho an'ny tenanao manokana

Inona no tian'izao andininy izao ambara aminao?

> "Fa olom-boavidy ianareo [sandany sarobidy tamin'i Kristy], ka aza mety ho andevon'olona [fa andevon'i Kristy]" (I Kor. 7:23).

## Ny teny fikasan'Andriamanitra ho anao:

"Hatry ny fony ianao tsy mbola noforoniko tany an-kibo no efa fantatro, ary hatry ny fony ianao tsy mbola teraka no efa nohamasiniko sy notendreko ho mpaminany ho an'ny firenena" (**Jer. 1:5**)

Rehefa niseho ny hatsarana sy ny halemem-panahy feno fitiavana avy amin'Andriamanitra Mpamonjy antsika, dia namonjy antsika Izy, tsy noho ny asa vitantsika tamin'ny fahamarinantsika, fa noho ny fahasoavany manokana, tamin'ny alalan'ny fanadiovana avy amin'ny fahaterahana indray sy ny fanavaozan'ny Fanahy Masina, izay narotsany nivatravatra tamintsika, tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy Mpamonjy antsika, ka rehefa hamarininy amin'ny fahasoavany isika dia afaka ny ho tonga mpandova araka ny fanantenana ny fiainana mandrakizay. (**Tit. 3:4-7**)

---

[1] Brecht, Martin. *Martin Luther*. tr. James L. Schaaf, Philadelphia: Fortress Press, 1985–93, 1:460, araka ny misoratra ao amin'ny Wikipedia article "Diet of Worms."

[2] Foibe Manerantanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, *ireo Foto-Pinoana 28 ao amin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito (Nafohezina)* (Silver Spring, MD: General Conference of Seventh-day Adventists, 2013.)

# ANDRO 3
# KRISTY, IVON'NY FIAINANTSIKA
*(Solus Christus)*
## Mifidy anao Aho—mandrakizay sy mandrakariva!



Oviana no fotoana farany nanandratanao vavaka? Moa ve mampahery ny fonao ny fivavahanao sa tsy misy fiantraikany aminao izany? Mbola manohy izany ve ianao, noho ny fahatsapanao fa mitondra anao eo amin'ny tena fanatrehan'Andriamanitra izany, sa kosa noho ny fahafantaranao fa fahazarana tsara ny manao izany na dia tsy misy fiantraikany eo amin'ny fiainanao aza ? Moa ve ny vavaka dia mety ho fahazarana andavanandro ka teny mitovy hatrany no averimberinao ao amin'izany? Moa ve tahaka ny lisitry ny entana hiantsenana ny vavaka ataonao, ka rehefa tonga ny fotoana hizarana valim-bavaka dia manantena ianao fa ho tapitra tsy ho ela izany, satria efa fotoana ela izao no tsy nanaovanao fanandramana niaraka tamin'Andriamanitra? Raha izany no fahatsapanao, andeha àry isika hijery ny fomba nahatonga ny zavatra nianaran'i Martin Luther avy tao amin'ny Soratra Masina hampitombo ny fiainam-bavaka nananany. Fony izy tao amin'ny monastera dia nametraka fotoam-piaraha-mivavaka ireo mipetraka ao (moine); na dia mety ho tonga fahazarana poakaty aza ny zavatra toy izany, dia nisy fiantraikany naharitra teo amin'ny fiainany manontolo izany.

## Fahalalana ara-tantara sy fandikana ny hevitra fonosin'ny hosodoko

Lehilan'ny vavaka i Martin Luther. Rehefa nivavaka izy, dia tsapany fa toa nisy varavarana mankany amin'Andriamanitra nisokatra ho azy. Izany no fifandraisany tamin'i Jesôsy tamin'ny fomba haingana indrindra rehefa teo am-pandinihana ny Baiboly izy, na nanoloana zava-tsarotra toa tsy azo hihoarana. Ankehitriny, dia sarotra ho antsika ny hahazo sary an-tsaina ny herim-po nananany tamin'izany ho enti-manohitra ny fiangonana, izay nifehy ny lafi-piainana tsirairay. Amin'izao vanim-potoana môderina hiainantsika izao, ny olona saika any amin'ny firenena tsirairay any amin'ny faritra tandrefana dia afaka misafidy malalaka izay finoana tiany harahina. Saingy tsy toy izany ny zava-nitranga tamin'izany. Tany amin'ny ankamaroan'ireo firenena Eôrôpeanina, ny olona tsirairay dia nitoetra tao amin'ny fiangonana mitovy avokoa, dia ny fiangonana maneran-tany na ny Fiangonana Katôlika. Na iza na iza nanohitra io fiangonana io sy nitsikera am-pahibemaso ny Papa dia nomena ny marika hoe heretika ary dia voahilika teo amin'ny fiaraha-monina. Na iza na iza niezaka niatrika fanerena toy izany dia nila tohana sy fanampiana goavana. Lotera dia nahita ny fanampiana lehibe indrindra tao amin'i Jesôsy Kristy. Izany no antony nahatonga ny vavaka ho manan-danja indrindra teo aminy.

Izao isika dia hampitodika ny fifantohantsika indray eo amin'ny tapany ambany amin'ny Alitaran'ny Fanavaozana (Altar of Reformation, anaran'ilay sary hosodoko), ka handinika mandritra ny fotoana fohy ny anton'ny fitiavam-bavaka tao amin'i Lotera. Eo no ahitantsika an'i Jesôsy Kristy eo afovoan'ny hosodoko. Vao nohomboana teo amin'ny fijaliana Izy—noho ny fahotantsika. Azontsika fantarina ny hamafin'ny fangirifiriany sy ny fijaliany rehefa mibanjina ny tavany isika. Mitolefika ny lohany, ary indro ny rà mikoriana avy amin'ireo ratra mahazo Azy. Norohitina ny tenany kaozatina sy mangana, saika nihalava tamin'ny fomba tsy voajanahy ary nitovy ny endriky ny sandriny roa. Ny tenany nororitana tamin'ny fomba mihoampampana dia toa manome endrika fa Izy mihitsy no hazo fijaliana. Raha jerentsika manokana ny tapany ambany amin'ilay hosodoko, araka ny tontolon-kevitry ny Alitaran'ny Fanavaozana, dia toa mizaka ny enta-mavesatra rehetra teo amin'ireo sandriny nohitarana tamin'ny fomba diso tafahoatra loatra i Jesôsy eo amin'ny hazo fijaliana: ny fahamelohan'izao tontolo, ireo fahotantsika, ary ny fiangonana sy izao tontolo izao mihitsy koa. Teo amin'ny fandrafetana ny sary hosodoko, dia napetraky ny mpanao hosodoko Lukas Cranach teo ambonin'ny alitara ny sary maneho ny Fanasan'ny Tompo, ho tandindona ho an'ny fiangonana manontolo. Noho izany, Jesôsy dia mitondra antsika rehetra, isan'andro, eo amin'ireo sandriny nororitana tamin'ny fomba diso tafahoatra. Rehefa mamerina mieritreritra izany aho, dia zavatra iray monja no hany azoko ambara: Misaotra anao Jesôsy ô!

## Ny Fomba Fivavak'i Martin Luther

Nanana ny toerany lehibe teo amin'ny fiainan'ny olona andavanandro ny vavaka tamin'ny andron'i Martin Luther. Kanefa vavaka nataon'izy ireo tsianjery izany matetika, toy ny vavaka sapile, izay tsy mila fandinihana firy akory. Zary tokampiova (monotone/tsy misy fiovaovana) no hanaovana tsianjery ireo vavaka ireo, izay averina ombieny ombieny. Nampianarina tamin'izany fa arakaraka ny hamerenanao izany, no hahazonao ny fanatrehan'Andriamanitra bebe kokoa; kanefa tsy manampy na amin'inona na amin'inona akory izany satria mitoetra ho foana hatrany ny ao am-po. Nahiana ho tonga fisehoana ivelany fotsiny ihany ny vavaka, toy ny asa soa notanterahana mba hitondra sitraka ho an'Andriamanitra. Tsy ela dia tsapan'i Lotera ny maha-zava-dehibe ny vavaka ataon'ny tena manokana sy atao am-pahibemaso ho an'ilay fiangonan'ny Fanavaozana vaovao. Vokatr'izany dia nanoratra ny boky kely voalohany momba ny vavaka izy tamin'ny taona 1522, izay natonta tamina edisiôna maro ary isan'ny asa soratra nozaraina be indrindra tamin'izany fotoana izany. Tsy vitan'ny hoe nirakitra ohatra maro momba ny vavaka fotsiny io boky kely io, fa nanome fanazavana famelabelarana momba ny hevitra sy ny lanjan'ny Didy Folo, sy ny Vavaka nampianaran'ny Tompo ary ireo andininy lehibe hafa ao amin'ny Baiboly koa.

Nanoratra boky kely manokana ho an'i Peter Beskendorf sakaizany, izay nandalo toe-java-tsarotra i Martin Luther. Mbola manana ny maha-izy azy io boky io ankehitriny, izay mitondra ny lohateny hoe A Simple Way to Pray (Fomba Fivavahana Tsotra Indrindra) . Natombony tamin'ny firesahana tsotra momba ny fanandramany ny torohevitra nomeny: "Ry Peter, Mpampianatra Malala," hoy izy manoratra, "Ho tantaraiko aminao araka izay azoko atao ny fomba fanaoko manokana rehefa mivavaka aho. Ny Tompo anie hanampy anao sy ny hafa rehetra mba hanao tsara kokoa noho izay nataoko!" Rehefa izany, indro manaraka eto ambany ny torohevitra iray manan-danja nomeny:

> Mahasoa ny manao ny vavaka ho raharaha voalohany indrindra amin'ny maraina sy farany indrindra amin'ny alina. Tandremo fatratra ny tenanao manoloana ireo hevi-diso sy mamitaka izay miteny aminao hoe "Miandrasa kely aloha e. Hivavaka aho rehefa afaka adiny iray; tsy maintsy manao an'itsy na izatsy aloha aho." Ny eritreritra toy izany dia mampivily anao hiala amin'ny vavaka ho amin'ny raharaha hafa izay mihazona mafy ny fahalianana sy maharevo fatratra anao, hany ka tsy misy na inona na inona natao am-bavaka mandritra izany andro izany.

Kanefa ahoana no tokony ho fomba fivavaka ataontsika? Ny torohevitra omen'i Martin Luther dia tsy hoe mamela ny saintsika handeha araka izay tiany fotsiny, fa kosa mamaky andininy maro ao amin'ny Soratra Masina izay mitarika ny saintsika ho any amin'Andriamanitra; ohatra, ny Vavaka Nampianarin'ny Tompo (Mat. 6:9-13), na ny Didy Folo (Eks. 20:2-17). Mandany

fotoana mihitsy izy mba handinihana lalina ireo andininy manokana ao amin'ny Baiboly (ohatra ireo fangatahana manokana ao amin'ny Vavaka Nampianarin'ny Tompo, na ny tsirairay amin'ireo Didy Folo), mijery manokana ireo teny tsirairay mba hahatakarana ny hevitra fonosiny. Ary avy eo, eo am-pamaritana ny fanandramany manokana, dia milaza izy fa tsy tokony hanomboka hiteny avy hatrany isika, fa hihaino kosa. "Satria ny Fanahy Masina Tenany mihitsy no mitory teny eto." Matetika izy no mametraka ireto fanontaniana efatra ireto:

1. **Inona no ambaran'ity andininy ao amin'ny Baiboly ity amintsika mikasika an'Andriamanitra?** Ny tanjon'i Lotera amin'io fanontaniana io dia ny hikatsaka fampianarana ara-teôlôjika; hikatsaka ireo fitsipika fototra izay zava-dehibe ho an'ny finoantsika; hikatsaka izay ambaran'ilay andininy amintsika momba ny toetra sy ny sitrapon'Andriamanitra. Inona no ampianarin'Andriamanitra ahy eto sy ankehitriny?

2. Ny fanontaniana manaraka apetrak'i Lotera dia: **Inona no azoko hanandratana fisaorana?** Inona no fanomezana atolotr'Andriamanitra ho ahy izao anio izao? Ny voalohany indrindra dia ilay andininy ao amin'ny Baiboly. Ilay mpanavao fivavahana dia miezaka mafy handany fotoana bebe kokoa amin'io fanontaniana io, satria misokatra ho an'ireo izay manandratra fisaorana ny lanitra.

3. Ny manaraka izany, dia fanontanina mifandraika amin'ny fandinihan-tena manokana: **Inona no tokony hangatahiko famelan-keloka?** Impiry moa aho no nanadino nisaotra an'Andriamanitra noho ireo fanomezana natolony? Ny fivavahana dia mahafaoka ny fanekentsika ny fanitsiana ataon'Andriamanitra. Zava-dehibe eto ny fiaikena ny fahadisoantsika sy ny fandraisana famelana noho ny fahamelohantsika sy ny otantsika.

4. Amin'ny fizarana farany amin'ireo endrika fototra efatra momba ny vavaka, dia miresaka momba ny fangatahana ataontsika i Lotera. **Inona no azoko angatahina?** Eo no teboka hiresahantsika amin'Andriamanitra momba ny zavatra tsirairay misy ao am-pontsika. Ohatra, ireo fikasako sy ny faniriako, na ny fitalahoako an'Andriamanitra mba hiditra an-tsehatra amin'ny fomba azo tsapahin-tanana.

Ho an'i Lotera, ireo fanontaniana efatra ireo dia fitaovana tsara ho an'ny vavaka. Tafapetraka araka izany ny resaka ifanaovana: mihaino izy dia mamaly Andriamanitra. Amin'io fomba io, izay rehetra manahiran-tsaina na manitikitika azy dia azo entina eo amin'Andriamanitra avokoa amin'ny alalan'ny vavaka; ary amin'io fomba io dia tsy resaka mizotra amina làlana iray monja

ny vavaka, fa tena fifampiresahana tokoa, dia resaka atao amin'Andriamanitra. Ireo izay mivavaka dia manantena valiny. Izany no tena finoana miasa.

Martin Luther dia mampivoitra manokana fa Andriamanitra Tenany mihitsy no nilaza fa ny vavaka dia ampahany lehibe eo amin'ny finoana. Andriamanitra Tenany mihitsy no nibaiko antsika mba hivavaka: mihoatra noho izany, dia nampanantena ny hamaly ireo vavaka asandrantsika Izy. Nanome ohatra ho antsika mihitsy aza Izy ny amin'ny fomba fivavaka, amin'ny alalan'ny Jesôsy Kristy Zananilahy: ny Vavaka Nampianarin'ny Tompo. Tsy ho diso fanantenana velively ireo izay mitaky ireo teny fikasana ireo.

Raha ny marina, ny vavaka dia sahala amin'ny fifandraisana misy eo amin'ny olon-droa izay mifankatia fatratra. Tsy hoe miredirediy fotsiny ianao; fa manokana fotoana hihainoana ihany koa. Ary arakaraka ny hifankahalalanareo, no hampitombo ny hafanana eo amin'ny resaka ataonareo. Lotera dia nametraka ny vavaka ho laharam-pahamehana, ary arakaraka ny mahabetsaka ny asa nataony no nahabe koa ny vavaka nataony, satria naniry ny hifandray tsy tapaka tamin'Andriamanitra izy sy hihazona Azy ho eo anivon'izay rehetra nataony. Matetika Lotera no miresaka momba ny vavaka, ary ireto misy andalan-teny vitsivitsy nosoratany: "Betsaka ny zavatra tokony hataoko androany, noho izany dia mila vavaka betsaka aho." "Maro dia maro ny zavatra tokony hataoko, hany ka handany ny adiny telo voalohany eo amin'ny fotoanako aho hivavahana mba hahafahako mamita izany rehetra izany." "Ny vavaka no asan'ny kristianina."

## Ahoana no ahafahantsika Mivavaka

Alaivo sary an-tsaina ange hoe mambran'ny fianakaviana mahafinaritra iray ianao, ary miaramonina avokoa ny rehetra. Ny fianakavianao dia ianao sy ireo ray aman-dreninao, ny rahalahinao sy anabavinao/ny anadahinao sy rahavavinao; ny vadinao, raha manambady ianao, ireo mpiray tampo aminao, ireo zanakao, ary angamba ireo raibe sy renibenao, miara-mipetraka ao amin'ny trano iray avokoa ianareo. Kanefa... tsy mba mifampiresaka ianareo. Tsy manankambara amin'ny hafa ny iray; samy sondriana mijery ny findainy avokoa ianareo. Ny lakozia no hany toerana mety hifanenanao amin'ny olon-kafa. Ankoatra izay, dia samy mandeha amin'ny làlany avy ianareo. Ho tena fianakaviana mahafinaritra tokoa ve izany? Azo antoka fa tsia.

Fantatsika androany fa mba hahazoana fahasambarana sy fahombiazana—na eo amin'ny fanambadiana sy eo amin'ny fianakaviana, na eo amin'ny fiangonana, na eo amin'ny fanabeazana na any am-piasana—dia tena zava-dehibe tokoa ny fifandraisana mahomby. Betsaka ireo fampianarana ho an'ireo olona efa manana diplaoma na tsia, seminera sy prôgrama fampiofanana momba io sehatra io. Raha ny marina, arakaraka ny hifandraisantsika tsara amin'ny hafa, no hifankahalalantsika bebe kokoa. Ny olon-droa tena mifankatia tokoa dia tsy lany resaka ho resahina, ary noho izany dia mitombo sy mihatsara ny fifankafantaran'izy ireo. Tsy hafa amin'izany ny fifandraisantsika amin'i Jesôsy. Ahoana moa no hahafahany miresaka amintsika, raha tsy mihaino Azy isika? Ary ahoana no tokony hantenaintsika hahafantatra Azy raha tsy miresaka Aminy isika? Fanampin'izay, tsy azonao atao ihany koa ny milaza fa mahalala mpanao fanatanjahantena malaza iray ianao, ohatra, noho ny fahitanao azy eo amin'ny vata fahitalavitra fotsiny! Mihoatra lavitra noho izany no atao hoe mahalala olona iray. Midika izany fa mifandray aminy manokana ianao, mifono fifampiresahana sy fahaiza-mankasitraka ny andaniny sy ny ankilany izany. Tsy ny fomba nahatonga izany no zava-dehibe indrindra, na mety ho tamin'ny alalan'ireo tambazotra sôsialy isan-karazany izany, na tamin'ny fomba mivantana nifanatri-tava.

Raha mijery ny ao amin'ny Baiboly isika, vetivety foana dia hitantsika ny maha-zava-dehibe ny vavaka ho an'ireo olona ao amin'ny Baiboly, sy ny maha-"zavatra mandeha ho azy" ho azy ireo ny mizara amin'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny vavaka, ny fifaliany sy ny faniriany, ny enta-mavesatra rehetra eo aminy, ny tebitebiny ary ny hatezerany koa aza. Ny bokin'ny Salamo dia mirakitra vavaka manokana nosoratan'i Davida sy ireo mpanoratra maro hafa, izay mendrika ny hanokanana fotoana manokana handinihana izany. Ho azy ireo, tahaka an'i Lotera ilay mpanavao fivavahana, ny vavaka dia varavarana mitondra ny olona ho amin'ny fanatrehan'i Jesôsy mandritra ny androm-piainana rehetra—toy ny fanambadiana ara-panahy mahafinaritra.

## Ny Lova Napetraka Amintsika

Fahadisoana mahafaty ny manomboka ny tontolo andro tsy misy firesahana amin'ny Mpamorona sy tsy mikatsaka hery avy amin'Andriamanitra ho enti-miatrika ny tontolo andro. Ellen White dia manoratra toy izao: "Raha ny Mpamonjy ny olombelona, ilay Zanakalahin'Andriamanitra aza nahatsapa ny filam-bavaka, mihoatra lavitra manao ahoana re no tokony hilaintsika, olona malemy sy mpanota mety maty, vavaka mafana tsy misy fitsaharany" (Ny Dia Ho eo amin'i Kristy, dikanteny malalaka). Ny vavaka dia fomba iray maneho hoe iza no tena ivon'ny fiainantsika. Amin'ny alalan'ny vavaka no hanekentsika ny fahefan'Andriamanitra sy hamborahantsika ny hataka ao anatintsika amin'ny anaran'i Jesôsy

irery ihany! Ô, anarana manao ahoana re izany! Endrey, sakaiza manao ahoana no azontsika ao amin'i Jesôsy! "Ary Izy no talohan'ny zavatra rehetra, sady ao aminy no aharetan'ny zavatra rehetra" (Kolosiana 1:17). Jesôsy no ivon'ny fiainantsika. Jesôsy no Filazantsara. Avy Aminy no nisian'ny zavatra rehetra. Noho ireo antony ireo, dia vonona i Jesôsy ny ho hatonintsika amin'ny alalan'ny vavaka.

> "Andriamanitra Zanaka velona mandrakizay dia tonga nofo tao amin'i Jesôsy Kristy. Izy no nahariana ny zavatra rehetra ; Izy no mampiseho ny toetran'Andriamanitra ; Izy no ahatanterahan'ny famonjena ny taranak'olombelona, ary amin'ny alalany no hitsarana izao tontolo izao. Andriamanitra marina mandrakizay, naka ny tenan'olombelona marina, dia i Jesôsy ilay Kristy. Ny Fanahy Masina no nahatorontoronina Azy, ary naterak'i Maria virijiny. Niaina sy nalaim-panahy toy ny olon-drehetra Izy, kanefa naneho ny ohatra mazava momba ny fahamarinana sy ny fitiavan'Andriamanitra. Tamin'ny alalan'ireo fahagagana nataony no nanehoany ny herin'Andriamanitra sy nanekena Azy ho Ilay Mesia nampanantenain'Andriamanitra. Naka ny toerantsika Izy, niharitra fijaliana sy maty an-tsitrapo teo amin'ny hazo fijaliana Izy noho ny fahotantsika, sy nitsangana tamin'ny maty, ary niakatra tany an-danitra mba hanao fanelanelanana ho antsika ao amin'ny efitra masina any an-danitra. Mbola ho avy indray amim-boninahitra Izy mba hitondra ny fanafahana farany ho an'ireo vahoakany sy hanavao ny zavatra rehetra." Isa. 53:4-6; Dan. 9:25-27; Lioka 1:1-3, 14; 5:22; 10:30; 14:1-3, 9, 13; Rom. 6:23; 1 Kor. 15:3, 4; 2 Kor. 3:18; 5;17-19; Fil. 2:5-11; Kol. 1:15-19; Heb. 2:9-18; 8:1,2 [2]

## Antso

Matetika isika no manao tsinontsinona ny fotoana ivavahana na manemotra izany, na tsy mivavaka mihintsy aza. Miaina amin'ny fotoana sarotra isika. Tsy haninona isika raha toa ka mifandray tsy tapaka amin'Andriamanitra. Fotoana izao mba hanomezantsika lanja ny vavaka misimisy kokoa, ny seminera ary ny kaonferansa. Manomboka aminao izany, avy eon y fianakavianao ary farany ny fiangonana! Tsy maintsy manomboka izany! Afaka ny hanao fanekena ho amin'izany ve isika?

## Fanontaniana Ifanakalozan-kevitra

(Mpitarika: Raha be loatra ireo fanontaniana mandritra ny fotoana voatokana, dia fanteno ireo fanontaniana izay tena mahasoa indrindra ho an'ny tarika misy anao.)

1. Amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika, ahoana no hampifandrindranao ny lalàna sy ny finoana?
2. Nanova mandrakizay ny tantara kristianina i Martin Luther rehefa nanomboka

ny Fanavaozana Protestanta tany Eôrôpa. Ifanakalozy hevitra ireo fomba hahafahanao manomboka fanavaozana ao amin'ny fiangonanao sy ny fiarahamonina misy anao.
3. Mety ve ny mivavaka manaraka ny fomba fanao mahazatra ao am-piangonana (liturgie) sa tokony ho mandeha ho azy ny vavaka, "avy ao am-po"?
4. Heverinao ve fa afaka hanova ny fisainan'Andriamanitra ny vavaka ataonao?

## Fanontaniana ho anao manokana:

Natao hanova antsika sy ny toetrantsika, sns., ve ny vavaka, sa natao hanova izao tontolo izao sy izay rehetra manodidina antsika?

## Teny fikasan'Andriamanitra ho anao:

"Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny." Dia nampiany hoe koa : "Ary izao dia hihiratra ny masoko, ary ny sofiko hihaino ny vavaka Izay atao amin'ity fitoerana ity" (2 Tant. 7:14-15). Hananan'ny Tompo ny hery, raha milaza Izy hoe "Maniry ny hanasitrana anao sy hamela ny helokao Aho, saingy miandry anao hampietry ny tenanao ka hivavaka Aho."

---

[1] J. J. Pelikan, H. C. Oswald & H. T. Lehmann, Eds., *Luther's Works*, American Edition, Vol. 43. "Devotional Writings II" (Philadelphia: Fortress Press, pp. 193-211).

[2] Foibe Manerantanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, *ireo Foto-Pinoana 28 ao amin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito (Nafohezina)* (Silver Spring, MD: General Conference of Seventh-day Adventists, 2013.)

## ANDRO 4

# NY FIANGONANA, ASA FISORONANA HO AN'NY MPINO REHETRA



## Tafakambana ho iray isika—ary samy tian'Andriamanitra avokoa!

Iza moa aho ? Ny anarako sy ny laharana famantarana ahy dia hita ao anaty pasipaoroko. Mazava ho azy, misy sariko ihany koa ao anatin'io pasipaoro io. Ny ray aman-dreniko no nanome ilay anarana, ary ny fitondram-panjakana no namaritra ilay laharana famantarana. Rehefa hividy zavatra amin'ny alalan'ny aterineto na hiditra amin'ny tambazotra sôsialy, dia afaka manapa-kevitra ny hampiasa solon'anarana izay tiako aho. Afaka mifidy izany an-kalalahana aho, ary afaka miditra ao amin'ilay kaonty amin'ny tenimiafina (mot de passe) izay nofidiako manokana. Rehefa milalao ao amin'ny aterineto aho, dia mamorona olona vaovao sy mombamomba ahy vaovao. Noho izany dia afaka ny ho tonga izay tiako aho ; mahomby sy matanjaka, mahira-tsaina sy tsy mety resy, manintona sy mahaliana. Kanefa iza marina ilay tena izaho ? Izany ve ilay izaho izay iriko, ilay izaho nofinofisiko rehefa iny aho misento mandinika ny hafa izay toa manana ny zavatra rehetra nofinofisiko iny ? Sa kosa ve ilay olona tiako handosirana ombieny ombieny ? Ilay iray izay

mahasosotra ahy satria tampoka eo dia tsy fantatro izay eritreretiko sy ataoko. Na inona na inona ataontsika, manjohy antsika hatrany io fanontaniana io raha mbola velon'aina koa isika.

## Fahalalana ara-tantara sy fandikana ny hevitry ny hosodoko

Matetika i Lotera no nametraka ireto fanontaniana ireto : moa ve aho ilay pretra tsy misy fotony avy ao Alemaina tsy manam-pahalalana, araka izay nambaran'i Papa avy ao Roma ? Izaho ve ilay mpitarika ireo vahoaka tantsaha, izay mametraka ny fanantenany amiko manoloana ny fikomian'izy ireo amin'ny fitsipi-pifehezan'ny fanompoana mafy ? Izaho ve ilay mahery fon'ny vahoaka izay noraisin'ny be sy ny maro tamin-karavoam-panahy lehibe satria nangataka ny Fiangonana Katolika Romana aho mba hanatanteraka ireo fanavaozana izay efa nanaovan'ny ankamaroan'ireo andriandahy alemaina antso koa.

Tamin'izany fotoana izany dia niavaka ho sokajy telo tamin'ny fomba hentitra tsara ny fiarahamonina, izay hita niharihary tokoa teo amin'ny fiainan'ny be sy ny maro. Nisy ireo izay tsy nanana afa-tsy kely monja na tena tsy nanana na inona na inona mihitsy, izay matetika mpiompy sy tantsaha ary mpanao asa tanana. Teo ambonin'izy ireo indray, nisy ireo mpitondra fiangonana niasa tamin'ny maha-mpanapaka ara-pivavahana azy ireo, ary farany dia ireo taranak'andriana izay mpifehy tamin'ny lafiny ara-nofo. Hita niharihary hatrany am-piangonana ireo fahasamihafana ireo : nanana toerana manokana teny rihana kely natokana ho an'ny mpanjaka, nantsoina hoe Schwalbennester (na akanin'ny sidintsidina [hirondelle]) ireo taranak'andriana. Ireo mpitondra fivavahana indray dia nanana ny toerany teny amin'ny faritra aloha indrindra ao am-piangonana, miaraka amin'ireo seza vita sokitra nokaliana fatratra. Ny hafa rehetra dia tsy maintsy mijoro ao amin'ny lafiny afovoany ao amin'ny fiangonana na eo amin'ny lala-tsara. Fiarahamonina tena nizarazara mihitsy izany. Noho izany dia tena mahalana i Lotera no nahazo alalana nitsidika ny mpiaro azy dia i Friedrich the Wise, na dia teo amin'ny iray kilometatra monja ny elanelana nampisaraka azy ireo. Samy nijaly teo ambanin'io fizarazarana io avokoa na ny fiarahamonina manontolo na ny fiangonana. Voafehin'io fiavahan'ny sarangam-piainana io hatramin'ny fitafiana azo nanaovana sy ny sakafo azo nohanina. Izany rehetra izany dia nanomalavola ny fomba fiheveran'ny olona an'Andriamanitra tamin'izany fotoana izany, satria ny fiangonana sy ny mpitondra fivavahana dia nanambara fa lamina avy amin'Andriamanitra izany, ka tsy misy na iza na iza afaka manova izany—izay no anjaranao!

Tamin'ny taona 1520, dia namoaka ny boky famakafakana iray fanta-daza, nosoratany i Lotera, mitondra ny lohateny hoe On the Freedom of a Christian (Eo amin'ny Fahafahan'ny Kristianina). Naneho lamina vaovao sy modelim-piarahamonina kristianina izy. Hoy i Lotera nanambara : « Ny kristianina no olona afaka indrindra, ary tsy voagejana inona na inona ; ny

kristianina no mpanompo be adidy indrindra, sy olona natao hanompo ny hafa. »  Raha ny topimaso voalohany dia toa mifanohitra sy mifangaro izany fehezanteny izany. Saingy noho ny fahalalana izay manaraka avy ao aoriana kely ao, ny fehezanteny dialektika toy izany dia fanasana mba handraisana anjara amin'ny fifampiresahana ; natao mba hamohazana fifanakalozan-kevitra am-pahibemaso, dia azontsika atao araka izany ny mahatakatra tsara hoe nahoana i Lotera no nifidy io karazana fehezanteny io mba hampidirana ny iray amin'ireo fehezanteny fototry ny Fanavaozana ho eo anoloan'ny vondron'olona nahita fianarana. Ny fehezanteny voalohany dia maneho ny fiainan'ny kristianina izay nahazo fanafahana avy amin'Andriamanitra ho amin'ny fiainam-baovao ; ny faharoa kosa dia miresaka ny amin'ny fiainany mifandray amin'ireo mpiara-belona aminy. Ny kristianina izay neken'Andriamanitra sy afaka vokatr'izany, izay tsy fehezin'ny tolona mahavery hevitra—izay fahombiazana mandrakariva amin'ny farany—mba hamaritana sy hilazana ny tenany, dia afaka mahita sy mahafantatra ny ahiahy sy ny filan'ny hafa nony farany. Satria tsy ilainy intsony ny hiahiahy ny amin'ny fikatsahany ny hevitra sy ny tanjon'ny fiainany manokana. Ny kristiana toy izany dia malalaka amin'ny fanompoana sy ny fanampiana ireo mpiara-belona aminy, amin'ny alalan'ny fahaiza-mamoron-javatra tsy voafetra, ary afaka mampita ny fitiavana izay noraisiny avy amin'Andriamanitra. Toy izany no tokony hiseho ao am-piangonana.

Io fahatakarana ny fitiavan'Andriamanitra sy ny foto-kevitra momba ny fiangonana io indrindra, izay araka ny fenitra napetrak'i Lotera, no nataon'i Lukas Cranach hosodoko teo amin'ilay Alitaran'ny Fanavaozana malaza. Eto i Cranach dia nanao sary hosodoko latabatra boribory iray, izay mifanohitra amin'ireo latabatra lava be fihinanana sakafo tamin'izany andro izany. Ny olona manan-kaja indrindra no mipetraka eo amin'ny fitoerana ambony, ary ny madinika sy ny olona mahantra indrindra no voatositosika ho eny amin'ny fitoerana ambany indrindra, eo an-tongo-databatra. Eo amin'ny latabatra boribory kosa dia tsy misy lohany ary tsy misy tongony. Mitovy avokoa ny olon-drehetra. Na i Jodasy aza, izay efa nametraka ny tongony iray ho any ivelany, hiomana handao ny fiarahana, dia mbola nipetraka teo anilan'i Jesôsy ihany. Teo amin'ny andaniny iray teo akaikin'i Jesôsy, no nisy ny apôstôly Jaona, ary eo amin'ny lafiny ankavanana eo amin'ny hosodoko no ahitantsika an'i Lotera. Tsy miseho amin'ny endrika pretra intsony izy eo, sy amin'ny maha-mpampianatra ambony azy eny amin'ny oniversite, fa toy ny « Junker Jörg » (Squire George/ankizilahy mpitondra ny ampingan'ny miaramila mpitaingin-tsoavaly). Toy izany no fisehony raha mbola niaina teo ambany fitondrana anarana tsy izy izy, tao Wartburg Castle. Mipetraka miaraka amin'i Jesôsy eo amin'ny latabatra fiaraha-misakafo, toy ny olon-tsotra i Lotera. Ary Lukas Cranach the Younger dia manolotra azy ny kaopy misy ny divaim-pandraisana. Hitantsika eto i Cranach manao ny akanjon'ny andrian-dahy mba hanehoana fa, eo imason'Andriamanitra dia tsy misy ny fahasamihafana eo amin'ny ambaratonga sôsialy. Eo anatrehan'i Jesôsy dia tsy misy ny

voalohany sy ny farany, tsy misy ny andriana sy ny olon-tsotra, fa kosa zanak'Andriamanitra avokoa. Ankoatra izay, tsy hoe endrika tsy fantatra no hita soritra eo amin'ireo olona hafa manodidina ny latabatra fandraisana. Mponina fantatry ny be sy maro tao an-tanana izy ireo. Hita ao anatin'ireo, ohatra, i Melchior Lotter, mpanonta boky malaza, izay nanonta betsaka tamin'ny asa soratr'i Lotera. Tafaray ny fiangonana sy ny fiarahamonina eo amin'ny fanatrehan'i Jesôsy.

## Ny Fomba Nahatakaran'i Lotera ny Maha-Taranaka Mpisorona ny Mpino Rehetra

Lotera dia mahita ny fiangonana ho toerana izay, tian'Andriamanitra sy eken'Andriamanitra avokoa ny olona ao aminy, na manao ahoana na manao ahoana ny saranga sôsialy misy azy ireo. Tsy voatery ho avy amina fianakaviana manana ny maha-izy azy ianao, tsy mitondra fahasamihafana na ny fanabeazana noraisina, na ny vola miditra ao aminao, ny hany zava-dehibe dia ny hoe manatona an'i Jesôsy tsotra izao isika. Ny toerana tsara indrindra ho an'izany dia rehefa tafaray ny fiangonana mba hivavaka—toy ireo mpianatra hita ao amin'ny sary hosodokon'ny Fandraisana Fanasan'ny Tompo, izay tafaray mba ho eo amin'i Jesôsy. Izany no fototra ijoroan'ny fiangonana kristianina, amin'ny heviny hafa dia trano fanovozan-kery sy milina izay mitondra antsika amin'ny maha-fiangonana antsika.

Tamin'ny fanokanana ny fiangonana Castle Church any Torgau, ilay fiangonana protestanta vaolohany indrindra, dia namaritra ny « fanompoam-pivavahana » ho tombontsoa izay sady hanolorantsika ny fanompoana an'Andriamanitra sy hanoloran'Andriamanitra ny fanompoany ho antsika olombelona i Lotera. Ohatra, tao amin'ny toriteny nataony, dia nosoritany fa ny fiangonana dia natokan'i Jesôsy Kristy ho an'ny tanjona tokana, dia ny ho tonga toerana izay hahafahan'ny Tompo miresaka, amin'ny alalan'ny Soratra Masina, amin'ireo izay tafavory ao, no sady hahafahan'izy ireo miresaka Aminy amin'ny alalan'ny vavaka sy ny hira fiderana ataon'izy ireo.

> Maro ireo olona tonga nanatrika tamin'ny fotoam-pivavahan'ny fiangonana, nanomboka tamin'ireo olona zara raha nandia fianarana ka hatramin'ireo izay mitana andraikitra lehibe teo amin'ny asa sy ny fiarahamonina. Hita tao ireo olona efa mponina tao hatry ny ela, sy ireo mpitsoa-ponenana avy any amin'ny firenen-kafa—izany no fiangonana. Fa amin'ny fotoam-pivavahana kosa, dia tsy manisy fahasamihafana Andriamanitra, ary samy miresaka mivantana amin'ny tsirairay avy amintsika tsy misy fanavahana. Samy afaka mahatakatra izay ambarany avokoa isika. Ary miara-mamaly—amin'ny feo iray—rehefa mihira sy mivavaka. Toy ny hoe nivadika ambony ambany izao tontolo izao. Ka na inona na inona mety hampisaraka antsika,

na taona, na lahy na vavy, na zom-pirenena, na harena sy fananana, na fanabeazana, sns., dia tafakambana ho iray avokoa isika ao am-piangonana—satria Andriamanitra dia tia antsika sy namorona ny tsirairay avy amintsika. Karazana fahafahana vaovao tanteraka izsany—ilay fanomezam-pahasoavan'ny fahafahana avy amin'ny Filazantsara.

Io fahafahana io dia zavatra izay nanaovan'i Lotera fanandramana. Raha ny marina dia teraka tamin'ny anarana « Martin Luder » izy. Saingy teny tsy tsara loatra izany amin'ny fomba fitenenana alemaina : mifanohitra amin'izay aza, manondro olona manana laza mampiahiahy fatratra izany. Izany no antony nanomezan'i Lotera anarana vaovao ho an'ny tenany—araka ny fomba fanao tamin'izany andro izany. Nanomboka niantso ny tenany tamin'ny anarana hoe « Eleutherios » izy teo amin'ny manodidididina ny taona 1512. Avy amin'ny teny grika io teny io—ny fitenin'ny Testamenta Vaovao—ary midika hoe « izy ilay afaka. » Nampiasa fanafohezan-teny izy taoriana kelin'izay, ka niantso ny tenany tamin'ny anarana hoe « Luther. » Araka izany io anarany vaovao io dia nanondro ny fiainany vaovao miaraka amin'i Kristy. Nohafahana izy, nanao fanandramana ny Filazantsara teo amin'ny fiainany manokana, ary nahita firaisan-kina tamin'ireo izay nanana fanandramana toa azy koa.

## Ny Fomba Hahatonga Antsika Rehetra ho Tafakambana ho Iray

Efa nifanena tamin'ny olona ve ianao ka fantatrao avy hatrany fa kristianina izy ireo, mpiray finoana namana ? Eny tokoa, satria ny firaisana kristianina marina dia mifototra amin'ny fitsipi-piainana vaovao ao amin'i Kristy. Mifototra eo amin'ilay tenan'i Kristy ara-panahy sady tsy hita maso izany, izay voarafitra amin'ny alalan'ireo mpino marobe—tsy anaram-piangonana, fa kosa ny mpino rehetra manerana izao tontolo izao.

> "Izay ateraky ny nofo dia nofo; ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy. Aza gaga noho ny nilazako taminao hoe: Tsy maintsy hateraka indray ianareo." (Jaona 3:6-7)

Eo amin'io andininy eo ambony dia hitantsika Jesôsy milaza amin'i Nikodemosy fa tsy maintsy hateraka indray izy. Ny Fanahy Masina no manatanteraka izany fahateram-baovao izany. Raha tsy eo ny Fanahy Masina, dia tsy afaka ny ho tafatoetra ao amin'i Kristy ianao (jereo Romana 8:9). Ny antson'Andriamanitra no mampiray antsika ao amin'ny tena iray, amin'ny alalan'ny Fanahy.

Ny fiangonana no toerana izay hahafahantsika mahatsapa amin'ny fomba manokana fa tena eo anivontsika tokoa Jesôsy. Azoko antoka fa efa nandalo fanandramana ianao, izay nahatsapanao fa tohina noho ny hira iray, noho ny toriteny, noho ny fifanakalozan-kevitra tao amin'ny Sekoly Sabata, na noho ny firaisan-kina tamin'ireo mambra hafa ao am-piangonana ny fonao. Tsapanao fa miaraka aminao eo tokoa Jesôsy amin'ireny fotoana ireny. Izany indrindra no nokendreny raha nanangana ny fiangonana izy. Nanana fanandramana toy izany koa ireo

mpianany taty aoriana.

Mety hilaza ianao izao hoe : izany indrindra no mba nofinofisiko, saingy tena hafa amin'izany mihitsy ny zavatra hiainako ao am-piangonana. Misy tokoa ny fifandirana sy ny fifanolanana mba hananana hery miasa mangina sy fahefana ary toeram-pifehezana. Mahatsapa aho fa toa tsy raisin'ny olona am-pahamatorana ny teniko sy ny olana mahazo ahy. Maniry mafy aho mba hahatsapa firaisan-kina amin'i Jesôsy, saingy kely monja amin'ny fitiavany no tsapako ao am-piangonana. Indrisy, zava-misy marina tokoa izany indraindray. Dia toy ny hoe mitondra fiara ka tsy nampidinina ny hisatra sintonina amin'ny tanana (freins à main). Raha mbola tsy sendra an'izany ianao, dia azonao atao ny manandrana izany. Raha tsy ampidinina ny hisatra, dia sarotra ny hahatonga anao na aiza na aiza. Tsapanao fa misy zavatra mihazona anao tsy handeha. Rehefa ela ny ela, dia misy setroka mivoaka avy any amin'ny kodiarana ary mandre fofona maimbo raikina ianao. Araka ny hevitrao, inona no olana ? Tsy afaka miodina an-kalalahana ireo kodiarana, ary vokatr'izany, dia manjary tsinontsinona, afa-tsy milina fanindry taratasy sisa ilay fiara nandeha tsara teo aloha.

Inona àry ny vahaolana ? Ny fianarana ny lesona voalohany indrindra ampianarin'ny filazantsara antsika izany ! Tafakambana ho iray isika rehetra izao ao, amin'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fahasoavana izay atolony maimaimpoana ho an'izay rehetra mino. Olana goavana ao amin'ny Baiboly ny firaisana amin'ny samy mpino. Zava-dehibe ho an'i Jesôsy izany, ka nahatonga Azy hivavaka ho an'izany mialoha ny nandehanany teny amin'ny hazo fijaliana.

> "Rehefa nolazain'i Jesosy izany teny izany, dia nanandratra ny masony ho amin'ny lanitra Izy ka nanao hoe: Ray ô, tonga ny fotoana; mankalazà ny Zanakao, mba hankalazan'ny Zanaka Anao. Araka ny nanomezanao Azy fahefana amin'ny nofo rehetra mba hanome fiainana mandrakizay ho an'izay rehetra nomenao Azy. Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao. (…) Nefa tsy ho an'ireto ihany no angatahako, fa ho an'izay mino Ahy koa noho ny teniny; mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato amiko, ary Izaho koa ao aminao, mba ho ao amintsika koa izy; mba hinoan'izao tontolo izao fa Hianao no naniraka Ahy." Jaona 17:1-3, 20-21

Mampahatsiahy antsika i Paoly fa ny Tompo no manomana ny fontsika hamaly ny filazantsara amin'ny finoana mahavonjy. Andeha asiana topy maso ireo andininy ao amin'ny Baiboly:

> "Izay namonjy antsika sy niantso antsika tamin'ny fiantsoana masina, tsy araka ny asantsika, fa araka ny fikasany sy ny fahasoavany izay nomena antsika tao

amin'i Kristy Jesosy hatry ny fony fahagola." (2 Timoty 1:9)

"Ary nisy vehivavy atao hoe Lydia, mpivarotra lamba volomparasy, avy any an-tanàna Tyatira, izay nivavaka tamin'Andriamanitra, dia nihaino izy, ary ny Tompo nanokatra ny fony hitandrina ny teny izay nolazain'i Paoly." (Asa 16:14)

Mba hitahirizana ny firaisana amin'ny finoana dia tsy maintsy mahatakatra ny maha-zava-dehibe an'izany isika. Tsy maintsy hampiharintsika ireo toetra tsara mihazona izany. Tsy maintsy manao ezaka isika hitahirizana izany—zava-dehibe ho an'i Kristy izany, ka nanolotra ny ainy Kristy mba hahatonga antsika hanana fahafahana hahazo izany! Ny tena mpino rehetra dia mandray ny famonjena izay atolotr'i Kristy amin'ny  fahasoavana irery ihany, sy amin'ny alalan'ny finoana irery ihany. Tsy misy na inona na inona tokony ho ataontsika, afa-tsy ny manaiky ilay fanomezana maimaimpoana izay atolotra—ny fanomezan'ny fitiavana. Raha fantatrao fa tiana ianao, dia azonao atao koa ny mitia ny tenanao ary manana fahalalahana ianao hitombo sy hivelatra araka izay maha-ianao anao. Raha fantatrao fa tiana ianao, dia manana fahalalahana ianao hitia ny hafa tsy misy fepetra, tahaka izay itiavan'Andriamanitra azy ireny tsy misy fepetra. Eo amin'ny dia-pinoana ataontsika isan'andro, dia mitombo sy mihamatotra isika amin'ny maha-kristianina antsika sy ao amin'ny fitiavana ny tsirairay ary ho tsapantsika ihany koa ny firaisan'ny finoana. Miresaka ny amin'izany i Paoly ao amin'ny Efesiana 4:13: "Mandra-pahatongantsika rehetra ho amin'ny firaisan'ny finoana sy ny fahalalana tsara ny Zanak'Andriamanitra, ka ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy." Mihamatanjaka izany arakaraka ny hitomboantsika amin'ny finoana. Io ilay firaisana izay azontsika amin'ny fahafenoany rehefa mahita an'i Jesôsy sy ny fanantenana ny famonjena antsika isika.

Izany no mahatonga antsika kristiana mihira hoe "Ao Am-ponay 'Zao ny Fanantenana"

Ao am-ponay 'zao ny fanantenana
Fa ho avy indray ny Tomponay.
Inoanay 'reo teny fikasana
Nataony teto fahizay
Tsy ho ela intsony re
Izahay hihira hoe:
Haleloia, haleloia,
Tonga ny Mpanjakanay!
He, ny fonay 'zao,
Faly manantena
Ny fiavian'ny Tomponay.
Miandry Anao 'zahay, Jesôsy tia,
Faingana mba handray anay
Ny feonay miantso hoe: "Avia,
Ry Tompo sy Mpanjakanay." (Fihirana
Advantista, # 533)

## Ny Lova Napetraka Amintsika

Ny Fiangonana dia mampiray ny karazan'olona rehetra avy fiaviana samihafa. Tsapa ny firaisana sy ny firahalahiana rehefa mifantoka eo amin'i Jesôsy ny mambra rehetra. Ellen White dia manazava fa « Ny tsiambaratelon'ny tena firaisana ao amin'ny fiangonana sy eo amin'ny fianakaviana dia tsy avy amin'ny diplomasia, tsy avy amin'ny fitantanana, tsy avy amin'ny ezaka ataon'ny olona miavaka amin'ny be sy ny maro mba handresy ireo zava-tsarotra maro—na dia be lavitra noho izany aza no tokony ho atao—fa avy amin'ny firaisana amin'i Kristy. Arakaraka ny hanakaikezantsika an'i Kristy, no hampanakaiky antsika bebe kokoa amin'ny hafa. Omem-boninahitra Andriamanitra rehefa iray amin'ny ezaka mirindra ny vahoakany » (Adventist Home, t. 179). Mitovy avokoa ny rehetra ao an-tranon'Andriamanitra. Samy zanak'Ilay Andriamanitra tokana isika rehetra. Ny fankahalana ny hafa sy ny tsy fifankatiavana dia fankahalana na tsy fitiavana ny endrik'Andriamanitra eo amin'ny olona iray hafa. Araka izany, ny fitiavana sy ny fiadanana, ny firindrana sy ny fahaiza-miaina, ary ny lamina sy ny rafitra dia tombam-bidy sy fenitra tsara indrindra izay omena lanja ambony mba hahatanteraka ny iraka, ka manome antoka antsika fa ho iray mandrakariva ao amin'izany iraka izany isika—dia ny raharaha fototra nankinina amintsika.

Ny fitiavana ny firaisan-kinan'ny mpino dia tokony hihoatra ny fanatrehana ny fiarahana tsotra fotsiny. Hanampy amin'ny fampiraisana ny fiangonana ny fandraisana anjara feno eo amin'ny fiainana sy ny iraka nankinina amin'ny fiangonana.

"Ny Lova Napetraka Amintsika : « Ny fiangonana dia fiarahamonin'ny mpino izay manaiky an'i Jesôsy Kristy ho Tompo sy Mpamonjy. Mifandraika amin'ireo vahoakan'Andriamanitra tany amin'ny Testamenta Taloha, dia antsoina isika mba hiala amin'izao tontolo izao ; ary ho tafaray isika amin'ny fivavahana, amin'ny firaisan-kina, amin'ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra, amin'ny fankalazana ny Fandraisana Fanasan'ny Tompo, amin'ny fanaovana asa fanompoana ho an'ny mpiara-belona, ary amin'ny fitoriana ny filazantsara amin'izao tontolo izao. Avy amin'i Kristy no nahazoan'ny fiangonana ny fahefana eo am-pelatanany, dia i Kristy ilay Tena tonga nofo asehon'ny Soratra Masina. Fianakavian'Andriamanitra ny fiangonana ; natsangany ho zanany, ary miaina amin'ny alalan'ilay fanekena vaovao ireo mambra ao aminy. Ny fiangonana dia tenan'i Kristy, fiarahamonin'ny finoana, ka Kristy no Lohany. Ny fiangonana no vady izay nanoloran'i Kristy ny ainy, mba hahafahany manamasina sy manadio azy. Rehefa ho avy amim-pandresena Izy, dia hiseho eo Aminy amin'ny maha-fiangonana be voninahitra azy izy, ilay mahatoky hatrizay hatrizay, ilay novidiny tamin'ny rany, tsy misy pentina na fikentronana, fa masina sady tsy misy kilema. Gen. 12 : 1-3 ; Eks. 19 : 3-7 ; Mat. 16 : 13-20 ; 18 : 18 ; 28 : 19, 20 ; Asa 2 : 38-42 ; 7 : 38 ; 1 Kor. 1 : 2 ; Efe. 1 : 22, 23 ; 2 : 19-22 ; 3 : 8-11 ; 5 : 23-27 ; Kol. 1 : 17, 18 ; 1 Pet. 2 : 9. »[3]

## Fanontaniana Ifanakalozan-kevitra

(Mpitarika: Raha be loatra ireo fanontaniana mandritra ny fotoana voatokana, dia fanteno ireo fanontaniana izay tena mahasoa indrindra ho an'ny vondrona misy anao.)

1. Inona no hevitry ny hoe firaisana ?

2. Nahoana no zava-dehibe ny fananana firaisana any an-tsekoly ? Any amin'ny toeram-piasana ? Eo amin'ny fiarahamonina ? Eo amin'ireo vondrona sôsialy ?

3. Na dia eo aza ny fahasamihafana misy eo amintsika, ahoana no hahafahantsika mitoetra ho tafaray ao am-piangonana ? Afaka miaraka ve ny firaisana sy ny fampianarana tsy misy kilema ? Ahoana no hiarovantsika ny fampianarana tsy misy kilema nefa sady miray amin'ny hafa izay tsy mitovy finoana amintsika ?

## Fanontaniana ho anao manokana :

1. Ahoana no hahafahanao mamorona firaisana ao amin'ny tokantranonao, ao amin'ny fanambadianao, ao amin'ny ankohonanao, ao amin'ny fiangonanao, ao amin'ny fiarahamonina misy anao, ao amin'ny sekoly misy anao, sns. ?

2. Diniho ny tenanao ary angataho Andriamanitra haneho aminao izay tokony ho ataonao mba hanampiana ny hisian'ny firaisana amin'ny toe-javatra rehetra mitranga.

## Teny fikasan'Andriamanitra ho anao

Nivavaka ho anao Jesôsy mba hahatonga anao ho tafaray Aminy tahaka Azy ray amin'ny Ray.

Vakio ny Jaona 17 : 20-26 :

---

[1] Henry Wace and C. A. Buchheim, *First Principles of the Reformation*, London: John Murray, 1883. Retrieved from http://sourcebooks.fordham.edu/mod/luther-freedomchristian.asp.

[2] *Seventh-day Adventist Hymnal*. (1985). Hagerstown, MD: Review and Herald Publishing Association, 214.

[3] General Conference of Seventh-day Adventists, *Seventh-day Adventist Church 28 Fundamental Beliefs (Abridged Version)* (Silver Spring, MD: General Conference of Seventh-day Adventists, 2013. Retrieved from http://www.adventist.org/en/beliefs.

# ANDRO 5
# MITONDRA FIRAISANA SY FANAVAOZANA HANAKAIKEZANA AN'I JESOSY NY FANASAN'NY TOMPO



## Manakaiky an'i Jesosy

Tadidinao ve ny fotoana tena nahatsapanao ho irery sy natao tsinontsinona? Mety rava ny iray tamin'ireo nofinofinao. Tsy afaka tamin'ny fanadinana iray ianao ka simba ny zava-drehetra, kanefa dia hitanao fa toa mora ilay fanadinana. Mino aho fa ho vitako ity na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana, hoy ny eritreritrao, kanefa dia izao no zava-niseho! Mety ho namadika anao ihany koa ny namanao akaiky anao indrindra, ary nandao anao mihitsy. Izy, tao anatin'ireo olona marobe, ilay nitokisanao indrindra, dia nanaparitaka tampoka zavatra marobe momba anao tao amin'ny tambazotra sosialy, ka tsy nampahafantatra fotsiny ihany ny olona rehetra fa tsy afaka tamin'ilay fanadinana ianao, fa nilaza ihany koa hoe ianao dia feno tsy fahombiazana. Ohatra iray amin'ny "cyberbullying" na fanalam-baraka amin'ny tambazotra sosialy izany, ary tsy afaka nanao na inona na inona ianao nanoloana izany. Ary ankehitriny dia fantatry ny olona rehetra ny tsy fahaizanao. Tadidinao ve ny zavatra ratsy tsapanao nanomboka tamin'izay? Na koa mbola mahatsapa alahelo vokatr'izany ve ianao hatramin'izao–mpanimba

zavatra manoloana ny hafa, hita miharihary ary ahilikilika? Tena mankarary fo tokoa ny fahatsapana fa tsy misy lanjany manoloana ny zava-drehetra. Mahatsapa ho tena irery ianao vokatr'izany. Irery foana. Ny hany mba fanirianao dia ny ho tiavina sy ekena.

## Ny tantara momba ilay hosodoko sy ny fanazavana momba azy

I Lotera dia efa niaina ary nahatsapa izany fanilikilihana izany tamin'ny fotoana naha-relijiozy azy. Tsapany ho toy ny  nanao kilalao feno habibiana taminy Andriamanitra. Mety izao no zavatra tsapany: Ahoana no fomba hiantsoan'Andriamanitra ny Tenany ho Andriamanitry ny fitiavana? Lafo vidy tokoa ny takalon'izany fitiavana takiany izany, ka tsy misy mahavidy azy ny olona rehetra: tsy afaka hanaja ny Didin'Andriamanitra aho. Niezaka aho, saingy tsy fahombiazana hatrany no setriny, noho izany dia tafalatsaka tao anatin'ny fahotana aho. Matahotra aho.

Maro ny olona natahotra an'Andriamanitra teo anelanelan'ny taonjato faha-5 hatramin'ny faha-15, natahotra ny fahafatesana, ary natahotra satria nandao azy ireo Andriamanitra. Ny fiangonana dia nanararotra izany fahatahoran'ny olona izany mba hamenoana ny kitapom-bolany. Nisy famotsoran-keloka izay tsy maintsy nandoavam-bola tamin'izany fotoana izany. Fantatra fa nisy kitapom-bola natokana ho an'ny asa tsara ary fankasitrahana manokana ho an'ireo olo-marina, sy olo-masina, izay notantanan'ny fiangonana – ary avy tamin'io kitapom-bola io no nahafahana nividy famotsoran-keloka. Ny olon-drehetra kosa tetsy andanin'izany dia efa nomanina avokoa handoa vola betsaka kokoa hividianana famelan-keloka – noho ny tahotra. Ny ankamaroan'ireo tsoa-kevitra 95 nosoratan'i Dr. Martin Luther ary nofantsihany teo amin'ny varavaran'ny Fiangonana "Castle Church" any Wittenberg, tamin'ny 31 Oktobra 1517 dia manakiana izany fomba fanangonam-bola natao sandan'izany famontsoran-keloka izany avokoa.

Inona ny nasolon'i Lotera ny fividianana famotsoran-keloka? Ny fiheverana vaovao momba ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo no nanafoana ny filàna hividy famotsoran-keloka na tamin'ny endriny inona izany na tamin'ny endriny inona: ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo araka ny ohatra voalazan'ny Baiboly. Nandritra ny taonjato maro, ny fanasan'ny Tompo dia tonga fitaovana mahery vaika ho an'ny fiangonana. Ny pretra irery ihany no nahazo nihinana ny mofo sy nisotro ny divay, izay mariky ny fijaliana sy ny fahafatesan'i Jesosy.  Ireo mambra tsotra tao am-piangonana dia tsy nahazo alàlana hisotro ny divay nandritra ny fanasan'ny Tompo. Izany dia nohamarinina tamin'ny hevi-doza hoe mety ho raraka tsy nahy avy eny an-tanan'ny laika ny rà sarobidin'i Jesosy! Tahaka ny tsy mba hitranga eo amin'ny pretra ihany koa ny toa izany. Kanefa tsy navela nandray anjara mihitsy ny mpivavaka. Ary efa nisy efitra nampisaraka ny pretra sy ny mpanatrika tamin'izany, natsoina hoe efitra manokana ho an'ny antokom-pihira, izay nampisaraka ny mpanatrika tamin'ny pretra mandray ny fanasan'ny

Tompo.

Kanefa eto amin'ny ivon'ny sary kosa dia hitantsika ny mifanohitra amin'izany: niakanjo tsotra toy ny mpianatra i Jesosy, fa tsy niakanjo lafo vidy tahaka izay nosaloran'ireo pretra. Eo afovoan'ny latabatra no misy ilay Zanak'Ondrin'ny Paska. Izany dia maneho ny fotoana manokana izay faritan'ny Jaona toko faha-13, ary manomboka ao amin'ny andininy faha-21. Hoy Jesosy: "Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa ny anankiray aminareo no hamadika Ahy." Ary nanontany ny mpianatra: "Tompoko, iza moa izany?" Dia namaly Jesosy ka nanao hoe: Ilay homeko ny sombin-kanina lemako no izy. Dia noraisiny ka nomeny an'i Jodasy izany, fa tsy nisy tamin'izay nipetraka nihinana nahalala ny anton'izany. Ao anatin'izany fisalasalan'izy ireo izany no ahitantsika tovolahy iray (Lukas Cranach izany, ilay tanora indrindra) nitsangana ivelan'ny faribolana nisy azy ireo, nanolotra ilay kaopy nisy divay. Nanome izany an'i Martin Luther izy. Noho izany, ilay mpanao hosodoko dia naneho zavatra mirakitra fanandramana mampihetsi-po lehibe teo amin'ny Fanavaozana. Tokony hofaranana amin'izay ny fanalambaraka ireo mambran'ny fiangonana mandritra ny fanasan'ny Tompo. Ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mahafantatra akory ny zava-mitranga mandritra ny fanasan'ny Tompo. Ny zava-drehetra dia nankalazaina tamin'ny teny Latina. Satria tsy nisy nahazo izany teny izany, ny Latina dia natokana hanamasinana ny fandraisana ny mofo, "Hoc est corpus meum," izay midika hoe "Ity ny tenako", dia manjary voatokana ho amin'ny teny maro samihafa tahaka ny "hocus-pocus", nampifandraisina tamin'ny zavatra saro-pantarina, mistery, eny mandiso fanantenana mihitsy aza.

Namarana izany fisalasalana izany ireo mpanao fanavaozana. 100 taona taloha, ilay Czech mpanao fanavaozana antsoina hoe Hus dia efa nampiditra sahady ilay fomba fankalazana ny fanasan'ny Tompo tamin'ny "endriny roa," ka nampiditra ny mofo sy ny divay, tahaka ny ohatra ao amin'ny Baiboly. Ankehitriny dia nampifandraisina tamin'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo tany Allemagne izy io, mba ahazoan'ny olona rehetra ny momba azy. Vokatr'izany dia tsy mpanatrika fotsiny intsony ny mpivavaka, fa lasa mpandray anjara mavitrika ao anatin'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo. Amin'izao fotoana izao dia tsy ho takatry ny saintsika mihitsy ny dikan'izany rehetra izany ho an'ny mambra tsotra ao am-piangonana. Tonga any am-piangonana izy ireo ary mahatsapa fa tafaroboka tanteraka ao anatin'ny programa, mipetraka eo amin'ny latabatra miaraka amin'i Jesosy mandritra ny fanasan'ny Tompo araka izay aseho eo amin'ny Alitaran'ny Fanavaozana. Moa misy zavatra tsara mihoatra noho izany ve?

Araka ny hevitr'i Luther, ny Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo dia tsy fahatsiarovana irery ihany, fa tena fotoana miavaka miseho eo amin'ilay toerana sy ny fotoana ankehitriny. Tena nampisy aingam-panahy lalina dia lalina tokoa izany ho an'ilay mpanao hosodoko, izay nahita fa ny Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo dia tsy naseho an-tsary ho fampahatsiahivana antsika

fotsiny ihany an'i Palestina fahagola. Rehefa jerenao ilay varavarankely ery aoriana dia hitanao eo ny endriky ny tanàna fahita any Saxony any Allemagne, miaraka amin'ny lapa, latabatra manamorona ny tendrombohitra ary hazo terebinta. Mazava amin'ny mpijery rehetra izany fa ny Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo dia natao ho ahy manokana. Tena akaiky an'i Jesosy tokoa ve aho?

## Ny fahazoan'i Martin Luther ny Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo

Nanana nofinofy lehibe i Lotera. Tena nafana fo izy tamin'ny vaovao mahafalin'ny Filazantsara, ary nihevitra fa hahatsapa hafaliana toa azy koa ny olona rehetra raha mianatra ny Tenin'Andriamanitra. Naniry hanampy ny hafa izy hizara ny fanandramana ny fanehoana ny finoana irery ihany, izay nataony fony izy nitoetra irery tao amin'ny efitrano-keliny tao amin'ny Monasitera mainty tany Wittenberg. Azo antoka fa naniry ny ahafantaran'ny Jiosy an'i Kristy ho ilay Mesia izy.

Indrisy anefa fa tena samihafa be mihitsy ny zavatra iainany ankehitriny. Rehefa nijoro ny fiangonana Protestanta voalohany, dia nanomboka nibahan-toerana sy nandray an-tanana ny zava-niseho ny ampira politika. Nieritreritra hametraka an'ity mpanao fihetsiketsehana ity amin'ny toerany ny papa sy ny amperora. Kanefa i Frederick the Wise izay zanaky ny mpanjaka dia nandray an'i Lotera ho eo ambany fiarovany. Koa satria ny zanaky ny mpanjaka dia iray amin'ireo solontena telo izay tena manana ny toerany tokoa eo amin'ny Ampira Romana Masina tao amin'ny fanjakan'i Allemagne, ny fiangonana any Roma sy ny papa dia tsy maintsy maneho fanajàna ny Andrianjaka Frederick ao amin'ny filankevitry ny mpanjaka. Nitohy ihany anefa ny fihenjanana ara-politika. Eto amin'ity fotoana ity, ny fankalazana ny fandraisana fanasan'ny Tompo amin'ny alalan'ny mofo sy ny divay dia nanjary marika iray tena nampiavaka ny hetsiky ny fanavaozana. Na ny olona ambony firazanana, ny olon-tsotra ary ireo mpihofana ho pretra dia naira-nandray ny fanasan'ny Tompo, ka dia niforona ireo fiangonana vaovao. Toerana azon'ny tsirairay hidirana amin'ny fanatrehan'i Jesosy avokoa ireny rehetra ireny. Te hanakaiky kokoa an'i Jesosy amin'ny Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo i Lotera, ilay mpanavao fivavahana, ary haneho ihany koa fa ny fanavaozana izay nampidiriny no tena izy.

Tena zava-dehibe ho an'i Lotera tokoa ny tsy fampiasana ny sakrameta ao amin'ny fiangonan'ny Fanavaozana tahaka ny ao amin'ny Fiangonana Katolika taloha. Nampianariny fa tokony imasoan'ny fiangonana ilay fomba tokana irery ihany asain'i Kristy ataontsika, ary ny Tenin'Andriamanitra dia mirakitra fanazàvana momba izany, izay nolazain'ny tenan'i Jesosy mihitsy.

## Ahoana no hanakaikezantsika bebe kokoa an'i Jesosy?

> "Amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika dia inoantsika fa ny Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo dia fahatsiarovana, ary ny mofo sy ny divay dia mariky ny tenan'i Jesosy izay rotika ary ny rày izay latsaka. Ny mambran'ny fiangonana rehetra dia tokony handray anjara amin'ity Fandraisana Masina ity, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, "Kristy mihitsy no mihaona amin'ny vahokan'i Kristy, ka manome hery azy amin'ny fanatrehany. Fo sy tanana tsy mendrika mihitsy aza no mety hanao ny fanompoam-pivavahana, ao anefa Kristy manao asa fanompoana ho an'ny zanany. Izay rehetra manatona amin'ny finoany mifantoka Aminy dia handray anjara fitahiana be. Izay rehetra manao an-tsirambina ireny fotoana hisian'ny tombontsoa avy amin'Andriamanitra ireny dia hizaka fatiantoka. Amin'izy ireny no hiantefan'ilay fitenenana hoe 'Tsy madio avokoa hianareo rehetra'." (White, Ilay Fitiavana Mandresy, t. 709)[1]

Mandritra ny Fanasan'ny Tompo dia tena manandrana an'i Jesosy Kristy ilay Mpamonjy amin'ny fomba manokana tokoa isika. Amin'ny fomba feno fanajana no hamakiantsika ny tenin'i Jesosy sy noraketina an-tsoratra ao amin'ny Lioka 22: 19 – 20: "Izao no ataovinareo ho fahatsiarovana Ahy." Tsy foto-kevitra na fampianarana izy ity ka hoe mety hanana hevitra samihafa ny olona. Iraka manokana nataon'i Jesosy mihitsy izy ity, ka dia zaraina amintsika ny mofo sy ny divay, araka izay nampanaovin'i Jesosy antsika. Rehefa maka ny tsiron'ny mofo sy ny divay eo amin'ny lela isika dia miha-manakaiky kokoa an'i Jesosy izay tsy dia misy matetika eo amin'ny fiainantsika. Afaka hiteny foana ianao mandritra ny fanasan'ny Tompo dia mihaina tanteraka an'i Jesosy isika amin'ny alalan'ireo retsi-pandre 5 – izay anisan'ny maha-isika antsika.

> Ny Fanasan'ny Tompo dia tokony ho fotoana firavoravoana, fa tsy fotoana ho an'ny alahelo. Ny fotoanan'ny fanasan-tongotra mialoha ny Fanasan'ny Tompo dia fotoana tokony handinihan-tena, fibebahana tamin'ny fahotana, fampihavanana tamin'ireo hevitra tsy nitovy, ary famelàna. Vonona ny hiditra amin'ny fotoana firaisana manokana amin'ny Tompo ny mpino rehefa nahazo antoka fa voadio tamin'ny ràn'ilay Mpamonjy. Mitodika amin'ny latabatrany amim-pifaliana izy ireo, mijoro eo amin'ny fahazavan'ny famonjena, fa tsy amin'ny aloky ny hazo fijaliana, vonona ny hihoby ny fandresen'i Kristy tamin'ny nitsanganany tamin'ny maty. (Seventh-day Adventists Believe, t. 229)[2]

## Ny Hevitry ny Fanasan'ny Tompo

Ny Fanasan'ny Tompo dia solon'ilay Fetin'ny Paska tamin'ny andro taloha. Feno tanteraka ny

Paska rehefa nanolotra ny ainy teo an-kazo fijaliana i Kristy. Talohan'ny nahafatesan'i Kristy dia efa nampianariny ny solon'ny Paska, ilay fety lehiben'ny Israely teo ambanin'ny fanekena vaovao. Noho izany, mifototra amin'ny fanompoam-pivavahan'ny Paska avokoa ny ankamaroan'ireo tandindona ao amin'ny Fanasan'ny Tompo.

## Ny Lovantsika

Aza avela handalo fotsiny ny fotoana afaka handraisanao anjara amin'ny Fanasan'ny Tompo. Fotoana hanandramana ny fahasoavan'Andriamanitra izy io. Novonjena tamin'ny alalan'ny fahasoavana amin'ny finoana isika. Izany no antony nanasana antsika hanatanteraka ity fotoana ity ho fahatsiarovana an'i Jesosy. Ireo rehetra izay mino an'i Jesosy dia asaina avokoa handray anjara. Ao amin'ny boky Seventh-day Adventists Believe, t. 231, dia milaza toy izao:

> "Eto amin'ity tany feno tsy fifankazahoana sy fizarazaràna ity, ny hany fandraisantsika anjara ao anatin'ny fankalazàna dia ny fampiraisana sy fahatomombanana eo amin'ny fiangonana, fanehoana ny tena firaisana amin'i Kristy sy ny olona hafa. Ho fanamafisana izany firaisana izany dia hoy i Paoly hoe: "Ny kapoaky ny firaisana izay isaorantsika, tsy firaisana amin'ny ràn'i Kristy va izany? Ny mofo izay vakiantsika, tsy firaisana amin'ny tenan'i Kristy va izany?" [3]
>
> "Satria iray ihany ny mofo, dia tena iray ihany isika na dia maro aza; fa isika rehetra dia samy mandray amin'izany mofo iray izany avokoa." (I Kor. 10: 16,17).
>
> Izany dia tandindon'ny mofom-pandraisana izay vakivakiana ary hohanin'ireo mpino. Koa satria avy amin'ny mofo iray ihany ny tapa-mofo rehetra, ny mpino rehetra izay mandray anjara dia hampiraisina ao amin'Ilay nanana vatana norotehina aseho amin'ilay mofo novakivakiana. Rehefa miaraka mandray anjara amin'ity Fanasana ity ny Kristianina, dia maneho ampahibemaso ny firaisan'izy ireo, sy ny maha-iray azy ireo ao amin'ny fianankaviambe izay tarihin'i Kristy." (SDA Bible Commentary, rev. ed., vol. 6, p. 746)[4]
>
> "Ny mambran'ny fiangonana rehetra dia tokony handray anjara amin'ity Fanasan'ny Tompo ity avokoa, satria, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, dia "Kristy mihitsy no mihaona amin'ny vahoakan'i Kristy, ka manome hery azy amin'ny fanatrehany. Fo sy tanana tsy mendrika mihitsy aza no mety hanao ny fanompoam-pivavahana, ao anefa Kristy manao asa fanompoana ho an'ny zanany. Izay rehetra manatona amin'ny finoany mifantoka Aminy dia handray anjara fitahiana be. Izay rehetra manao an-tsirambina ireny fotoana hisian'ny tombontsoa avy amin'Andriamanitra ireny dia hizaka fatiantoka. Amin'izy ireny no hiantefan'ilay

fitenenana hoe 'Tsy madio avokoa hianareo rehetra'." (White, Ilay Fitiavana Mandresy, t. 709)[5]

Manandrana ny fahalehibiazana sy ny fahatanjahan'ny fampiraisan'i Kristy isika eo amin'ny latabatrany. Eto isika dia mihaona eo amin'ny toerana mahazatra, miaraka amin'ireo sakana nampisaraka antsika izay efa nazera. Tsapantsika fa na dia eo amin'ny fiaraha-monina aza dia maro ireo zavatra izay mampizarazara antsika, ao amin'i Kristy anefa no misy ny zavatra rehetra afaka mampiray antsika. Teo am-pizaràna ny divay no nanavaozan'i Jesosy ilay fanekena vaovao tamin'ny mpianany. Izao no nambarany: "Sotroinareo rehetra ity; fa ity no rako, dia ny amin'ny fanekena, izay alatsaka ho an'ny maro ho famelan-keloka." (Mat. 26: 27, 28; Lio. 22: 20). Raha toa ka naseho tamin'ny fanaovana sorona ràm-biby ny fanekena taloha (Eks. 24: 8), ankehitriny kosa dia ny soron'ny ràn'i Kristy no nanaovana ny fanekena. Amin'izany fotoana izany no hanavaozan'ny mpino indray ny voadiny hankato ny Tompony, sy hanehoany indray fa tafiditra ao anatin'ny fanekena mahagaga ao amin'i Jesosy izy, izay hampifandraisan'Andriamanitra ny Tenany amin'ny olombelona. Noho izany, ny Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo dia sady fahatsiarovana no fisaorana, tamin'ny fanombohonkase ilay fanekem-pahasoavana mandrakizay. Mifanaraka amin'ny finoan'ny mpandray anjara ny fitahiana horaisiny."

> Ny lovantsika: "Ny Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo dia fandraisana anjara amin'ny tandindon'ny vatana sy ny ràn'i Kristy, ho fanehoana ny finoana Azy, ilay Tompo sy Mpamonjy antsika. Manatrika ny fanandraman'ny Fanasan'ny Tompo i Kristy, mba hihaona sy hampahery ny vahoakany. Satria isika mandray anjara, dia manambara ny fahafatesan'ny Tompo amim-pifaliana isika, mandrapiveriny indray. Ny fiomanana ho amin'ny Fandraisana dia mitaky fandinihan-tena manokana, fanoloran-tena, ary fibebahana. Naniraka antsika ilay Mpitarika mba hifanasa tongotra ho mariky ny fanavaozana ny fahadiovantsika indray, fanehoana ny fahavononantsika hanompo indray an'i Krsity amin'ny fanetren-tena, ary hampiray ny fontsika amin'ny fitiavana. Ny Fanasan'ny Tompo dia misokatra ho an'ireo mpino Kristianina rehetra. Mat. 26:17-30; Jao. 6:48-63; 13:1-17; I Kor. 10:16, 17; 11: 23-30; Apok. 3: 20."[6]

## Antso

Andeha isika hanao fanekena ny hankalaza ny fahafatesan'ni Jesosy amin'ny ahatonga antsika ho tonga tena mpianatra marina. Ankehitriny isika manana ny fiainana mandrakizay izay novidiana tamin'ny ain'i Jesosy. Vonona hanao fanekena aho androany. Ary ianao?

## Fanontaniana Ifanakalozan-kevitra

(Mpitarika: Raha maro loatra ny fanontaniana kanefa tsy ampy ny fotoana natokana ho an'izany dia fidio ireo fanontaniana izay tena andraisan'ny tarika misy anao tombotsoa be be kokoa.)

1. Manome aingam-panahy ve ny fotoanan'ny Fanasan'ny Tompo ao amin'ny fiangonana misy anao sa toy ny fomba mahazatra eo amin'ny fiainana fotsiny ihany?
2. Rehefa avy naheno ity hafatra ity ianao, inona no tsapanao momba ny fotoanan'ny fanasan-tongotra?
3. Ahoana no tokony hitondrantsika tena manoloana ny Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo, araka ny voalazan'i Paoly manaraka eto?

> "Koa na zovy na zovy no mihinana ny mofo sy misotro amin'ny kapoaky ny Tompo amin'ny fanahy tsy mendrika, dia ho meloka ny amin'ny tena sy ny ran'ny Tompo izy. Fa aoka ny olona hamantatra ny tenany, dia aoka izy hihinana ny mofo sy hisotro amin'ny kapoaka. Fa izay rehetra mihinana sy misotro dia mihinana sy misotro fanamelohana ho an'ny tenany, raha tsy mamantatra ny tena izy." (I Kor. 11: 27-29).

## Fanontaniana ho an'ny tena manokana

Ny Fanasan'ny Tompo dia manampy antsika hijery ambony sy ny ao anaty. Ahoana no handraisanao izany? Raha mampitaha ny fiainanao ianao avy amin'ny Fanasana iray ho amin'ny iray hafa, mahatsapa fitomboana ve ianao sa mahatsapa fahakiviana?

---

[1]White, E. G. (1940). *The Desire of Ages.* Mountain View, CA, Portland, OR: Pacific Press Pub. Association, 656; 661.

[2]Seventh-day Adventists believe: A Biblical exposition of fundamental doctrines. (2005). Silver Spring, MD: Ministerial Association, General Conference of Seventh-day Adventists, 229.

[3]Seventh-day Adventists believe: A Biblical exposition of fundamental doctrines. (2005). Silver Spring, MD: Ministerial Association, General Conference of Seventh-day Adventists*, 231.*

[4]*SDA Bible Commentary,* rev. ed., vol. 6, p. 746.

[5] White, E. G. (1940). *The Desire of Ages.* Mountain View, CA, Portland, OR: Pacific Press Pub. Association, 656; 661.

[6]General Conference of Seventh-day Adventists*, Seventh-day Adventist Church 28 Fundamental Beliefs (Abridged Version)* (Silver Spring, MD: General Conference of Seventh-day Adventists, 2013. Retrieved from http://www.adventist.org/en/beliefs.

# ANDRO 6
# NY FIAIKENA NY FAHOTAKO SY NY HELOKO
## *(Sola Fide)*
# FAMELÀNA TANTERAKA– AFAKA IHANY AMIN'IREO FANAMELOHANA SY IREO TROSA AMIN'NY FARANY!



Ny fanontaniana lehibe nibahana tao an-tsain'ny olona tamin'ny Vani-potoana Antenantenany dia ny hoe: ahoana no fomba hialàna amin'ny fanamelohan-tena, ary tsy dia niova firy izany hatramin'izao. Mety tsy dia miresaka be momba izany intsony isika, kanefa isika dia manavesatra ny toeram-piantohana sy ny dokotera momba ireo tebitebintsika. Maro ireo aretina niforona vokatry ny tebitebin-tsaina, izay midika fa ny antony fototra dia avy amin'ny fomba fijerintsika ny fiainana fa tsy noho ny ohatra tsara tokony asehontsika avy amin'ny fomba fiaina tsara. Ohatra, rehefa misy olana mitranga dia miteny toy izao isika hoe: "Tsy metimety ny vavoniko", na "manelingelina ny torimasoko izany", ary izany dia mety hitarika ho amin'ny homamiadan'ny vavony na tsy fahampiana torimaso, izay heverintsika ho azo resena amin'ny fanafody mampatory. Ny zavatra izay mampitebiteby antsika dia mampidina antsika ho ambany, ary manala ny hafaliantsika. Iray amin'ireny zavatra ireny ny fanamelohan-tena izay tsy azontsika adinoina.

Tamin'ny Vani-potoana Antenantenany, ny fanamelohana dia natao ampahibemaso matetika–nalaina baraka teo anatrehan'ny olona rehetra ny meloka ka nofatorana rojo vy na teo amin'ny hazo. Raha voaporofo ny fahamelohan'izy ireo, dia midika izany fa voaroaka tsy ho eo amin'ny fiarahamonina no saziny, mandritra ny fotoana voafetra fa tsy mandra-pahafatiny akory. Raha "tsara vintana" ianao dia "hotsaraina" ary alefa sesitany any amin'ny Tany Masina any Palestina. Kanefa matetika dia miafara amin'ny fanamelohana ho faty foana izany fitsaràna izany. Misy ihany koa ireo izay mahazo marika manokana mandritra ny androm-piainany, vokatry ny fepetra noraisina tamin'ny fandihadihana natao. Ny mpandika lalàna sy ny mitovy aminy dia voasokajy ho olo-meloka avokoa. Nahilikilika izy ireo teo amin'ny fiaraha-monina, nohidiana tany ivelan'ny mandan'ny tanàna hitandroana ny fandriam-pahalemana ao anatin'ny manda – tsy nisy famonjena ho azy ireny.

## Ny tantara momba ilay hosodoko sy ny fanazavana momba azy

Efa lasa mpitsoa-ponenana i Lotera rehefa tonga tany amin'ny toerana antsoina hoe Diet of Worms. Noroahan'ny Papa izy, ary nasehon'ny Papa ampahibemaso fa heretika izay nanao tsinontsinona ny ainy izy. Rehefa nijoro ho vavolombelona teo amin'ny Diet of Worms izy tamin'ny 18 Aprily 1521, dia nomelohin'ny Amperora ho mpandika lalàna niharan'ny didy fandroahan'ny mpanjaka. Midika izany fa ny olona rehetra izay nihaona tamin'i Lotera dia afaka mitondra azy any amin'ny manam-pahefana na mamono azy eo no ho eo, izay tsy noheverina ho heloka. Noho izany dia nijanona tany ivelan'ny fiaraha-monina foana izy. Izany no nahatonga azy niafina tao amin'ny Lapan'i Wartburg nandritra ny volana maromaro, mba hampangina kokoa ny toe-draharaha – izany no nantenain'ilay Andrianjaka Frederick nanohana azy.

Teo ankavanan'ny tabilao nisy ny Alitaran'ny Fanavaozana, dia nisy fanehoana famelan-keloka. Hitantsika i Johannes Bugenhagen, izay naman'i Luther sady pasitora nandimby azy tao amin'ny fiangonana tany Wittenberg, ary mpanao fanavaozana tany Allemagne Avaratra, Pomerania ary Danemark, mandohalika eo anoloan'ny polipitra. Mandohalika eo anatrehan'Andriamanitra sy ny mpivory iray manontolo ilay pasitora, miaraka amin'ny olona iray izay manondrika ny lohany amim-panetrentena. Ilay sehatra dia toa maneho olona mibebaka, milaza hoe: "Miantrà ahy Jehovah oh! Izaho izay mpanota." Avy eo ilay pasitora dia manome toky ilay olona ny amin'ny hamelàna ny helony, tahaka ny voalaza ao amin'ny Isaia 43:25: "Izaho dia Izaho no mamono ny fahadisoanao noho ny amin'ny tenako, ary tsy hotsaroako ny fahotanao." Kanefa misy zavatra hafa hita ihany koa eo amin'ny sary: i Bugenhagen pasitora, mitazona fanalahidy eo ambonin'ny lohan'ilay mpanota izay mibebaka noho ny fahotany.

Izany no mariky "ny herin'ny fanalahidy" tamin'ny Vanim-Potoana Antenantenany, izay nomena an'i Petera. Araka ny voalaza ao amin'ny Mat. 16:19, dia heverina fa mitondra famelan-keloka izany fanalahidy izany, ary ny fidirana ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra izay nomena an'i Petera sy ny Papa, ka izy ireo ihany no manana ny fahefana.

Tsy nanana fahefana tao amin'ny fiangonana Protestanta vaovao kosa anefa ny Papa. Hitantsika eto fa ireo no handray famelana noho ny heloka vitany, izay mangataka famelankeloka amin'Andriamanitra miaraka amin'ny fo feno fibebahana. Misy fahasamihafana amin'ilay lehilahy toa manana ny maha-izy azy, hita eo amin'ny sisiny ankavanana amin'ny sary. Ilay endrika maneho tsy fifaliana eo amin'ny tavany miaraka amin'ny volomasony misarika maso aok'izany sy ny masony mainty be, dia maneho mazava fa tsy manana nenina izany lehilahy izany, ary tsy misy dikany aminy ihany koa ny famelan-keloka. Izany no nahatonga azy nihataka tamin'ny alitara, nanalavitra ny mpivory. Tsy handray famelan-keloka izy. Hanaraka azy eny foana ny vesatry ny fanamelohana.

Nanazava izany fahasamihafana izany tamin'ny loko ihany koa ilay mpanao hosodoko. Ny loko mavo dia natokana ho an'i Jodasy – toy izany ihany koa no nanehoan'i Cranach azy an-tsary hosodoko teo afovoan'ny sehatra teo amin'ny tabilao – lokon'ny heretika sy ny fahotana. Manao atin'akanjo mavo ihany koa ilay lehilahy manana ny maha-izy azy eto, miaraka amin'ny kentrona mainty eo amin'ny handriny. Hita fa feno ota ao anatin'izany lehilahy izany. Tsy mahatsapa ny fifaliana sy ny fahafahana azo avy amin'ny famelan-keloka izy. Ary nony farany dia nandao ilay fiangonana izay afaka nanampy azy hanao fiaingana vaovao izy.

## Ny Fomba Niainan'i Martin Luther ny Famelan-Keloka

Ny resaka famelan-keloka sy ny fahamelohana no fanontaniana ivon'ny Fanavaozana. Izany no olana nitaona an'i Martin Luther ho amin'ilay fomba fijery fototra ivon'ny Fanavaozana, ary tsy nihena mihitsy ny lanjan'izany resaka izany taona maro taty aoriana. Kanefa rehefa nahita isika hoe fahafahana manao ahoana ny fahafantarana fa namela ny helotsika Jesosy, dia tsy midika izany fa hitohy hanota foana isika amin'ny ho avy. Izany no nilazan'ny Apostoly ao amin'ny Rom. 6:12-15 manao hoe: "Koa aza avela ny ota hanjaka amin'ny tenanareo mety maty ny amin'ny ota, fa velona ho an'Andrimanitra ao amin'i Kristy Jesosy. Koa aza avela ny ota hanjaka amin'ny tenanareo mety maty hanarahanareo ny filàny; ary aza manolotra ny momba ny tenanareo ho amin'ny ota ho fiadian'ny tsi-fahamarinana; fa atolory ny tenanareo ho an'Andriamanitra, toy ny efa maty nefa velona, ary ny momba ny tenanareo ho fiadian'ny fahamarinana ho an'Andriamanitra. Fa ny ota tsy hanan-kery aminareo; fa tsy mba ambanin'ny lalàna hianareo, fa ambanin'ny fahasoavana. Ahoana ary? Hanota va isika, saingy tsy ambanin'ny lalàna, fa ambanin'ny fahasoavana? Sanatria izany!"

Fantatr'i Lotera fa miady amin'ny fakam-panahy isika isan'andro. Ary na dia niaina niaraka tamin'i Jesosy nandritra ny taona maro aza isika, dia tsy hisy afaka hiteny mihitsy eto ankehitriny fa tsy nisy fiantraikany teo amin'ny fiainany ny fahotana. Indrisy anefa fa mbola tsy maty ny devoly, na dia efa niara-niaina tamin'i Jesosy nandritry ny taona maro aza isika ary mitoetra ao anatin'ny faritra iadidiany. Aoka isika hahery hatrany, vakio izay voalazan'i Jaona ao amin'ny I Jao. 2:1-6:

> Anaka (ry mpanota, ry olon-drehetra), izany zavatra izany no soratako aminareo mba tsy hanotanareo. Ary raha misy manota, dia manana Solovava [izay mitalaho ho antsika] ao amin'ny Ray isika, dia Jesosy Kristy, ilay Marina [mahitsy, tokana, mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny fomba rehetra-tanjona, eritreritra, ary asa]; ary Izy [io Jesosy io ihany], no avotra noho ny fahotantsika [sorona mitondra fanafahana izay manakana ny fahatezeran'Andriamanitra tsy hianjera amintsika amin'ny maha-mpanota antsika – ny maha-eto amin'izao tontolo izao antsika, ny fomba fiainantsika]; ary tsy noho ny antsika ihany, fa noho ny an'izao tontolo izao ihany koa [ny fahotan'ny mpino rehetra].
> Ary izao no hahafantarantsika [isan'andro, araka ny fanandramana lalovana] fa mahalala [mahatakatra ny momba Azy ary mifankazatra lalindalina kokoa Aminy] Azy isika, dia ny fitandremana [mifantoka amin'ny foto-pampianarany ary mankato] ny didiny [fampianarany]. Izay manao hoe: Fantatro Izy, nefa tsy mitandrina ny didiny [fampianarany], dia mpandainga ary ny marina [ny tenin'ny avo indrindra] tsy ao anatiny. Fa na iza na iza mitandrina ny teniny, dia tanteraka [feno sy tonga amin'ny fahamatorana] ao aminy marina tokoa ny fitiavana an'Andriamanitr. Izany no ahafantarantsia [ahazoantsika antoka] fa ao aminy isika. Izay milaza fa mitoetra ao aminy izy [izany hoe izay rehetra manaiky azy ho Andriamanitra sy Mpamonjy], dia tsy maintsy [teren'ny sainy ho azy] mandeha toy izay nandehanany koa."

Araka ny hevitr'i Lotera dia zava-dehibe ho an'ny olon-drehetra ny mahatakatra ny maha-zava-dehibe ny fangatahana famelan-keloka amin'Andriamanitra isan'andro. Tamin'ny alalan'ny fanandraman'ny tenany manokana no nahatsapany ny tsy fahatomombanany rehefa miatrika ny fankatoavana sy fahamarinana mifanaraka amin'izay napetrak'Andriamanitra, na ao anatin'ny fahalemena na ao anatin'ny maha-mpanota lalina.

*(Izany no tokony hinoako, hoy i Martin Luther)*

Satria aho teraka tao anatin'ny faharatsiana sy ny fahalemena dia ho sarotra ho ahy ny

hanatanteraka ny fahitsiana sy ny fahamarinana izay takian'Andriamanitra.

Raha tsy avela hino ny famelan-keloka ataon'Andriamanitra aho tamin'ny nanolorany an'i Kristy, dia ho zava-poana ny fanantenako.

Tokony ho diso fanantenana aho. Kanefa tsy navelako nanjaka tao amiko izany. Tsy hanao toy izay nataon'i Jodasy aho ka hanantona ny tenako amin'ny hazo. Hafatotro amin'ny vozona na amin'ny tongotr'i Kristy ny tenako, tahaka ny nataon'ilay vehivavy janga. Ary na dia ratsy noho izy aza aho dia hifikatra mafy eo amin'ny Tompoko.

Dia hoy Izy tamin'ny Rainy: "Esory amiko ity enta-mavesatra ity. Tena marina tokoa fa tsy nitandrina na dia iray aza izy ary nandika ny didinao rehetra, kanefa Ray o! Nifikitra tamiko izy. Koa maninona moa! Maty ho azy Aho. Avelao ho afaka izy."."

Izany no hinoako.

Na dia mangirifiry aza ny fahafantarana fa tsy mahavita na inona na inona famendrehana ho an'ny tenantsika isika raha tsy eo ny fanatrehan'Andriamanitra, dia misy zavatra iray izay mbola mitoetra foana: fahatokiana an'i Jesosy. Satria maty izy, dia afaka ny hitaky ny sorona nataony ho antsika isika. Tsy misy zava-dehibe eo imason'Andriamnitra afatsy ny fahatokiana irery ihany (sola fide). Na dia tao aorian'ny taona marobe nisian'ny mpitarika iray tena nanana ny maha-izy azy ara-panavaozana aza, tamin'ny taonjato faha-16, dia niaiky i Martin Luther fa samy zava-poana teo imason'Andriamanitra avokoa na ny fahalalany, na ny fanandramany, na ny fahasahiany nijoro tao amin'ny Diet of Worms, na ireo taona maro nampianarany tao amin'ny Oniversite.

## Ny Fomba Iainantsika Tsy Misy Fahamelohana

Efa voajanahary amintsika ny miresaka ireo zavatra tsara vitantsika; misy ireo sasany amintsika izay tena havanana amin'izany mihitsy, tsy maninona anefa izany. Misy ihany koa olona hafa izay mahavita zavatra mihoatra noho ny an'ny olona rehetra. Tsara vintana izy ireo nahazo asa ahazoana karama tsara, ka miaina fiainana tsy misy tebiteby avy eo. Raha mba tsotra toy izany moa ny fiainana! Na dia eo ary ireo antoka maro samy hafa, ny vola tsy afaka hividy fiainan-tsambatra mihitsy, ary tsy misy orinasa fiantohana manana politikam-piantohana ho an'izany ihany koa. Inona àry izany azontsika atao?

Tahaka izay mitranga rehefa tonga eo amin'ny sehatry ny fitiavana, ny hany azontsika atao amim-pinoana dia ny fahatokiana irery ihany. Mila fahasahiana be ny fiaikena ny

fahamelohantsika sy ny ratsy vitantsika. Aleontsika mihitsy aza mamadika pejy indraindray. Efa havanana mihitsy isika amin'ny famoronana fialantsiny sy lainga! Marina fa ny olona hafa foana no diso fa tsy isika! Tena sarotra be amintsika ny milaza hoe: 'Noho ny amiko izany, fa tsy ny hafa! Tsy misy ny hoe raha, sy, na hoe kanefa!' Tsy resahana ny faniriana hanefa ny trosan'ny ratsy nataontsika raha mety. Izany no zavatra sarotra atao indrindra, kanefa anisan'ny fanandramana tsara indrindra amin'ny maha-mpianatr'i Jesosy.

I Davida Mpanjaka dia niaina izany tao amin'ny Testamenta Taloha. Resahany ao amin'ny Sal. 32 izany. Tokony averina vakiana hatrany io Salamo io, satria toa maneho ny fiainako manokana. "Ny fahotako nambarako taminao, ary ny heloko tsy mba nafeniko. Hoy izaho: hiaiky ny fahadisoako amin'i Jehovah aho; ary Hianao dia namela ny heloky ny fahotako." (Sal. 32:5). Afaka ihany aho, tsy misy zavatra manavesatra ahy intsony! Lasa avokoa ny faharatsiako rehetra. Zavatra iray sisa no tokony hataontsika - mifaly! Ary hifaly miaraka amin'izay nanandrana izany ny lanitra iray manontolo.

### Ny Lovantsika

Tena misy ny fahatsiarovan-tena ho meloka. Tokony ho saronana amin'ny fahatsapana ny fanafahan'i Jesosy izany. Marina fa voajanahary ny fahatsapan-tena ho diso. Miaraka amin'izany ny tena fanoloran-tena marina sy ny nenin'ny fo. Ambaran'i Ellen White fa nalain'i Jesosy ny faharatsiantsika,"Teo amin'i Kristy no napetraka ny fahadisoantsika rehetra amin'ny maha-mpisolo toerana antsika sy antoka ho antsika Azy. Nisaina ho anisan'ny mpanao meloka Izy mba hahazoany manavotra antsika avy amin'ny fanamelohan'ny lalàna. Nitambesatra teo amin'ny fony ny fahadisoan'ny taranak'i Adama tsirairay... Nefa ankehitriny, noho ny vesatra mahatsiravin'ny heloka nentiny, dia tsy afaka mahita ny tavan'ny Ray mitory fampihavanana Izy. Ny fialan'ny tavan'Andriamanitra tsy ho hitan'ny Mpamonjy tamin'ity fotoana nampitebiteby Azy mafy indrindra ity, dia nanindrona ny fony tamin'ny alahelo izay tsy ho takatry ny olona na oviana na oviana amin'ny fomba feno. Mafy loatra io ady mihatra aman'aina niaretany io ka saika tsy reny ny fanaintainany ara-nofo."(White, Ilay Fitiavana Mandresy, t. 811-812).1 Ny fahafantarana tsara ny asan'i Jesosy tao amin'ny Fitoerana Masina indrindra dia hanampy antsika hahatsapa sy hahita ny halalin'ny fitiavan'i Kristy.

> "Misy toerana fanaovana fisoronana any an-danitra, ilay tena tabernakely namboarin'Andriamanitra fa tsy olombelona. I Kristy dia miasa ho antsika ao anatin'izany toerana izany, manome toky ny mpino izy ny amin'ny tombotsoan'ny sorona nataony ho an'ny olona rehetra teo amin'ny hazo fijaliana. Rehefa niakatra Izy dia tonga Mpisoronabentsika, ary nanomboka ny asa fanompoany amin'ny maha-

mpanelanelana, izay naseho tamin'ny alalan’ny asan'ilay mpisoronabe tao amin'ny Fitoerana Masina tety an-tany. Tamin'ny 1844, tamin'ny fiafaran'ny faminaniana momba ny 2.300 andro, no nidirany tamin'ny dingana faharoa sady farany amin'ny asany fanavotana nataony, izay naseho tamin’ny asan'ny mpisoronabe tao amin'ny efitra Masina indrindra tety an-tany. Fitsarana famotopotorana izany, izay anisan'ny famafana ny ota rehetra, naseho tamin'ny fanadiovana ny tabernakely tamin'ny andron'ny Hebreo, nandritra ny Andro Fanavotana. Nodiovina tamin’ny alalan’ny rambiby natao sorona ny tabernakely tamin’izany fisoronana manokana izany, kanefa ny tabernakelin'ny lanitra dia nodiovin'ny sorona tonga lafatra dia ny ran'i Jesosy. Ny fitsaràna famotopotorana dia maneho amin’ny lanitra hoe iza no maty ao amin'i Kristy, ka mendrika ny handray ny fitsanganana voalohany. Maneho ihany koa izany hoe iza amin’ny velona no mitoetra ao amin'i Kristy, mitandrina ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy, ary mitoetra ao Aminy, ka vonona ny handray ilay fanovana lehibe ho amin'ny fanjakany. Ity fitsaràna ity dia maneho ny fitsaràn'Andriamanitra amin'ny famonjena izay mino an’i Jesosy. Milaza izy io fa ireo izay nitoetra ho mpankato an’Andriamanitra no hiditra ao amin'ny fanjakany. Ny fahafenoan'izany asa fanompoan'i Kristy izany dia hanamarika ny fiafaran'ny fahasoavana ho an’olombelona mialohan’ny Fihaviany Fanindroany. (Lev. 16; Nom. 14:34; Ezek. 4:6; Dan. 7:9-27; 8:13, 14; 9:24-27; Heb. 1:3; 2:16, 17; 4:14-16; 8:1-5; 9:11-28; 10:19- 22; Apok. 8:3-5; 11:19; 14:6, 7; 20:12; 14:12; 22:11, 12.)”[2]

### Antso

Mahatoky sy marina ny Tompo ary hanadio antsika ho afaka amin’ny tsy fahamarinana rehetra. Tsy misy zavatra ratsy loatra na lehibe loatra hoan’ny fahasoavan’Andriamanitra . Maharakotra antsika rehetra ny fitiavana sy ny fahasoavan’Andriamanitra. Manantona ny Tompo amin’ny fo torotoro. Hanafaka anao izy fa mora ny ziogany sady maivana ny entany.

Tianao ve ny hamelan’Andriamanitra ny helokao amin’izao fotoana izao?

## Fanontaniana Ifanakalozan-kevitra

(Mpitarika: Raha maro loatra ny fanontaniana kanefa tsy ampy ny fotoana natokana ho an’izany dia fidio ireo fanontaniana izay tena andraisan’ny tarika misy anao tombotsoa be be kokoa.)

Ny fahatahorana ny afobe sy ny fahatezeran'Andriamanitra no hery nanosika an’i Lotera, ary nahatsiaro izy fa ny fiainana ao amin'ny monastera no hanampy azy hahita famonjena.

1. Hifanakalozy hevitra ny mety ho fiantraikan'ny fahatahorana ny afobe amin'ny fifandraisanao amin'Andriamanitra.
2. Hifanakalozy hevitra ny I Jao. 3:7-9

Anaka, aza avela hisy hamitaka anareo: izay manao ny marina no marina; eny, marina tahaka Azy. Izay manota dia avy amin'ny devoly, satria ny devoly manota hatramin'ny voalohany. Izao no nisehoan'ny Zanak'Andriamanitra, dia ny handrava ny asan'nyn devoly. Izay rehetra naterak'Andriamanitra no tsy manota, satria ny voany mitoetra ao aanatiny, ary tsy mahay manota izy, satria naterak'Andriamanitra.

## Fanontanina ho an'ny tenanao manokana

Vakio ny I Jao. 3:6: "Izay rehetra mitoetra ao aminy dia tsy manota; izay rehetra manota dia tsy nahita na nahalala Azy". Inona no hevitr'izany teny izany aminao?

## Ny teny fikasan'Andriamanitra ho anao

"...Satria raha manaiky an'i Jesosy ho Tompo amin'ny vavanao hianao ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin'ny maty, dia hovonjena hianao". (Rom. 10:9).

---

[1] White, E. G. (1940). Ilay Fitiavana Mandresy. Mountain View, CA, Portland, OR: Pacific Press Pub. Association, 753.

[2] General Conference of Seventh-day Adventists*, Seventh-day Adventist Church 28 Fundamental Beliefs (Abridged Version)* (Silver Spring, MD: General Conference of Seventh-day Adventists, 2013. Retrieved from http://www.adventist.org/en/beliefs.

# ANDRO 7
# NY BATISA—FANEKENA VAOVAO MIARAKA AMIN'I JESOSY




## Olon-tsotra fotsiny, sa zanaky ny Mpanjaka?

Te haneho avokoa isika fa manana ny toerantsika eo amin'ny fiarahamonina misy antsika. Raha tsy manana ny ananan'ny hafa ianao dia mety ahatsapa hoe toy ny tsinontsinona ianao. Ary rehefa tsy manana namana maro ao amin'ireo tambazotra sosialy, dia maro no hilaza fa tsy mahara-damaody ianao. Ireo izay te haneho fa manana ny toerany eo amin'ny fiarahamonina dia matetika tratran'ny faneren'ny namana, na tiany na tsy tiany izany. Tsy maintsy manao "tiako" an'izay nataon'ny namanao "tiako" ianao mba ahafahan'ny olona rehetra mahita fa olona mahafinaritra ianao. Fantantsika rehetra fa ny trondro matanjaka dia milomano manohitra ny fikorinan'ny rano, kanefa tena sarotra tokoa ny manao izany. Raha te hanana ny toeranao ianao dia tsy maintsy manaraka ny vahoaka. Indraindray dia lasa sarotra ny mizara ampahibe maso ny finoanao an'I Jesosy. Mety hihevitra ny sasany hoe : raharahan'ny tenako manokana izany ary tsy miditra amin'ny fahitan'ny olona ahy ety ivelany. Mety ho sarotra ihany koa ny milaza amin'ny olona ao anaty resaka fa mivavaka ianao rehefa Sabotsy. Noho izany dia mety ho sarotra tokoa ny mahita ny toerana tokony hisy anao. Amin'ny ilany dia misy ilay vondron'olona izay tianao hisy anao ary eo an-kilany dia misy ny fiangonana.

## Tontolon-kevitra ara-tantara sy ny fanazavana ny hoso-doko

Tany Eropa, tamin'ny faramparan'ny Vanim-potoana Antenatenany, dia amin'ny alalan'ny batisa no ahafahanao ho isan'ny fiarahamonina. Tsy manan-jò ianao raha toa ka tsy vita batisa. Ny olona tsy vita batisa toa izany—tahaka ny Jiosy ohatra—dia tsy maintsy nitoby tany ivelan'ny mandan'ny tanana. Tany amin'ireny toerana ireny no nanaovana ireo raharaha izay manahirana ny hafa tokoa—ohatra ny fanamainana ny hoditry ny biby, izay tena namofona tokoa. Kanefa ny tena mampalahelo dia tsy manana ny tombotsoan'ireo izay mipetraka ao antanana ireto olona monina ety ivelany ireto ary amin'ny toe-javatra manokana ihany izy ireo vao afaka mitady fiarovana ao anatin'ny manda. Raisina ho toy ny mponina ara-dalàna ianao raha toa ka natao batisa vao teraka, ary nomena anarana Kristianina araka ny kalendrien'ny olo-masina.

Noheverina fa manome fiarovana manokana amin'ny ratsy rehetra ny batisa. Kanefa tsy hoe maharitra mandrakizay izany. Raha toa ka niteny ratsy an'Andriamanitra ianao, na nilaza hevitra mifanohitra amin'ny finoan'ny besinimaro, dia mety ho voaroakan'ny fiangonana, na tsy mahazo alalana handray ny fanasan'ny Tompo intsony, ary tsy mahazo milevina ao amin'ny tany masina, izay toerana fandevenana eo akaikin'ny fiangonana izany. Raha toa ka tsy ao ianao no milevina dia fanasaziana mandrakizay izany no miandry anao. Noho izany dia nanana fitaovam-pahefana mahery tokoa ny fiangonana, ary dia nampiasainy matetika izany. Ohatra, ny olona izay manakiana ny fitondran-tena tsy kristianin'ireo Papa dia mety ho voaheloka ho heretika. Avy eo dia voaroaka miala amin'ny Fiangonana sy miala amin'ny fiainana mandrakizay. Izany no mahatonga ny batisa sy ny fankatoavana ny fiangonana ho tena manandanja tokoa tamin'izany.

Misy hoso-dokon'ny batisa eo amin'ny ilany ankavian'ny Alitaran'ny Fanavaozana. Angamba mety ho batisa tao amin'ny fiangonana tao Wittenberg, izay toerana nitorian'I Lotera teny ary taty aoriana dia nasiana an'ity Alitaran'ny Fanavaozana ity. Fanta-daza tokoa ilay olona manao batisa an'ilay zazakely ity. Philipp Melanchthon izany, namana akaiky indrindran'I Lotera sy mpiara-miasa aminy. Tsy pretra voahosotra izy fa mampianatra an'ireo teny fampiasa tamin'ny andron'ny Baiboly ao amin'ny Oniversiten'I Wittenberg fotsiny. Ny fanaovany batisa dia maneho tokoa fa tena zava-dehibe tamin'i Lotera tokoa ilay hevitra fa mitovy avokoa ny olon-drehera eo anatrehan'Andriamanitra. Teo amin'ny ankaviany dia misy an'ilay mpanao hoso-doko, I Lukas Cranach, iray tamin'ireo mpanan-karena indrindra sy manam-pahefana indrindra tao Wittenberg. Mitazona lamba famaohana izy hanamainana an'ilay zaza vao teraka. Teo ankavanan'I Melanchthon dia mahita mambran'ny fiangonana iray hafa isika mitazona Baiboly misokatra. Mety azo eritreretina hoe Lotera mihitsy io. Izany

rehetra izany dia miseho ao amin'ny tontolon-kevitry ny fiangonana. Ao no toerana ahitana ny Tenin'Andriamanitra. Ary ny Tenin'Andriamanitra no manome ny heviny ny batisa. Fahefana avy aiza moa no hanaovan'I Melanchthon, izay tsy pasitora akory, batisa? Tsy avy amin'ny fahefan'ny fiangonana mitady ny haneho ny heriny izany, fa avy amin'ny fahefan'Andriamanitra irery ihany, sy ilay iraka niantsoany antsika, izay nomena antsika ao amin'ny Soratra Masina.

Kanefa misy fanontaniana tokony hovaliana. Azontsika vakiana ireo fepetra takiana ho amin'ny batisa ao amin'ny Marka 16:16, "Izay mino sy atao batisa no hovonjena." Noho izany, milaza ny Baiboly fa ilaina amin'ny batisa ny finoana. Moa ve fomba fijery hafa no nahitan'I Lotera ny batisa?

## Ny fomba nahazoan'I Lotera ny batisa

Ny nofinofiny dia fiangonana misy mambra an-tsitra-po ka ny rehetra dia nahatsapa avokoa ny dikan'ny Filazantsara ao amin'ny fiainan'izy ireo tsirairay avy. Noho izany, ankoatran'ilay fotoam-pivavahana mahazatra miaraka amin'ny fiangonana iray manontolo sy ireo toriteny fanampiny amin'ny teny Latina ho an'ireo manam-pahaizana sy ho fanazarana an'ireo mpianatra, dia nanoso-kevitra izy ny hisian'ny "fotoam-pivavahana fahatelo", fomba litorjika fahatelo ho an'ny fivavahana. Ny heviny dia sahala amin'ny vondrom-pianarana Baiboly any an-tokantrano:

> Ireo izay maniry ny ho Kristianina tokoa, ary vonona ny hanaiky ny Filazantsara amin'ny tanana sy amin'ny vava, dia tokony hanoratra anarana sy hivory ao amin'ny tokantrano iray mba hivavaka, hamaky, hanao batisa ary handray ny sakramenta sy hanao ireo asa Kristianina hafa. Amin'izany, ireo izay manana fitondran-tena tsy mendrika ny Kristianina dia afaka fantarina, hanarina, havaozina, horoahina na hesorina aminy ny tombotsoan'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo, araka ny lalàn'I Kristy ao amin'ny Matio. 18. Hisy ihany koa fanangonana fanomezana izay homena an-tsitrapo sy ho zaraina amin'ireo mahantra araka ny ohatra nomen'I Masin-dahy Paoly ao amin'ny 2 Kor 9. Eto dia tsy hilaina ny fihirana kanto. Eto dia azontsika atao ny manao batisa sy sakramenta amin'ny fomba tsotra sy fohy : ary ny zava-drehetra dia maneho ny Teny, maneho fivavahana sy fitiavana. Eto dia azontsika atao ny manao Katesizy fohy momba ny foto-pinoana, ny Didy Folo, ary ny Vavaka nampianarin'ny Tompo. Raha lazaina amin'ny fomba tsotra, raha toa ka manana olona izay maniry tokoa ny ho Kristianina isika, dia hipoitra miandalana eny ny fisehony sy ny firindrany. [1, 2]

Ny tian'I Lotera dia ny hanana fiangonana ka ny olona tsirairay ao anatin'izany dia hiaina ny

finoany amin'ny fony manontolo sy hanompo ny hafa ao am-piangonana sy ao amin'ny fiarahamonina. Fiangonana izay an-tsitrapo no hisafidiananao ny ho anisan'izany sy hiditra amin'izany amin'ny alàlan'ny fanekem-pinoana. Tena mety ho fiangonana mahafinaritra tokoa izany. Kanefa tsy tanteraka ny nofin'I Lotera. Tsy nahatafatsangana fiangonanan'olona nanolotena izy. Noho izany, dia niantehatra tamin'ny fanampian'ny fanjakana izy mba hanorenana ny Fiangonana Evanjelika vaovao. Anisan'ny zava-drehetra, dia midika izany fa ny zaza vao teraka rehetra dia hatao batisa ary ho mambran'ny fiangonana. Kanefa satria tsy mbola afaka mino ny zazakely, ny hevitr'I Lotera mandritra ny batisa dia mila manao fanekena ireo ray aman-dreny mitaiza fa hanampy hitaiza an'ilay zaza ao amin'ny finoana Kristianina. Aty aoriana rehefa lasa tanora ilay zaza, dia hilaza ampahibemaso izy fa zanak'Andriamanitra mandritra ny Konfirmasiona.

*Aiza izany ny fahalalahana hisafidy sy ny fanapaha-kevitrin'ny tena manokana ao anatin'izany?*

Raha izany lafiny izany no resahana dia tsy mbola nitoetra ho tsy tamin'ny fo manontolo ny Fanavaozana Protestanta ary niankina tamin'ny fahefan'ny fanjakana.. Fotoana fohy taty aoriana dia sahirana tokoa, eny voahenjik'ireo Protestanta mihitsy aza ireo kristiana izay nino tamin'ny fomba hafa mahakasika ireo fampianarana. Noho izany dia tsy tokony ho hadinontsika na oviana na oviana ireo lehilahy sy vehivavy izay niezaka ny hiaina an'io fomba fahazoana ny batisa sy ny maha mambra an-tsitrapo io ka dia ny aina no very tamin'izany. Tao anatin'ny Fanavaozana izany, kanefa dia hadino fotsiny.

## Ny ohatrin'ny fihetsehana Anabatista

Ankoatran'I Wittenberg tany Saxony, dia nisy foibe faharoan'ny Fanavaozana Protestanta tany "Suisse", notarihin'I Huldrych Zwingli tao Zurich. Tamin'ireo namany dia nisy ihany koa ireo fianakaviana izay te hanaraka ny ohatra ara-baibolin'ny batisa sy ny finoana fototra na inona na inona mety hanjo azy ireo, ary izy ireo dia tsy nanaiky ny hanaovana batisa ny zazakely. Nisaraka izy ireo rehefa nisy fifandirana teo imason'ny olona rehetra. Ny vondrona iray, izay nanaraka an'I Konrad Grebel, Felix Manz, sy Jörg Blaurock, dia niafina ary nanao ny batisa voalohany miaraka amin'ny fanekem-pinoana tamin'ny Janoary 21, 1525. Izany dia nahatezitra ireo filoha protestanta tao Zurich ary manam-pahefana hafa koa. Ireo nantsoina hoe Anabatista dia tsy hoe hanao ny batisan'ny mpino fotsiny fa azon'izy ireo ihany koa fa arakin'ny Baiboly, ny fiangonana dia firaisan'ny mpirahalahy ary dia niezaka ny hampihatra izany ara-bakiteny arak'izay azony natao izany. Nangataka zavatra maro izy ireo ary anisan'izany ny fahalalahana ara-pivavahana, ao anatin'izany ny fisarahan'ny fiangonana sy ny fanjakana, ary dia niezaka ny hampihatra ny fiombonam-pananana izy ireo, tsy nampihatra herisetra, ary niezaka ny

hisaraka amin'izao tontolo izao sy ny faharatsiana rehetra. Tao anatin'ny latsakin'ny dimy taona dia voahenjika mafin'ireo fahefana teo an-toerana sy avy amin'ny emperora, ary avy amin'ny fiangonana Protestanta hafa sy avy amin'ny Fiangonana Katolika Romana, ny hetsika Anabatista. Tamin'ny Fivoriana Fanaovan-dalàna tao Spreyer tamin'ny 1529, dia nanao fanekena ireo andriana ( na ny Protestanta na ny Katolika) fa hamono ho faty an'ireo rehetra izay mampihatra ny batisan'ny mpino. Nanaiky an'io fanekena hamonoana azy ireo ihany koa I Martin Luther, na dia ny hiaina ho zanak'Andriamanitra marina sy zanakin'ny Mpanjaka ihany aza no tian'ireo Anabatista hatao.

## Efa zanakin'ny Mpanjaka ve ianao?

> "Amin'ny batisa dia maneho ampahibe maso ny finoantsika ny fahafatesana sy ny fitsanganan'I Kristy tamin'ny maty isika, ary manamarina ny fahafatesantsika tamin'ny fahotana sy ny fahavononantsika ny handeha amin'ny fiainam-baovao. Noho izany dia manaiky an'I Kristy ho Tompo sy Mpamonjy isika, lasa olony, ary voaray ho mambra ao amin'ny fiangonany. Ny Batisa dia fanehoana ny firaisantsika amin'I Kristy, ny famelana ny helontsika ary ny fandraisantsika ny Fanahy Masina. Avy amin'ny fisitrihana ao anaty rano izany, ary iombonantsika amin'ny fanekena ny finoana an'I Jesosy sy ny fibebahana amin'ny fahotana. Manaraka ny toro-marikin'ny Soratra Masina izany sy ny fanekena ny fampianarany. (Mat. 28:19, 20; Asa 2:38; 16:30-33; 22:16; Rom. 6:1-6; Gal. 3:27; Col. 2:12, 13.)" (Seventh-day Adventists Believe…, p. 211)[3]

> "3 Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakan'Andriamanitra.'" (Jao 3:3, NKJV)

Ny Batisa dia fanehoana ivelany fa nanaiky an'I Jesosy ho Mpamonjiny ilay olona, manambara ny finoany vaovao an'I Kristy, mahatoky ny famelan-kelony, ary hatao batisa izy. Na inona na inona mety vitanao tamin'ny fiainanao ary ny zava-drehetra izay mety nisintona anao hiala tamin'Andriamanitra dia efa lasa izany ankehitriny. Ny Baiboly dia milaza fa ny batisa dia fotoana hanandramantsika ny fahafatesana sy ny fitsanganan'I Jesosy tamin'ny maty. Maty tamin'ny fiainanao teo aloha amin'ny maha olona mpanota anao ianao ary mitsangana amin'ny fomba fiainana vaovao amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina. Manomboka fiainana vaovao ianao ankehitriny, ny fiainan'ny Fanjakana, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, izay hitoetra ao anatinao ankehitriny hanova anao, hanofana anao ho amin'ny fanompoana ary hitoetra ao aminao ho mpanolo-tsaina anao mandrakariva. Ankehitriny dia tianao ho an'I Jesosy ny fiainanao manontolo.

Ny batisa dia tahaka ny fanambadiana mahafinaritra mamatotra anao sy ny sakaiza izay efa nonofisinofisinao, satria rehefa manao fanekem-pinoana ianao dia atao batisa amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina ianao. Manambara ilay Mpanjakan'izao rehetra izao fa zanany ianao ary mpandova Azy. Sarotra no mieritreritra an'izany. Kanefa amin'ny fotoana hanasitrihana ao anaty rano (ny Baiboly dia milaza fa fasana rano izany), dia olona vaovao no mitsangana avy ao anatin'io rano io: zanaka mpanjaka ianao ankehitriny, mijoro ao aorinanao ilay Mpanjakan'izao rehetra izao, ary mikarakara anao manokana izy, ka tsy hamela anao na oviana na oviana. Natao ho anao ny teny fampanantenany rehetra, tsy misy ankanavaka. Manomboka ankehitriny dia ho fantatrao: Tsy ho irery intsony aho. Tsy mila matahotra intsony aho. Afaka miankina amin'ny Mpanjaka aho—mandrakizay. Tombontsoa lehibe tokoa izany, ka maninona ary raha tsy maka izany tombontsoa izany ka misafidy ny hatao batisa sy ny ho zanakin'ny Mpanjaka!

## Ny Lovantsika

> "Amin'ny batisa dia maneho ampahibe maso ny finoantsika ny fahafatesana sy ny fitsanganan'I Kristy tamin'ny maty isika, ary manamarina ny fahafatesantsika tamin'ny fahotana sy ny fahavononantsika ny handeha amin'ny fiainam-baovao. Noho izany dia manaiky an'I Kristy ho Tompo sy Mpamonjy isika, lasa olony, ary voaray ho mambra ao amin'ny fiangonany. Ny Batisa dia fanehoana ny firaisantsika amin'I Kristy, ny famelana ny helontsika ary ny fandraisantsika ny Fanahy Masina. Avy amin'ny fisitrihana ao anaty rano izany, ary iombonantsika amin'ny fanekena ny finoana an'I Jesosy sy ny fibebahana amin'ny fahotana. Manaraka ny toro-marikin'ny Soratra Masina izany sy ny fanekena ny fampianarany.. (Matt. 28:19, 20; Asa 2:38; 16:30-33; 22:16; Rom. 6:1-6; Gal. 3:27; Kol. 2:12, 13.)"[4]

## Antso

Reraka ve ianao? Very fanantenana ve ianao? Mahatsiaro tena ho very ve ianao? Te hanana fiainam-baovao ao amin'I Kristy ve ianao? Te hianatra bebe kokoa momba ny fahasoavana mamonjin'ny Tompo ve ianao? Te hibebeka ve ianao? Mino an'I Jesosy ve ianao?

Tsy mila tanteraka ianao vao afaka manaiky an'I Jesosy ao amin'ny fiainanao. Tsy misy dikany ny zavatra izay eritreretin'ny olona momba anao. Ity no andro natao ho anao.. Raha toa ka misafidy ny handray an'I Jesosy ho Tompon'ny tenanao manokana sy Mpamonjy ianao, dia atsangano ny tananao, te hivavaka ho anao aho.)

## Fanontaniana hiadian-kevitra:

(Ry Mpitarika: Raha toa ka be loatra ho an'ny fotoana ananana ireo fanontaniana, dia safidio ireo fanontanianao izay hitondra soa be kokoa ho an'ny tarikao)

1. Oviana ianao no misafidy ny ho zanak'Andriamanitra, amin'ny batisa sa amin'ny fotoana hanekenao an'I Kristy ao amin'ny fiainanao?
2. Vakio ary resadresaho ny Jaona 3:3

## Ny teny fampanantenan'Andriamanitra ho anao

"Aoka hohazonintsika mafy ny fanekena ny fanantenana mba tsy hihozongozonany (fa mahatoky Ilay efa nanao ny teny fikasana)" (Hebreo 10:23).

"Aoka tsy ho amin'ny fitiavam-bola ny toe-tsainareo, fa mianina amin'izay anananareo; fa hoy Izy: "IZAHO TSY HANDAO ANAO MIHITSY NA HAHAFOY ANAO AKORY" (Hebreo 13:5).

---

[1]Kidd, B. J. (1911). *Documents illustrative of the Continental Reformation.* Oxford: Clarendon Press, 193-202.

[2] Luther, M. (1854). Deutsche Messe und Ordnung des Gottesdienstes 1526. Frankfurt a.M. u.a.: Heyder u. Zimmer. Nalaina avy tamin'ny http://history.hanover.edu/texts/luthserv.html

[3] Seventh-day Adventists believe: A Biblical exposition of fundamental doctrines. (2005). Silver Spring, MD: Ministerial Association, General Conference of Seventh-day Adventists, 211.

[4]General Conference of Seventh-day Adventists, Seventh-day Adventist Church 28 Fundamental Beliefs(Abridged Version) (Silver Spring, MD: General Conference of Seventh-day Adventists, 2013. Nalaina avy tamin'ny http://www.adventist.org/en/beliefs

# ANDRO 8
# HOAVY INDRAY KRISTY HITONDRA FAMONJENA SY FITSARANA



## Mety tena mahafinaritra ny fiandrasana!

Tsaroanao ve toy inona izany miandry olona iray lasa akaikin'ny fonao mandritra ny volana na taona maromaro izany? Miverimberina any amin'iny olona iny hatrany ny eritreritrao. Mety nararaotinao izay tombotsoa rehetra nanananao mba iresahana aminy. Mandefa hafatra kely na sary ianao isaky ny manana fahafahana manao izany. Mety hanao antso an-tariby foana ihany koa ianao raha toa ka tsy lafo izany. Mahatonga ny fahatsiarovana ho mafy kokoa anefa izany, raha ny marimarina dia ny fanantenana mahafinaritra fa mbola hihaona indray. Tsy maintsy nanao izay rehetra afaka nataonao ianao hiomanana amin'ny fotoan'ny fihaonana ary mba hahatonga izany miavaka. Tsy nitsitsitsitsy tamin'ny fampiasam-bola ianao, mety nividy ny voninkazo tsara tarehy indrindra hitanao ianao, sy fanomezana kely manan-danja ianao. Tsy maintsy zavatra fantatrao fa ankasitrahan'ilay olona iray izany mazava ho azy. Rehefa tonga ary ny fotoana hiandrasanao izany olona izany any amin'ny toerana fiantsonan'ny fiaramananidina dia afaka hilaza ny olona hafa fa misy fitiavana be ny fanantenana lehibe eny amin'ny endrikao.

## Tantara fonosin'ilay hosodoko sy ny dikany

Tany feno tahotra ny tany nijoro ho amin'ny Fanavaozana Ara-pivavahana Protestanta. Tsy fantatra mazava tsara ny fiainana, teo amin'ny 40 taona teo ho eo fotsiny ary angamba no mety halavan'ny andro iainan'ny olona. Maro ny ankizy nindaosin'ny fahafatesana mialohan'ny nahalehibe azy. Nihanaka hatrany hatrany ny pesta ary tsy nisy afaka nanazava hoe nahoana. Saika ny olona rehetra no tsy afaka hitsoaka izany sy ny aretina hafa. Tany lonaka ho an'ny finoanoam-poana izany ka maro no nanararaotra ny tahotry ny hafa mba ahazoana tombony. Fanampin'izany ihany koa ny olona maro lasibatry ny ady. Vitsy dia vitsy ny fanampiana atolotry ny fanjakana rehefa sendra misy ilàna fikarakarana maika. Tsy naharesy lahatra tsara intsony ny fomba fijery nahazatra ny tany rehefa lavo teo anatrehan'ny miaramila Silamo Ottoman ny Constantinople, renivohitry ny fanjakana Kristiana Byzantine tamin'ny 1453. Ary nisy tany iray vaovao tazana rehefa hita ny Amerika tamin'ny 1492. Toa nitotongana ny tany ary tsy nazava ny fiainana. Rehefa nanao tombatombana nifototra tamin'ny alalan'ny fipetraky ny andiankintana ( constellation) sy ny kintana i Johannes Stöfflern, mpandinika kintana sy matematisiana Alemanina malaza iray, fa ny 2 febroary 1524 no ho fara andro, dia bestaka ny olona no nino fa miaina amin'ny ora farany izy ireo.

Rehefa nampianatra ny Aogositina rain'ny fiangonana fa efa hita mazava ao amin'ny fiangonana ny Fanjakan'Andriamanitra dia niova hatrany amin'ny fotony mihitsy ny fahazoana ara-Baiboly ny Fiavian'i Kristy Fanindroany. Tsy misy zavatra andrasana intsony satria hitondra ny fitsaran'Andriamanitra fotsiny ny farany. Ary zavatra tokony natahoranao izany. Ka dia feno tahotra ny lafiny rehetra amin'ny fiainana. Tamin'ny alalan'ny fanoherana izany hevitra izany no manomboka ahazoantsika ny nahalasa saina an'i Martin Luther tamin'ny fanontaniana fototra izay nitarika ny Fanavaozana Ara-pivavahana nanao hoe : "Ahoana no ahazoako ny fahasoavan'Andriamanitra?" Nahoana izy no sahiran-tsaina ny amin'ny hoe hanaiky azy Andriamanitra? Ny tahotry ny ho lavin'Andriamanitra amin'ny fotoan'ny fitsarana farany izany. Mifandray akaiky amin'ny hafatra fototry ny Fanavaozana Ara-pivavahana Protestanta ny fanontaniantsika ny amin'ny fahazoan'i Martin Luther ny Fiavian'i Jesosy Fanindroany.

Maneho ny fitsarana farany ihany koa ny Alitaran'ny Fanavaozana Ara-pivavahana. Hita ao ambadiky ny toerana ipetrahan'ny alitara izany. Mahita sary somary manjavozavo sy tsy dia miloko ao isika, maneho ireo vondron'olona roa ho hita amin'ny Fiavian'i Jesosy Fanindroany (Matio 25:31-46). Eo amin'ny ankavia ny voavonjy. Difotry ny rano hatreny amin'ny tendany izy ireo kanefa dia mibanjina ilay menarana asandratra, noho izany dia eny amin'i Jesosy Kristy. Voavonjy izy ireo izany. Eo amin'ny ankavanana no misy ireo izay very. Mbola maneho hafaliana izy ireo, feno hery ary misy zavatra atao. Misy hetsika maro tanterahina kanefa dia tsy

misy dikany sy tanjony ny zavatra rehetra ataon'izy ireo. Raha mijery akaiky ihany koa ianao dia afaka mieritreritra ny ranomaso faran'izy ireo izay efa mananontanona. Very izy ireo. Toa tsapa fa somary gaga tamin'ilay sary ihany koa ilay ny nanao ny hosodoko. Izany no nahatonga ny tsy fisian'ny loko marevaka sy mifangaro. Ireo olona nitovy tamin'i Luther ihany koa dia tsy nankasitraka izany sary izany satria niantefa tany amin'ny tahotr'izy ireo izany. *Ahoana no ahafahanao mahazo antoka fa anisan'ireo voavonjy ianao?*

Raha mandinika akaiky kokoa ianao dia ahita fa feno soratra sy datin'andro izany takelaky ny Alitaran'ny Fanavaozana Ara-pivavahana izany, betsaka kokoa ny eo amin'ny ankavia noho ny eo amin'ny ankavanana. Nanomboka tamin'ny 1555 dia nataon'ireo mpianatra teolojia tao amin'ny oniversite izay ahatsiarovana azy ireo mandrakizay teo taorian'ny fanadinana farany nataon'izy ireo. Afaka nametraka ny tenany teo anivon'ireo izay voavonjy ireo izay nahomby tamin'ny fanadinana ary manoratra ny anarany eo amin'ny sisiny ankavia. Ireo izay tsy nahomby kosa dia hijery toerana ho an'ny anarany eo anivon'ireo izay very ka tsy maintsy hiatrika ny fitsarana farany. Mety hihomehy isika ny amin'izany fomba fanao izany kanefa dia maneho mazava tsara izany fa tsy tafitan'ireo olona nitovy tamin'i Martin Luther sy ireo taranaka tato aoriana tany amin'ny zanany ny fahafantaran'izany mpanavao ara-pivavahana izany ny Fiavian'i Kristy Fanindroany.

## Ny fanantenana mahafinaritr'i Martin Luther ny amin'ny Fiavian'i Kristy Fanindroany

Talohan'ny fahataperan'ny andro niainany i Luther dia nanambara fa natahotra mafy ny andro fitsarana izy tamin'izy tanora. Izany no nampianarin'ny ray aman-dreniny azy, ary tamin'ny ankapobeny dia izany no fandraisan'ny olona izany fotoana izany. Izany no nahatonga azy niahiahy tato aoriana rehefa lasa relijiozy, niezaka mafy izy ny tsy hanota teo amin'ny fiainany mba tsy ho lavina any amin'ny fitsarana ka hivarina any amin'ny afo be na hijaly mandritra ny fotoana maharitra ao amin'ny afo fandiovana. Toa nitarika fomba fijery hafa momba ny Fiavian’i Kristy Fanindroany ny fitomboan’ny fanandramany, izay nanomezan’Andriamanitra azy fahalalana vaovao ny amin’ny fanamarinana amin’ny fahasoavana irery ihany. Niresaka hatrany momba ny Fiavian’i Kristy Fanindroany izy, indrindra nandritra ny toriteny rehefa Krisimasy, kanefa tsy nisy soritra tahotra intsony. Tetsy andaniny, izay rehetra mamaky ireo dia mahatsapa fifaliana lehibe eo amin’ny fiandrandrana mialoha ny andro lehibe indrindra amin’ny tantaran’ny tany. Izany no ahafahan’i Luther ankehitriny mivavaka hoe: “Tongava ry andro farany malala!” Ny famaritana ny andro farany amin’ny teny hoe “malala” dia manala ireo fatorana tahotra rehetra izay mitoetra ao. Tsy misy antony tokony atahorako zavatra izay

lasa malala amiko.

Izany no notoriany hatrany hatrany.

## Tamin'ny fomba ahoana no nahatongavan'i Luther tamin'izany faharesen-dahatra izany?

Misy fanazavana roa manan-danja. Voalohany, nisy ny fifamaliana tamin'ny fiangonana tany Roma indrindra tamin'ny papa. Nomelohana ho "heretika" i Luther ary teo amin'ny sehatra ara-pôlitika dia nitombo ny fiaraha-miasan'ireo firenena manohitra ny Fanavaozana Ara-pivavahana. Tamin'ny voalohan'ny volana Jolay 1523, dia nisy relijiozy roa avy any Antwerp ao Belzika, Johann Esch sy Heinrich Voes, izay efa nodorana tany Bruxelles noho ny fitoriana ireo foto-pinoan'ny Fanavaozana Ara-pivavahana. Voahodidin'ny fahavalo izay naniry ny hiafaran'ireo rehetra izay mandray anjara ao aminy ny Fanavaozana iray manontolo. Ny fanazavana hitan'i Luther ny amin'izany rehetra izany dia ny hery lehiben'ny antikristy izay hiroborobo aloha kelin'ny fiavian'i Jesosy. Teo ihany koa ny hoe niaina tamin'ny fotoana izay nandrahonan'ny Fanjakana Silamo Ottoman amam-polo taonany ny Eoropa Afovoany, izany hoe ny fivavahana kristiana, izy. Tamin'ny fararanon'ny 1529 dia nametraka toby tany amin'ny renivohitry Vienne ny miaramilan'i Suleiman I. Tahotra sy horohoro no niely nanerana ny Eoropa. Ny fitambaran'ny miaramila avy amin'ny firenena maromaro ihany, izay natetika nifanandrina, no afaka hisorohana ny loza, nampian'ny fodian'ny tafika Ottoman tany amin'ny fireneny noho ny fiavian'ny ririnina.

Ny fivoarana tamin'ireo sehatra roa ireo dia toa famantarana manan-danja ho an'i Luther ka nitarika azy hino fa ireo no fotoana farany eo amin'ny tantaran'ny tany ka hiverina tsy ho ela Kristy. Nandrisika azy hanohana ny Fanavaozana Ara-pivavahana izany ary hiandry am-pifaliana ny andro izay hifaranan'ny fijaliana rehetra.

Tsy nalaim-panahy anefa izy hanome daty mazava ho an'ny fiavian'i Kristy na tranga farany manamarika izany. Tao amin'ny tanànan'ny Lochau anefa, kilometratra vitsivitsy miala an'ny Wittenberg izay nonenan'i Luther, dia nisy iray tamin'ny mpiara miasa aminy izay nantsoina hoe Michael Stifel izay nanao kajy fa ny 19 Oktobra 1533 amin'ny valo ora maraina no hifarana ny tany. Nampitaintaina olona maro izany ka tokony nosamborina i Stifel. Nanome teny tsara ho an'izany namany izany anefa i Luther. Nanoratra i Luther fa ny kajy nataon'i Stifel dia "fakam-panahy kely" fotsiny (kleines Anfechtlein) ho azy ary izy tenany aza dia aleony miandry an'i Jesosy am-pilaminana ka tsy hanao izany amin'ny fanehoana fiandrasana diso tafahoatra.

Mazava ho azy anefa fa naniry ihany koa izy ny ahafantatra ny fotoana izay hiavian'i Jesosy amin'izay. Tamin'ny taona farany niainany i Luther dia niezaka nanao kajy ny fotoana hifaranan'ny tantaran'ny tany. Nampiasa rafitra izy izay niainga tany amin'ny fiandohan'ny

Jodaisma izay maneho fa ny tany dia nohariana toy ny herinandro lehibe iray izay maharitra 7000 taona. Nanitatra kajy hafa ara-tantara izy ka nomeny ny lohateny hoe "Supputatio annorum mundi" (Famintinana ny Fe-potoan'ny Tany). Ny valin'ny kajy nataony: Ho avy tsy ho ela Jesosy Kristy! Raha ny tsara kokoa dia mandritra ny andro hiainako. Tsikaritra fa nanandanja tokoa teo imasony izany fisainana izany satria dia namoaka ny boky faharoa izy tamin'ny taona nahafatesany, ny 1546. Rehefa nanontaniana azy ny antony andaniany fotoana sy hery amin'ny fieritreretana ny fiavian'i Kristy dia namaly tamin'ny teny Latina "per otium" izy izay midika hoe: "Fialamboliko izany"!

### Ahoana no ahafako manao ny fifaliana ny fiandrandrana mialoha ny Fiavian'i Kristy Fanindroany ho fialamboliko?

Tiako ny fisainan'ireo Mpanavao Ara-pivavahana: Fialamboliko ny mieritreritra momba ny Fiavian'i Kristy Fanindroany sy ny fifaliana ny fiandrandrana mialoha ny tany vaovao. Tsy manana fotoana ho an'ny fialamboly foana ianao satria ny asa sy ny fianarana no laharapahamehana. Zavatra tsara izany. Kanefa rehefa manana fotoana malalaka kely ianao dia ampiasainao izany hanaovanao izay zavatra tena tianao atao. Misy ny olona mamonjy fikambana izay misy zavatra mahaliana azy. Ny hafa dia manohy mianatra araka izay tratrany ka mihatsara amin'ny fialamboly ataony. Mahavariana fa misy ny olona no lasa matihanina mihitsy amin'ny fialamboly ataony.

Toy ny olona rehefa tia izany ho azy ireo. Isaky ny misy fotoana sy toe-javatra, dia any amin'ilay olona manokana iray hatrany ny heritreritra. Toa hitanao amin'ny endrika hafa tampoka izany ny tontolo. Izay zavatra sarotra taminao lasa mora satria misy zavatra vaovao mandrisika anao izay mbola tsy teo teo aloha. Hafa ny fahitana ny fiainanao izao. Mety toy izany ihany koa ny an'i Luther momba ny Fiavian'i Kristy Fanindroany. Arakaraky ny nitomboan'ny taonany no nampitombo ny faniriany ny "andro farany malala". Tsy voatery miandry rehefa lehibe ianao, atomboy dieny izao satria mety tena hahafinaritra izany miandry izany!

## Ny lovantsika

"Ny fiavian'i Kristy Fanindroany dia ny fanantenan'ny fiangonana, ny fara tampon'ny filazantsara. Ny fiavian'ny Mpamponjy dia ara-bakiteny, manokana, hita maso, ary maneran-tany. Rehefa avy izy dia hitsangana amin'ny maty ireo izay marina, ary akarina any an-danitra miaraka amin'ireo izay velona ka marina izy ireo, fa ny ratsy fanahy kosa ho faty. Ny fahatanterahan'ny ankamaroan'ny faminaniana izay efa kely sisa sy ny zava-misy ankehitriny

eto amin'izao tontolo izao, dia maneho fa efa akaiky ny fiavian'i Kristy. Tsy mbola fantatra ny fotoan'izany, ka noho izany dia amporisihana ho vonona mandrakariva isika. Mat 24; Mar 13; Lio 21; Jao 14:1-3; Asa 1:9-11; I Kor 15:51-54; I Tes 4:13-18; 5:1-6; II Tes 1:7-10; 2:8; II Tim 3:1-5; Tit 2:13; Heb 9:28; Apok1:7; 14:14-20; 19:11-21."[1]

## Antso

Ho avy tsy ho ela Jesosy. Milaza izany rehetra izany ny fotoana. Mitady fiadanana ny olona. Mitafotafo ny fifalian'ny fisian'ny Fiaviana Fanindorany. Tiako ny ho isan'ireo izay hihaona amin'ny Tompo eny amin'ny habakabaka. Maniry ny ho isan'izany koa ve ianao?

## Fanontaniana hifanakalozan-kevitra

(Mpitarika : raha toa ka be loatra ny fanotaniana ho an'ny fotoana voatondro dia misafidiana ireo fanontaniana izay tena sahaza ny tarika misy anao.)

1. Anisan'ny natahoran'i Luther indrindra ny tsy fahazoantsika antoka fa ho anisan'ireo izay voavonjy isika amin'ny fiverenan'i Kristy. Zavatra mampiahiahy anao ve izany?
2. Ny risipon'i Luther hanohana ny Fanavaozana Ara-pivavahana dia nisy ampahany avy amin'ny finoany fa efa hifarana ny tany ary efa hiverina i Kristy.
3. Mahatsapa ve ianao fa manan-danja ny fiarovana ny finoanao?

---

[1]General Conference of Seventh-day Adventists*, Seventh-day Adventist Church 28 Fundamental Beliefs (Abridged Version)* (Silver Spring, MD: General Conference of Seventh-day Adventists, 2013. Retrieved from http://www.adventist.org/en/beliefs.

**MIOMANA DIENY IZAO :**

- KONGRESIN'NY TANORA MANERAN-TANY
- Any Stutgart Allemagne
- Daty : 30 Jolay – 4 Aogositra 2018

*Hampitaovana, hampaherezana, hampandraisana anjara ireo taranaka mpitarika feno ny Fanahy Masina mba hampitana ny lovan'ny fanavaozana.*
*Nantsoina ho mpitarika ny tanora rehetra,koa ilainao ny ho tonga any.*

*ENTO AM-BAVAKA IHANY KOA NY CAMPOREE IOUC 2018*

# GLOBAL YOUTH DAY

March 18th, 2017




...be the sermon...



gcyouthministries.org ● globalyouthday.org ● facebook.com/AdventistGlobalYouthDay ● #globalyouthday